




UNIVERSITE D'ANTANANARIVO  
ECOLE NORMALE SUPERIEURE



-----  
DEPARTEMENT DE LA FORMATION  
INITIALE LITTERAIRE  
-----

Centre d'Etudes et de Recherche  
LETTRES MALGACHES

MEMOIRE POUR L'OBTENTION DU CERTIFICAT D'APTITUDE PEDAGOGIQUE  
DE L'ECOLE NORMALE  
(C.A.P.E.N.)

***NY JORO VINANY AO AMIN'NY  
FOKONTANY ANDOVORANTO  
BRICKAVILLE***

*Présenté par :*  
*RAMILIMANANA Heritiana Lalaina Finaritra*

Directeur de Mémoire :  
**Alphonse RAHARIJAONA**  
**Maître de conférences**  
**ANTANANARIVO**

**2016**

**Date de soutenance : 13 Décembre 2016**

## TENY FISAORANA

Eto am-panombohana dia tsy hainay ny tsy hisaotra an'Andriamanitra Andriananahary noho ny nanomezany anay fahasalamana, herim-po indrindra herin-tsaina ka nahatontosana izaoasa fikarohana izao.

“Ny vary, hono, tsy fotsy tsy an-daona” ary matoa izahay tonga amin'izao dingana fanohanana ampahibemaso izao asa fikarohana izao dia teo dia teo tokoa ianareo mpampianatra sy mpanabe namolavola anay ho amin'izany.

Toloranay fisaorana eram-po eran-tsaina eto Ramatoa RATIARAY Suzette, “Maître de conférences”, izay nanaiky ho filoha mpitarika izao asa fanohanana izao. Fantatray ny adidy sy andraikitra sahaninao kanefa noho ny fandavan-tenanao dia tsy nanosi-bohontanana fa nanaiky am-pitiavana. Ho lava andro iainana anie ianao Ramatoa ary hisondroboninahitra hatrany.

Isaoranay ary ankasitrahana feno koa ianao Ramatoa RAZANABAHINY Victorine, “Maître de conférences”, nanaiky hitsara izao asa izao. Zava-dehibe aminay tokoa izao ataonao izao satria ny voron-tsy rasain-tsy hita aty, ary ny asa fikarohana toy izao, raha tsy tsaraina tsy hita izay entina hanatsarana azy. Nanaiky an-kitsim-po ianao, nahafoy fotoana namakiana sy nitsarana izao asanay izao. Ho tonga amin'ny ambony indrindra anie ianao, hikapa hahita ny tonony, handidy hahita ny vaniny. Mankatelina indrindra Ramatoa!

Fa isaoranay manokana indrindra ianao Andriamatoa RAHARIJAONA Alphonse, “Maître de conférences”, izay niara-nisalahy taminay; tsy nikely soroka, nanao ny ainao tsy ho zavatra nitarika sy nanoro anay nandritra ny fotoana maro tokoa. Tsy nitandro hasasarana tamin'ny fanoroan-kevitra hahatomombana an-tsakany sy an-davany izao asa fikarohana izao. Ilay Andriamanitra manan-karem-pahasoavana anie hanafy hery anao tamin'izay rehetra nataonao taminay fa tsy ho voavalinay ny soa vitanao. Mankasitraka, mankatelina indrindra Andriamatoa!

Fisaorana mitafotafo ihany koa no atolotray ho anao Andriamatoa Randriamahazo Jean Claude, Lehiben'ny Sampana Teny sy Haisoratra Malagasy nanaiky nandray andraikitra taminay hatramin'ny farany ihany koa ka nahatongavanay amin'izao dingana izao.

Hahita soa sy fahombiazana hatrany anie ianao Andriamatoa, ho lohany fa tsy ho rambony, ho ambony fa tsy ho ambany!

Ankasitrahana feno ianareo mpampianatra sy mpanabe rehetra eto amin'ny Sekoly niara-namolavola anay nandritra ny fotoana maro ho tonga amin'izao dingana izao. Tongava amin'ny ambony indrindra Tompokolahy, hahazo izay irina Tompokovavy!

Farany, isaorana sy ankasitrahana ny fianakaviana manontolo izay nankahery tamin'izao asa izao. Misaotra indrindra tamin'ny fanampianareo rehetra. Misaotra ny "FY NY MITIA"(Finaritra Nirina Miantsa Tiavina Anoka), vady aman-janako izay tena nanohana akaiky an'i dada. Ho "sakely mihoa-joro" anie ianareo telo mianadahy, ho lasa lavitra mihoatra an'i dada sy i neny.

Misaotra Tompokolahy! Mankasitraka Tompokovavy!

## FANONDROAN-TAKILA

|                                                                                                                    |     |
|--------------------------------------------------------------------------------------------------------------------|-----|
| TENY FAMPIDIRANA -----                                                                                             | 0   |
| 0.1. TARI-DRESAKA ANKAPOBENY-----                                                                                  | i   |
| 0.2. ANTONY NISAFIDIANANA NY LOHAHEVITRA -----                                                                     | i   |
| 0.3. ANTONY NISAFIDIANANA NY TOERANA -----                                                                         | ii  |
| 0.4. PETRAKA OLANA -----                                                                                           | ii  |
| 0.5. PETRAKA HEVITRA -----                                                                                         | ii  |
| 0.6. LALAN-TSAINA ITONDRANA NY FANADIHADIANA -----                                                                 | iii |
| 0.6.1. Ny mikasika ny antirôpôlôjia -----                                                                          | iii |
| 0.6.2. Ny haitsikera nampiharina -----                                                                             | iv  |
| 0.7. NY FOMBA FIASA -----                                                                                          | v   |
| 0.8. IREO OLANA NOSEDRAINA -----                                                                                   | vi  |
| 0.9. NY FETRAN'NY ASA -----                                                                                        | vi  |
| 0.10. DRAFITRA NITONDRANA NY ASA -----                                                                             | vii |
| FIZARANA VOALOHANY: FAMPAHAFANTARANA NY TOERANA NANAOVANA<br>NY ASA FIKAROHANA, NY MOMBA NY MPONINA SY NY FIAINANY |     |
| 1.1. FAMPAHAFANTARANA NY TOERANA NANAOVANA NY ASA FIKAROHANA -----                                                 | 1   |
| 1.1.1. Firafitry ny tanàna -----                                                                                   | 1   |
| 1.1.2. Ny toetr'andro -----                                                                                        | 7   |
| 1.1.3. Ny toe-tany -----                                                                                           | 8   |
| 1.1.4. Ny rano -----                                                                                               | 8   |
| 1.1.5. Ny mombamomba ny tanàna -----                                                                               | 8   |
| 1.1.5.1. Ny firafiny -----                                                                                         | 8   |
| 1.1.5.2. Ny nahatonga ny anaran'ny tanàna -----                                                                    | 9   |
| 1.1.5.3. Ireo toerana sy zavatra manan-tantara -----                                                               | 12  |
| 1.2. NY MOMBA NY MPONINA SY NY FIAINANY -----                                                                      | 16  |
| 1.2.1. Ny tantarany -----                                                                                          | 16  |
| 1.2.2. Ny isan'ny mponina -----                                                                                    | 16  |
| 1.2.3. Ny asa fivelomany -----                                                                                     | 17  |

|                                                             |    |
|-------------------------------------------------------------|----|
| 1.2.3.1. Ny fambolena -----                                 | 18 |
| 1.2.3.2. Ny fanjonoana sy fanaratoana -----                 | 19 |
| 1.2.3.3. Ny fiompiana -----                                 | 19 |
| 1.2.3.4. Ny asam-panjakana -----                            | 20 |
| 1.2.3.5. Ny fivarotana sy fitaterana -----                  | 20 |
| 1.2.4. Ny lafiny fanabeazana -----                          | 21 |
| 1.2.4.1. Ireo karazan-tsekoly -----                         | 21 |
| 1.2.4.2. Ny voka-panadinana -----                           | 23 |
| 1.2.5. Ny lafiny fahasalamana -----                         | 25 |
| 1.2.6. Ny finoana sy ny riba -----                          | 26 |
| 1.2.6.1. Ny lafiny finoana -----                            | 26 |
| FAMINTINANA NY FIZARANA VOALOHANY                           |    |
| FIZARANA FAHAROA: NY FOMBA FANATONTOSANA NY JORO VINANY AO  |    |
| AMIN'NY FOKONTANY ANDOVORANTO                               |    |
| 2.1. FAMARITANA NY ATAO HOE JORO-----                       | 36 |
| 2.1.1. Famaritana araka ireo tahirin-kevitra -----          | 36 |
| 2.1.1.1. Araka ny firaketana -----                          | 36 |
| 2.1.1.2. Araka ny rakibolana -----                          | 37 |
| 2.1.1.3. Araka an'ANDRIAMAHATODY Nivo -----                 | 38 |
| 2.1.1.4. Araka ny hevitr'i ELYSA-----                       | 38 |
| 2.1.2. Andram-pamaritana -----                              | 39 |
| 2.1.2.1. Famaritana ara-endrika -----                       | 39 |
| 2.1.2.2. Famaritana ara-drafitra -----                      | 39 |
| 2.1.2.3. Famaritana ara-bontoatin-kevitra -----             | 40 |
| 2.1.2.4. Famaritana araka anjara asa -----                  | 40 |
| 2.1.2.5. Famaritana faobe -----                             | 40 |
| 2.2. NY ANTONY ANAOVANA NY JORO VINANY AO ANDOVORANTO ----- | 41 |
| 2.2.1. Ny antony ara-toe-karena -----                       | 41 |
| 2.2.2. Ny antony ara-pinoana -----                          | 42 |

|                                                                   |    |
|-------------------------------------------------------------------|----|
| 2.2.2.1. Ny antony iarahana -----                                 | 42 |
| 2.2.2.2. Ny antony araka ny tsirairay -----                       | 42 |
| 2.3. NY FIZOTRY NY JORO VINANY -----                              | 43 |
| 2.3.1. Ny ambaratongam-pivoarana -----                            | 43 |
| 2.3.1.1. Ireo ambaratongam-pahefana manapa-kevitra -----          | 43 |
| 2.3.1.2. Ny fiomanan'ny fokonolona -----                          | 50 |
| 2.3.1.3. Ny fanombohan'ny lanonana -----                          | 52 |
| 2.3.1.4. Ny famaranana ny lanonana -----                          | 57 |
| 2.3.2. Dingana fampitambarana ireo tontolo roa samy hafa-----     | 58 |
| 2.3.2.1. Ny filazana amin'ny tompon-drano-----                    | 59 |
| 2.3.2.2. Ny mively aomby -----                                    | 60 |
| 2.3.2.3. Ny fiantsoana ireo hery tsy hita -----                   | 61 |
| 2.3.2.4. Ny fampakarana ny lohan'omby -----                       | 64 |
| 2.4. IREO SINGA MIFANDRAY AMIN'NY JORO VINANY -----               | 65 |
| 2.4.1. Ireo mpandray anjara -----                                 | 65 |
| 2.4.1.1. Ireo ao anatin'ny tontolo tsy hita maso -----            | 65 |
| 2.4.1.2. Ireo ao anatin'ny tontolon'ny velona -----               | 66 |
| 2.4.2. Ireo fitaovana ampiasaina -----                            | 69 |
| 2.4.2.1. Ny omby -----                                            | 69 |
| 2.4.2.2. Ny toaka -----                                           | 70 |
| 2.4.2.3. Ny vary -----                                            | 70 |
| 2.4.2.4. Ny tantely -----                                         | 71 |
| 2.4.2.5. Ny vola vy -----                                         | 71 |
| 2.4.3. Ireo hery avy amin'ny tontolo tsy hita maso antsoina ----- | 71 |
| 2.4.3.1. Ny Zanahary -----                                        | 72 |
| 2.4.3.2. Ny razana -----                                          | 74 |
| FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA                                   |    |

FIZARANA FAHATELO: NY SANDA RAKETIN'NY JORO VINANY SY NY SEHATRA  
AMPIHARANA NY ASA FIKAROHANA EO AMIN'NY FANABEAZANA

|                                                                                                        |     |
|--------------------------------------------------------------------------------------------------------|-----|
| 3.1. NY SANDA RAKETIN'NY JORO VINANY -----                                                             | 79  |
| 3.1.1. Ny sanda raketin'ireo fitaovana ampiasaina -----                                                | 79  |
| 3.1.1.1. Ny sandan'ny biby -----                                                                       | 80  |
| 3.1.1.2. Ny sandan'ny zavatra ampiasaina -----                                                         | 81  |
| 3.1.2. Ny sandan'ny fombafomba sy ny fotoana ary ny habaka -----                                       | 83  |
| 3.1.2.1. Ny sanda raketin'ny fombafomba -----                                                          | 83  |
| 3.1.2.2. Ny sanda raketin'ny fotoana sy ny habaka -----                                                | 87  |
| 3.1.3. Ny joro -----                                                                                   | 89  |
| 3.1.3.1. Ireo karazana joro -----                                                                      | 89  |
| 3.1.3.2. Ny firafitry ny joro -----                                                                    | 90  |
| 3.1.4. Ny sandan'ny joro vinany -----                                                                  | 91  |
| 3.1.4.1. Ny sanda ara-pinoana -----                                                                    | 92  |
| 3.1.4.2. Ny sanda ara-toe-karena -----                                                                 | 93  |
| 3.1.4.3. Ny sanda ara-teti-pitondrana -----                                                            | 94  |
| 3.1.4.4. Ny sanda ara-piarahamonina -----                                                              | 97  |
| 3.2. NY AZO AMPIHARANA NY ASA FIKAROHANA AMIN'NY FANABEAZANA ----                                      | 98  |
| 3.2.1. Ireo olana amin'ny taranja Malagasy -----                                                       | 99  |
| 3.2.1.1. Ny taranja Malagasy amin'ny ankapobeny -----                                                  | 99  |
| 3.2.1.2. Ny zana-taranja riba -----                                                                    | 99  |
| 3.2.2. Ireo vahaolana -----                                                                            | 100 |
| 3.2.2.1. Ny taranja malagasy amin'ny ankapobeny -----                                                  | 100 |
| 3.2.2.2. Ny fampianarana riba -----                                                                    | 100 |
| 3.2.3. Ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana azo ampiharana ity<br>asa fikarohana ity ----- | 102 |
| 3.2.3.1. Fandaharam-pianarana ao amin'ny C.E.G. -----                                                  | 102 |
| 3.2.3.2. Fandaharam-pianarana ao amin'ny LYCEE -----                                                   | 103 |

FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO

## **DIKAN-TENY**

### **A**

-Anambo: ambony

-Andreo: ianareo

- Aketo: eto

### **F**

-Fanôka: sahaza

### **K**

-kôza : intsony

### **L**

-Laoka: trondro

### **M**

-Mandiny: miandry

-Mitso: maitso

### **N**

-Niany: androany

-Ninay: ny anay

-Nitandriny: naheno,nahare

### **R**

-Rômy : toaka “rhum”

### **S**

-Sambe: samia

### **Z**

-Zahanana: ijerena

-Zahey: izahay



## **LISITRY NY SARY**

Sary 1: Ny faritra atsinanana eoanivon'i Madagasikara – takila 10

Sary 2: Ny Distrikan'i Brickaville - takila 11

Sary 3: Ny kaominina Andovoranto eo anivon'ireo Kaominina manodidina azy ao anatin'ny Distrikan'I Brickaville - takila 12

Sary 4: Ny fiampita baka ho any Andovoranto – takila 13

Sary 5 : Ny vava vinany fihaonan'ny ranomasina sy ny ranomamy – takila 14

Sary 6: Ny biraon'ny province teo aloha –takila 18

Sary 7: Ilay lovoka fanasan'I Ranto ny tongony nisy fery –takila 19

Sary 8 : Ny tsangambato fahatsiarovana an'I Mgr DESOLAGES – takila 23

Sary 9 : Ny tsangambato fahatsiarovana an'I Mgr DESOLAGES – takila 23

Sary 10: Hazo nohamasinina ho fisokina amin'ny joro vinany – takila 66

Sary 11 : Ny Tangalamena DIMILAHY Alfred, mijoro miantso razana.- takila 88

## **TONDROVOLANA**

B.E.P.C. : Brevet d'Etude du Premier Cycle

C.E.G. : Collège d'Enseignement Général

C.E.P.E. : Certificat d'Etude Primaire Elémentaire

C.S.B. II : Centre de Santé de Base

E.KA.R. : Eglizy KAtôlika Rômana

E.P.P. : Ecole Primaire Publique

F.J.K.M. : Fiangonan'I Jesoa Kristy eto Madagasikara

F.R.A.M. : Fikambanan'ny Ray Aman-drenin'ny Mpianatra

P.C.D. : Plan Communal de Developpement

T.C.E. : Tananarive – Cote Est

*TENY FAMPIDIRANA*



## **0-1-TARI-DRESAKA AMIN'NY ANKAPOBENY**

Isan'ny Nosy lehibe aty amin'ny ranomasimbe Indianina i Madagasikara. Manana velarana hatrany amin'ny 592.000 km<sup>2</sup>, noho izany dia azo inoana fa misy fomba amam-panao maro mety tsy ho fantatry ny olona avy any andrefana tanterahan'ny tatsinanana na fomba tatsimo tsy fantatry ny tavaratra. Na maro toy izany aza anefa ny fomba eto Madagasikara dia iray ihany ny vontootiny sy ny mety ho heviny, saingy ny fanatanterahana azy fotsiny no misy mampiavaka azy. Raha manao ny “Famorana” ohatra ny fiarahamonina afovoantany dia manatanteraka ny “Laza” ny any amin'ny faritra atsinanana ary manao ny “Sambatra” kosa indray ny any atsimo atsinanana.

Noho izany, mba entinay manaporofa fa iray tsy mivaky ny Malagasy dia nisafidy ny hanao asa fikarohana momba ny riba izahay. Ny riba mantsy no isan'ny maneho ny maha izy azy ny fiarahamonina iray. Araka izany, hohadihadianay ato amin'ity asa fikarohana ity ny momba “NY JORO VINANY AO AMIN'NY FOKONTANY ANDOVORANTO”

## **0.2. ANTONY NISAFIDIANANA NY LOHAHEVITRA**

Hita amin'izao vanim-potoana iainantsika izao fa mitady ho tototry ny riba sy ny kolontsaina vahiny ny kolontsaina malagasy. Izany no antony hijoroanay mba hamelona indray sy hampahalala ary hanandratra ny maha-Malagasy tsy ho saron'ny riba sy Kolontsaina vahiny; ary mahatsapa izahay fa manana adidy mba hampahafantatra amin'ireo taranaka mandimby ny lovasoa nentin-drazana.

Tsy ataonay ambanin-javatra, noho izany, ny fitrandrahana izao lohahevitra arosonay izao mba hahatonga ny Malagasy hahalala ny fomba amam-panaony ka hahazany mandanjalanja ny tokony hataony manoloana ny riba vahiny sy ny hanomezany hasina ary ny hanandratany avo ny riba sy ny Kolontsaina malagasy.

Ankoatra izay, efa maro ireo efa nanao fikarohana mikasika ny joro vinany tany amin'ny faritra maro fa ny tao Andovoranto tsy mbola nisy ka rariny sy hitsiny ny anaovanay izao asa fikarohana izao mba hampisongadina ny tena mikasika ny “joro vinany” ao.

### **0.3. ANTONY NISAFIDIANANA NY TOERANA**

Ny fokontany Andovoranto no nosafidianay hanaovana izao asa izao na dia maro aza ny toerana azo anaovana izany satria efa nonenanay nandritra ny dimy taona (janoary 2002- desambra 2007) io toerana io. Noho izany, dia tsy sarotra taminay intsony ny fidirana tamin'izany fiarahamonina izany satria efa nifanerasera ela tao izahay, ka na ny fomba fiteny n any fombafomba amam-panao dia azo lazaina fa mahafolaka izany izahay. Raha ny fombafombam-piainan'ny mponina sy ny amin'ny toerana indray dia efa mahalala amin'ny ankapobeny ihany ny tenanay. Amin'ny fanadihadiana fomba tahaka izao mantsy dia tena ilaina tokoa ny firotsahana an-tsehatra ka manadihady mivantana sy manatrika mihitsy ny fomba. Noho iretsy voalaza etsy ambony iretsy dia tsy nanana olana firy intsony izahay tamin'izany firotsahana an-tsehatra izany.

### **0.4. PETRAKA OLANA**

Heverina fa manana hasina manokana ny vinany ao Andovoranto ka manana ny fadiny toy ny vy sy ny vehivavy tonga fadim-bolana. Tsy voahaja anefa izany indraindray ka mahatonga ny trondro ao tsy hivoaka. Misy fiantraikany ara-toekarena sy ara-piarahamonina izany. Manoloana izany dia tsy maintsy tanterahina ny Joro izay fivavahana sy fangataham-pitahiana amin'ireo hery tsy hita maso mba hialana sy hisorohana ireo olana ireo. Ny olana mipetraka araka izany dia hoe: Moa ve tena mivaha marina ny olana eo amin'ity fiarahamonina ity rehefa manatontosa ny "Joro vinany"?

### **0.5. PETRAKA HEVITRA**

Raha ny faritra manatanteraka ity fomba iray ity no asian-dresaka dia tena maro tokoa raha ny eto Madagasikara. Tsy mifidy sokajin'olona koa izy ity fa saika ny olona rehetra dia manao azy avokoa : na ny mpanaraka ny fomban-drazana , na ireo mpino kristianina , na ny tantsaha , na ny mpiasa birao , na ny mpitondra fanjakana dia samy manaiky ny mahazava-dehibe ny joro vinany avokoa . Noho izany indrindra no nanosika anay hamakafaka sy handalina ny mikasika ity fomba iray ity ka nahafahanay nanatsoaka ireto petra-kevitra ireto :

-Ny "joro vinany" no mampitombo ny finoan'ny olona ny hasina nentin-drazana.

-Ny "joro vinany" no isan'ny mampivoatra sy mampandroso ny toe-karen'ny faritra manatanteraka azy.

-Ny "joro vinany" no mampirindra ny fifandraisana eo amin'ny mpiarahamonina.

## 0.6. NY LALAN-TSAINA ITONDRANA NY FANADIHADIANA

Marihina fa tsy fitantarana fotsiny ihany no atao amin'izao asa fikarohana izao fa famakafakana sy fandalinana mihitsy ny sanda raketin'ny "joro vinany". Noho izany dia tsy maintsy misafidy lalan-tsaina itondrana izao asa izao mba tsy ho lasa fitantarana fotsiny.

Araka ny ambaran'i P.A RAZAFINTSALAMA : "... raha tsy soritana teoria ny lalàm-pikarohana siantifika dia hitombina fotsiny amin'ny fitantarana ny zavatra hita sy re ny mpikaroka fomban-drazana fa tsy hahatsikaritra na ny tena firafitry ny fomba na ny soatoavina fonosiny."<sup>1</sup>

Maro karazana ny siansa mandalina ny fiaraha-monin'ny olombelona toy ny sôsîôlôjia, ny jeôgrafia, ny filôzôfia , ny antrôpôlôjia , sns... Fa ny iompanan'izao asa izao dia ny antrôpôlôjia.

### 0.6.1. Ny mikasika ny antrôpôlôjia

Ny teny hoe " antrôpôlôjia" dia azo avy amin'ny fitambaran'ny teny roa:

*Anthropos* , izay midika hoe " olombelona " ; sy ny *logos* izay midika hoe "fandinihana".

Ny antrôpôlôjia izany dia siansa mandinika ny olombelona . Olombelona miaramiaina ao anaty fiaraha-monina izay manana fomba amam-panao iraisana . Araka izany , ny antrôpôlôjia mandinika ny fiaraha-monina no taranja mahasahana izao asa fikarohana izao.

Toy izao no amaritan'i Evans PRITCHARD izany : "Ny antrôpôlôjia sôsialy dia nampiasaina tany Angletera ary amin'ny sehatra sasantsasany tany Etazonia mba hiantsoana ny sampana iray ao amin'ny antrôpôlôjia izay mandinika ny olombelona amin'ny lafiny maro".<sup>2</sup>

---

<sup>1</sup> P Adolphe RAZAFINTSALAMA, *Sj, Tari-dalana ho enti-manadihady ny fInoana sy ny fomba Malagasy*, Tak. 09

<sup>2</sup> Evans PRITCHARD, *Anthropologie sociale*, Edition PAYOT, Paris, 1969, tak. 09  
 " Le terme anthropologique sociale est utilisé en Angleterre et dans une certaine mesure, aux Etats-Unis, pour designer une certain branche de l'anthropologie qui est l'étude de l'homme sous différents aspects. Son étude porte sur les sociétés et les cultures."

Io antrôpôlôjian'ny fiaraha-monina io dia misandrahaka amin'ny sehatra maro toy ny fihavanana, ny finoana amam-pivavahana, ny pôlitika, ny toekarena, ny fanabeazana, ny tontolo iainana, sns... Fa ny sehatra iompanana amin'izao asa fikarohana izao dia ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana.

### 0.6.2. Ny haitsikera na ny teôria nampiharina

Rehefa manao asa fikarohana antrôpôlôjika toy ny antrôpôlôjia mandalina ny finoana amam-pivavahana dia tsy maintsy misy teôria na haitsikera ampiharina mba hampitombina tsara ny fikarohana atao sy mba hahatakarana tsara izay tena heviny.

Ara-pamaritana, “ *Ny haitsikera dia fitambarana lalàna sy fitsipika voalamina na voarindra tsara izay fototra ho an'ny siansa ary mitondra fanazavana toe-javatra iray* ”<sup>3</sup>

Misavoana ny fandinihina atao raha tsy mifototra amin'ny teôria ka tsy azo antoka . Manamafy izany ny voalazan'i môpera RAZAFINTSALAMA manao hoe: “... raha toa mantsy ka tsy soritana teôria ny lalam-pikarohana siantifika dia hitombina fotsiny amin'ny fitantarana sy ny zavatra hita sy re (empirisme) ny mpikaroka fomban-drazana fa tsy hahatsikaritra na ny tena firafitry ny fomba (structure) na ny soatoavina(valeur)”<sup>4</sup>

Marihina fa talohan'ny Ady Lehibe Faharoa dia ireto ny fironan-tsaina na ny teôria nisy : ny Evolutionisme, ny Diffusionisme, ny Fonctionnalisme, ny Structuralisme, ny Culturalisme.

Misy lafin-javatra maro mifameno sy mitambatra no ahafahana manatanteraka ny “joro vinany”. Noho izany, azo raisina entina manatontosa izao asa fikarohana izao ny “structuralisme” na ny haitsikera ara-drafitra.

Ny fiaraha-monina mantsy tsy vongana iray mahaleo tena fa fivondronana singa maromaro mitambatambatra manome rafitra iray ka izany no nisafidiananay ny haitsikera ara-drafitra.

---

<sup>3</sup> Dictionnaire Larousse 2000 (DVD), « Ensemble des règles, de loi systématiquement organisées, qui servent de base à une science et qui donnent l'explication appliquée à la compréhension d'un certain nombre de faits »

<sup>4</sup> Père Adolphe RAZAFINTSALAMA , efa voatanisa , tak. 140



Isan'ny malaza amin'izany haitsikera ara-drafitra izany i LEVI-STRAUSS sy PIAGET ary RADCLIFFE- BROWN. Fintinin-DRAZAFINTSALAMA toy izao ny voalazan'izy telo lahy ireo:

*1-“Manambara fitambaran-dalàna mirindra ny atao hoe rafitra. Izany hoe, mirindra ny lafim-piainana samihafa mampijoro ny fiarahamonina.”*

*2-“Raha vao misy lafim-piainana iray miova na voahetsika eo amin'ny fiarahamonina dia midona any amin'ny rafitra manontolo izany ary miantraika any amin'ny lafim-piainana samihafa koa.”*

*3-“Raha heverina fa isan'ny mampatanjaka ny fiainan'ny fiarahamonina ny firafiny dia azo antoka fa ny herin'io rafitra io ihany no hitantana ny fiovany.”*

## **0.7. FOMBA FIASA**

Mba hampirindra tsara ny asa fikarohana dia ireto ny fomba fiasa noheverinay fa hahatomombana tsara ny asa:

-Famakiana boky sy tahirin-kevitra.

-Firotsahana an-tsehatra mba hahalalana tanteraka ny fombafomban'ny faritra hadihadiana, tsy azo hadinoina ny manomana ny antontam-panontaniana izay efa voarafitra sy manaraka tsara ny drafitry ny asa ary koa ireo sokajin'olona anaovana ny fanadihadiana.

-Fampiasana fitaovana fandraisam-peo mba hahamarim-pototra sy tsy hisian'ny fanadinoana eo amin'ny valim-panontaniana azo, fakana sary mba hahafahana mitondra porofo amin'izay zavatra lazaina:

-Famadihana ny feo ho lasa soratra sy fandrindrana ary fanasokajiana.

-Fandrafetana ny asa manontolo.

## **0.8. IREO OLANA NOSETRAINA SY NY VAHAOLANA NORAISINA**

Maro tokoa ireo olana nostrainina teo am-panatanterahana ny asa, kanefa rehefa eo ny finiavana dia tsy maintsy mahita vahaolana hatrany hamahana ireny.

Tsy afaka nanatri-maso ny fomba izahay satria tsy nisy ny joro vinany tamin'ny fotoana nandalovanay nanao ny fandihadiana. Noho izany, ny sary izay azonay nalaina dia ny sary tamin'ny fanatanterahana ny joro vinany farany tao Andovoranto.

Satria tsy nanatrika ny fomba izahay dia sarotra taminay tokoa ny naka sy nangataka ary nanontany ireo kabary sy valin-kabary atao rehefa manatanteraka ny fomba. Vokatry ny fiaraha-miasa tamin'ireo vavanjaka(mpikabary) anefa dia afaka nanome anay ihany izy ireo rehefa nohazavaina taminy ny antony tena ilana sy anaovana izao asa izao.

Ny tena nanahirana indrindra dia ny fomba nakana ireo fombafomba atao sy tenenina rehefa mijoro. Eto amin'ity sehatra iray ity mantsy dia tsy ny vavanjaka no manao azy fa avy hatrany dia ny Tangalamena mihitsy. Tsy azo atao sarintsariny noho izany ny joro fa rehefa mijoro dia tena mijoro tokoa. Tsy maintsy nitady hevitra teto ny tenanay mba hahafeno ny fanadihadiana ary dia voatery nanatanteraka joro mba hahazoana izay rehetra tadiavina momba ny asa fikarohana ka nividy ireo zavatra rehetra ilaina rehefa mijoro toy ny toaka sy betsaka ary limônady.

Ankoatra izay, vokatry ny fandalovan'ny rivo-doza matetika sy ny fiovaovan'ny biraon'ny Kaominina dia tsy hita tao an-toerana ny P.C.D. (Plan Communal de Développement) nandritra ny fotoana fandalovanay nanao ny fanadihadiana. Ny Ben'ny Tanàna sy ny lefiny no nanampy anay tamin'ny fitadiavana izay rehetra nilainay tamin'ny alalan'ireo tahirin-kevitra teo am-pelatanany.

## **0.9. NY FETRAN'NY ASA**

Isan'ny santatra amin'ny asa fikarohana notanterahina tao amin'ny tanànan'Andovoranto ihany izao nataonay izao. Mbola maro be ireo fomba amam-panao azo trandrahina ao amin'ity fiarahamonina ity raha ny riba fotsiny no resahina.

Tsy maintsy noferana, araka izany, ny faritra nohadihadiana sy ny lohahevitra nodinihina. Mbola azon'ny mpikaroka sasany atao ny mitrandraka lohahevitra hafa satria isan'ny faritra manan-karena fomba amam-panao raha ity faritra nosafidianay ity.

## **0.10. NY DRAFITRA NITONDRANA NY ASA**

Mizara telo lehibe ny vontootin'ny asa notanterahanay:

### **FIZARANA 1**

Mifototra tanteraka amin'ny fampahafantarana ny toerana nanaovana ny asa fikarohana sy ny mobamomba ny mponina ary ny fiampianany ny fizarana voalohany nataonay.

## FIZARANA 2

Ny iompanan'ny asa ato amin'ny fizarana faharoa dia ny mombamomba ny fomba dinihina sy ny vontoahtiny mihitsy. Ezahina, araka izany, ny hitondra fanazavana momba ny "joro vinany" ao Andovoranto. Hojerena amin'izany ohatra ny fizotrany, ny antony anatanterahana azy, ny vokatry ny fanatanterahana azy sy ny vokatry ny tsy fanaovana azy.

## FIZARANA 3

Ny riba tsirairay dia manana ny lanjany sy ny sanda mampiavaka azy avokoa. Izany sanda izany no ezahina avoitra ato amin'ity fizarana fahatelo ity. Horesahina amin'izany ny fitaovana, ny toerana ary ny "joro vinany" amin'ny ankapobeny

Satria eo amin'ny sehatry ny fanabeazana no antony anaovana izao asa fikarohana izao dia hojerena ato amin'ity fizarana ity ireo lohahevitra mifandraika aminy sy azo ampiharana azy ka mifanaraka amin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny C.E.G sy Lycée.

**FIZARANA VOALOHANY:  
FAMPAHAFANTARANA NY TOERANA  
NANAOVANA NY ASA FIKAROHANA ,  
NY MOMBA NY MPONINA SY NY FIAINANY**

Araka ny voalaza etsy amin'ny drafitra; ity fizarana voalohany ity dia natao hampahalalana ny toerana nanaovana ny asa fikarohana sy izay mombamomba azy mba hahafahana mamakafaka tsara ny fombafomba hodinihina. Azo lazaina mantsy fa misy ifandraisany ary tena mifameno tokoa ny fomba amam-panaon'ny faritra iray sy ny zava-misy iainan'ny mponina ao aminy ara-tantara, ara-toe-karena ary ara-pitondrana.

Hojerena miandalana eto ary ny toerana nanatanterahana ny asa fikarohana sy ny fiampiainan'ny mponina ary ny mombamomba azy.

### **1.1. NY TOERANA NANATANTERAHANA NY ASA FIKAROHANA**

Mba tena hahafantaran'ny mpamaky izao asa izao ny toerana nanaovana ny asa fikarohana dia ho soritana eto mazava tsara ny faritry ny tanàna, ny firafiny, ny toetany sy ny toetr'andro ary ny antony nahatonga ny anaran'ny tanàna.

#### **1.1.1. NY FARITRY NY TANANA**

Any amin'ny Faritra Atsinanana no misy an'Andovoranto. Ao amin'ny distrikan'I Brickaville ary 20 kilaometra sidim-borona miala avy eo mianatsimo-atsinanana. Raha mandeha fiarakodia dia 25km avy ao Brickaville, miditra miatsinanana, miampita baka rehefa tonga ao Andavakimena izay sampanana mankany Ambila Lemaitso sy Andovoranto.

Raha mandeha lakam-by kosa miainga ao Brickaville dia maharitra ora efatra eo ho eo manaraka ny lakan-dranon'i Pangalana ary mandalo vava-vinany izay ihaonan'io renirano io amin'ny ranomasim-be Indiana mialoha ny hidirana ao antanàna.

I Andovoranto dia sady anaran'ny firaisam-pokontany no anaran'ny fokontany anaovana ny asa fanadihadiana. Ity fokontany ity no ifotoran'ny asa manontolo, ka izy no resahina rehefa manonona ny hoe Andovoranto.

Sary : 01

## Faritra Atsinanana eo anivon'i Madagasikara




\* Loharano : MEEI/CREAM, Monographie de la région atsinanana, 2011

Faritra atsinanana no loko miavaka eto




Sary : 02

## NY DISTRIKAN'I BRICKAVILLE



# Kaominina Andovoranto eo anivon'ireo kaominina manodidina azy ao anatin'ny distrikan 'i Brickaville

Sary : 03



Loharano: tahirin-tsary tao amin'ny biraon'ny kaominina Andovoranto



Sary : 04



Miampita baka eo Andavakimena rehefa ho any Andovoranto

Naka ny sary: Ny mpikaroka

Sary : 05



Ny vava vinany ao Andovoranto: fihaonan'ny ranomasina sy ny ranomamy

Naka ny sary: Ny mpikaroka

Toy izao ary ny mombamomba azy:

- Ny velarany: 3,160 ha
- Ny mamaritra azy avy ao atsinanana dia ny ranomasimbe Indiana
- Ny mamaritra azy avy ao andrefana dia ny fokontany Manerinerina, Ambatobe, Ianakonitra.
- Ny mamaritra azy avy ao avaratra dia ny fokontany Andavakimena sy Ambodivoara.
- Ny mamaritra azy avy ao atsimo dia ny fokontany Sondrara sy Vohitrampasina.

Ao amin'ity fokontany Andovoranto ity dia misy "parcelle" enina:

- parcelle 1 : Ambalamangahazo
- parcelle 2 : Antanambondrona
- parcelle 3 : Ambodiantafana
- parcelle 4 : Antedilana
- parcelle 5 : Tanambao
- parcelle 6 : Ankalomalala.

Ity fizaram-paritra Ankalomalala ity dia somary mihataka kely ny « parcelle » dimy voalohany ka ny vinany izay isan'ny ifotoran'ny asa no mampisaraka azy ireo.

#### **1.1.2. NY TOETR'ANDRO**

Satria moa any amin'ny faritra Atsinanana no misy ny kaominina Andovoranto dia tsy misy mampiavaka azy manokana fa mitovy amin'ny toetr'andro hita amin'ny morontsiraka atsinanan'ny Nosy ihany, izany hoe, mafana sy manorana mandavan-taona.

Miantomboka ny volana sepitambira ka hatramin'ny volana apirily eo ho eo dia tena mafana tokoa ny andro kanefa ao anatin'izany ihany koa no isian'ny orana sy vanim-potoana fandalovan'ny rivo-doza ; io vanim-potoana io no azo antsoina hoe : « Lohataona ». Mandritra ny volana may mandrapahatongan'ny volana aogositra kosa indray no isian'ny vanim-potoana mangatsiaka ka antsoina hoe : « ririnina »; mandritra io vanim-potoana io dia mbola ahitana erika sy na orana madinika ihany. Izany no ahafahana milaza fa tsy tapaka orana mihitsy any amin'ity faritra ity mandavan-taona.

### **1.1.3. NY TOE-TANY**

Isan'ny fokontany manana lemaka lehibe indrindra ao anatin'ny kaominina ny fokontanin' Andovoranto satria tsy ahitana havoana mihitsy. Manana velaran-tany mirefy 3,160 ha ny fokontanin'Andovoranto ka ny 1,800 ha amin'io no azo volena araka ny voalazan'ny Ben'ny tanàna RANAIVO Victor.

Ankoatra izay dia isan'ny tany mahavokatra koa i Andovoranto vokatry ny fandalovan'ny Lakan-dranon'i Pangalana avy ao Andrefan'ny tanàna izay manondraka azy mandavan-taona.

### **1.1.4. NY RANO**

Toerana tena manana tombony ny ao Andovoranto raha ny rano no resahina satria sady lalovan'ny reniranon'i Pangalana izy no manana ny ranomasimbe Indiana kanefa koa mbola ahitana ny vinany izay ihaonan'izy ireo.

### **1.1.5. NY MOMBAMOMBA NY TANANA**

Resahina eto ny firafitry ny tanàna, ny nahatonga ny anarany ary ireo zavatra sy toerana manan-tantara ao.

#### **1.1.5.1. Ny firafiny**

Amin'ny ankapobeny, tanàna mitomandavana eo anelanelan'ny ranomasimbe Indiana sy ny Lakandranon'i Pangalana no misy ny fokontany, izany hoe, mitomandavana avy avaratra mianatsimo ka ny vakim-paritra voalohany no avaratra indrindra ary ny vakim-paritra fahadimy no farany atsimo, izany hoe avaratry ny vinany sy manakaiky azy indrindra, ny vakim-paritra fahenina kosa dia mitokana ery atsimon' ny vinany. Ireo rehetra ireo dia samy miorina eo amin'ny toerana lemaka avokoa ary samy manamorona tora-pasika.

Raha ny fitsitokotokoan'ny mponina indray no jerena dia hita fa ny mpiavy izay efa valovontaka ka zary tompon-tany mihitsy dia mivondrona ao amin'ny vakim-paritra voalohany ao Ambalamangahazo.

Ny mpiavy izay mpiasam-panjakana toy ny mpampianatra sy ny mpitsabo ary ny mpitandro ny filaminana (zandary), kosa indray dia mivondrona ao amin'ny vakim-paritra faharoa ao Antanambondrona satria ao amin'io vakim-paritra io no misy ny ankamaroan'ny tranom-panjakana.

Ny vakim-paritra sisa hafa no itoeran'ireo zana-tany sy ny mpiavy sasany izay manao ny raharaham-barotra sy fiompiana.

#### 1.1.5.2. Ny nahatonga ny anaran'ny tanàna

Eto amin'ity anaran'ny tanàna ity no ilana fanazavana betsaka satria misy ny manonona ny anaran'ny tanàna ho « Andevoranto » ary misy ny manao hoe « Andovoranto ».

Araka ny lovan-tsofina izay nampitain'ny tangalamena RAMANANA sy DIMILAHY Alfred dia nisy lehilahy iray nantsoina hoe « Ranto » nonina tao an-tanàna. Izy io dia nisy vay (fery) ny tongony ka isan'andro izy (maraina, atoandro, hariva) dia tsy maintsy mandeha manasa izany feriny izany any amina dobo iray any atsimon'ny tanàna. Rehefa tsy hita ao an-tanàna izy dia tsy maintsy any amin'io dobo io no ahitana azy. Amin'ny Betsimisaraka mantsy ny dikan'ny dobo dia lovoka. Manaporofo izany ny voalazan-dRAJEMISA-RAOLISON Régis : « *Lovoka (btm) a : dobo, antara* »<sup>5</sup>. Noho izany, dia nantsoina hoe « lovok'i Ranto » io dobo io; ary nivoatra ka nahatonga ny anarana hoe ANDOVORANTO.

Taty aoriana anefa, rehefa tonga teto Madagasikara ny mpanjanatany, nanano sarotra azy ireo ny fanononana ny « Ando -» amin'ny hoe Andovoranto, fa ny hoe « Ande -» kosa no nanavanana azy ireo. Satria moa, araka izany, ny vazaha no nitantana dia izay nitiavany azy no natao ka ny hoe: Andevoranto no nanononany azy ka izay no notanany.

Marihina fa taty aorian'ny taona 1910 vao nantsoina hoe Andevoranto i Andovoranto araka ny « Registre des Actes d'adoption, de rejets et de divorces »<sup>6</sup>, natao tao Andovoranto ny 12 novambra 1909 izay mbola nahitana ny hoe Andovoranto .

---

<sup>5</sup> RAJEMISA-RAOLISON Régis, *RAKIBOLANA MALAGASY*, tak.549

<sup>6</sup> Jereo ny tovana

Sary : 06



Biraon'ny province teo aloha

Naka ny sary: Ny mpikaroka



Sary : 07



Ilay lovoka (dobo) fanasan'i Ranto ny tongony nisy fery

Naka ny sary: Ny mpikaroka

Araka ny voalazan'ny tantara anefa dia toerana fandrantoana na fanondranana andevo ny moron- dranomasina ka izay no nahatonga ny hoe Andevoranto.

Toy izao ny voalazan-dRANDRIAMAMONJY Frédéric mikasika izany : « *Ny fanondranana andevo dia tany amorontsiraka atsinanana (Antongila, Sainte Marie, Andevoranto, Matitanana ), teo anelanelan'ny taona 1506-1776 dia nisy farafahakeliny Malagasy 3200 navarina ho any Maurice ary 2700 no naondrana nankany La Réunion. Takalo ny ankamaroan'ny varotra ary na ny olombelona aza matetika natakaloka toaka na basy na vanja, sns... »*<sup>7</sup>

Rehefa nandinika anefa izahay dia Andevoranto no tena anaran'ny tanàna tany am-piandohana satria efa tamin'ny taona 1507 no efa nisy ny fanondranana andevo kanefa tamin'ny 1750 vao nolazain'iretsy mponina fa nahatongavan'ny mponina voalohany tao. Mety hitombina ihany ny tantaran'i Ranto ka izay angamba no notazonina satria tsy zakan-dry zareo ny tanànany raha tondroina hoe fandrantoana andevo satria manimba ny sofin'ny mponina ka novany. Marihina fa amin'izao fotoana izao dia Andovoranto no anarana iantsoana ny tanàna na dia eo amin'ny sehatra ara-panjakana aza ; ary izany nonahatonga anay hampiasa ny hoe Andovoranto amin'izao asa fikarohana atao izao.

### **1.1.5.3. Ireo toerana sy zavatra manan-tantara**

Manana ny tantara mampiavaka azy manokana tokoa ny tanànan'Andovoranto fahiny.

Vao tonga teto Madagasikara ny mpanjanatany dia nisafidy an'Andovoranto ho « Chef lieu de Province » tamin'ny taona 1905. Tato aoriana anefa, tamin'ny taona 1940 , nafindra tany Toamasina izany satria noheverina fa akaiky loatra an'Antananarivo i Andovoranto sady i Toamasina koa no mora ifamezivezena amin'ny any ivelany. Vokatra izany dia lasa natao « Chef District » indray izy nanomboka ny taona 1941 ka hatramin'ny taona 1958. Ny antony dia noho izy lavitra loatra ny lalam-pirenena faharoa sy ny lalam-by T.C.E. (Tananarive – Cote Est) izay mandalo ao Brickaville .

---

<sup>7</sup>RANDRIAMAMONJY Frédéric , *Tantaran'i Madagasikara isam-paritra*, tak.264



Hatreo, izany hoe, ny taona 1958, ka mandraka ankehitriny dia lasa kaominina ambanivohitra i Andovoranto izay fitambarana fokontany 12 :

- Andovoranto
- Manerinerina
- Manarantsandry
- Manakambahiny
- Ambatobe
- Ianakonitra
- Andavakimena
- Ambodivoara
- Ambila
- Vavony
- Sondrara
- Vohitrampasina.

Araka izany dia mbola tazana ao an-toerana ny rindrin'ny trano niasana sy nitoeran'ireo mpitondra tamin'ny andron'ny fanjanahantany naha « Chef lieu de Province » sy naha « Chef lieu de District » azy.

Ankoatra izay, isan'ny tanàna voalohany nitoriana ny filazantsara tany amin'ny faritra Atsinanana iny koa ny tanànan'Andovoranto. Mbola niaina tanteraka tao anatin'ny finoana nentim-paharazana anefa ny mponina ka nananosarotra ny mpitory filazantsara izany. Nisy ny aina nafoy tamin'izany ka nahafaty ny misionera iray antsoina hoe « DESOLAGES » izay maty tao Andovoranto tamin'ny 08 desambira 1832. Araka ny filazan'ireo raiamandreny tao an-tanàna, noho ny tsy fanomezan'ny mponina azy io rano hosotroiny rehefa nangetaheta izy no isan'ny antony nahafaty azy. Talohan'ny nahafatesan'io misionera io dia nanozona ny tanàna manontolo sy ny mponina izy ka nanao hoe « Ho sahirana mafy amin'ny fitadiavana ity faritra ity sy ny mponina ao aminy » ary nisy fiantraikany tamin'ny fiainan'ny mponina izany. Tamin'ny volana okitobira taona 2005 dia tonga tao Andovoranto ny fianakaviana sy ny taranak'i Mgr DESOLAGES niaraka tamin'ny vahoaka kristianina katolika

manerana ny diosezin'i Toamasina nanao fotoam-bavaka lehibe nandritra ny telo andro mba hanalana ny ozona nataon'ity mpitory ny filazantsara katolika ity.

Nanomboka teo dia hita fa nisy fiovana sy fivoarana ny fiainan'ny mponina tao Andovoranto, na teo amin'ny lafiny toe-karena na teo amin'ny lafiny fanabeazana na teo amin'ny lafiny finoana.

Manaraka izany, maro ireo misionera tonga teto Madagasikara, isan'ireny i Mgr DESOLAGES izay noresahina tetsy ambony. Teo koa anefa ireo misionera Anglisy tonga tamin'iny faritra Andovoranto iny izay nitondra zava-maniry isan'ny mampiavaka azy ankehitriny. Aty Andovoranto ihany mantsy no ahitana ny antsoindry zareo aty hoe « coco anglisy » satria ny Anglisy no nitondra azy. Karazana coco ihany izy ity saingy tsy misy azo hanina ao anatiny. Ny hazony indray dia tsy avo be tahaka ny coco mahazatra antsika fa somary ivaiva sahabo ho eo amin'ny 5 na 6 metatra eo ho eo no haavony.

Sary : 08



Tsangambato  
fahatsiarovana an'i  
Mgr DESOLAGES

Naka ny sary :  
Ny mpikaroka

Sary : 09



## **1.2. NY MOMBA NY MPONINA SY NY FIAINANY**

### **1.2.1. NY TANTARANY**

Araka ny nambaran'ireo zokiolona sy ireo tangalamena dia taranaka zafirondiana avy any atsimo no mponina voalohany tao Andovoranto. Noho izany dia Betsimisaraka ihany izy ireo ary Betsimisaraka tatsimo.

Tamin'ny vanim-potoana fahampanjaka dia efa nisy mpila ravinahitra nitoetra tao satria i Andovoranto dia isan 'ny toerana tian'ny mpanjaka teto Imerina sy nankafiziny rehefa miala sasatra izy. Noho izany indrindra no nahatonga ireo mpiavy valovontaka voalaza tery ambony ho nivondrona tao amin'ny « parcelle 1 » Ambalamangahazo izay avy amin'ny fiarahamonina merina izay tsy iza fa ireo mpanaraka ny mpanjaka saingy nisafidy ny hijanona nony nitodi-doha niverina ny mpanjaka. Tsy betsimisaraka fotsiny ihany, araka izany, ny mponina ao Andovoranto fa ahitana Merina ihany koa.

Ankoatra ireo dia mbola ahitana foko hafa ihany koa mila ravin'ahitra amin'io fokontany io toy ny Sihanaka, Antemoro, Antandroy ary Betsileo.

### **1.2.2. NY ISAN'NY MPONINA**

Araka ny fanadihadiana nataonay tamin'ny Ben'ny Tanànan'Andovoranto RANAIVO Victor dia miisa 12.400 ny mponina iandraiketany ao anatin'ny Kaominina ary ny 2.810 amin'ireo no mponina ao amin'ny fokontany Andovoranto.

Ireo mponina 2.810 ao amin'ny fokontany ireo dia mitsinjara ho toy izao :

- LAHY :- 0 - 17 taona : 350  
-18 - 65 taona : 699  
-66 - 99 taona : 061  
-100 mahery : 0
- VAVY :- 0 - 17 taona : 780  
-18 - 65 taona : 830  
-66 - 99 taona : 090  
-100 mahery

Loharano : Ny Ben'ny tanàna, aogositra 2015.

Raha izao tarehimarika izao no jerena dia hita fa ny vehivavy no maro an'isa ao amin'ny fokontanin'Andovoranto satria miisa 1.700 izy ireo raha 1.110 kosa ny lehilahy.

Hita taratra ihany, koa araka ny antontanisa etsy ambony, fa isaka ny sokajin-taona rehetra dia manatombo hatrany ny isan'ny vehivavy saingy eo amin'ny sokajin-taona 0-17 no tena ahitana elanelana be. Mahatratra avo roa heny mahery izany satria raha 350 ny lehilahy dia efa 780 kosa ny vehivavy.

Etsy andaniny, eo amin'ny sokajin-taona 66-99 dia hita fa mateza ary lava velona kokoa ny vehivavy noho ny lehilahy.

Ankoatra izay, ny sokajin-taona eo anelanelan'ny 18 ka hatramin'ny 65 taona no maro an'isa indrindra satria ny lehilahy dia mahatrara hatrany amin'ny 699 ary ny vehivavy kosa tonga hatrany amin'ny 830.

### **1.2.3. NY ASA FIVELOMAN'NY MPONINA**

Satria moa lemaka no antsasa-manilan'ny velaran'ny fokontany dia isan'ny foto-piveloman'ny mponina ny asa fambolem-bary. Vokatry ny fisian'ny ranomamy sy ny ranomasina izay mamaritra ny fokontany ihany koa dia isan'ny mibahan-toerana eo amin'ny fitadiavana ny asa fanaratoana sy ny fanjonoana. Ankoatra ireo dia misy ihany ireo manao asa fivelomana hafa saingy vitsy an'isa izy ireo.

Toy izao ny salan'isa maneho izany :

|                              |         |
|------------------------------|---------|
| -Mpamboly -----              | 64,5 %  |
| -Mpanjono sy mpanarato ----- | 30,88 % |
| -Mpiompy -----               | 03 %    |
| -Mpiasam-panjakana -----     | 01 %    |
| -Mpivarotra -----            | 00,5 %  |
| -Mpanao fitaterana -----     | 00,12   |

Loharano : Ny Ben'ny tanàna, aogositra 2015

### 1.2.3.1. Ny asa fambolena

Ny asa vary no tena be mpanao ao amin'ny fokontany Andovoranto. Amin'ny maha tanàna amoron-drano azy dia ny fambolem-bary an-koraka no tena mibahan-toerana satria araka ny voalazan'ny Ben'ny tanàna dia 70% n'ny mpamboly dia mampihatra ny voly vary an-koraka avokoa, ny ambiny kosa dia manao ny voly vary an-tanety. Eo amin'ireo karazana fomba fambolem-bary roa ireo dia tsy mbola misy ny mampiasa fitaovana harifomba toy ny milina isankarazany fa miainga amin'ny herin-tsandry avokoa ny asa atao ary angady ihany no fitaovana anaovana izany. Ankavitsiana ireo mpamboly no mampiasa omby entina miasa. Noho izany dia kely ihany ny vokatra miakatra izay mazana tsy mahavita taona ny mpamboly akory. Voatery tsy maintsy mivarotra anefa izy ireo mba hoentina miatrika ny fiainana andavanandro amin'ny fividianana kafe, sira, siramamy ary solika sy menaka.

Ankoatra ny voly vary dia manao voly avotra toy ny voly katsaka, mangahazo, tsimanga ary akondro ihany koa ny mponina saingy natao hohanina fotsiny ihany.

Raha voly fanodina sy fanondrana indray no asiana resaka dia tsy manana afa tsy voasary sy letisy i Andovoranto kanefa dia tena isan'ny mampivoatra ny fari-piainan'ny mponina ireo rehefa tonga ny fahavokarany. Ny voasary, ohatra, dia mandritra ny volana martsa sy aprily no tena fahavokarany raha ny volana novambra sy desambra kosa indray ny letisy.

Ao koa ireo karazana voankazo natao hohanina fotsiny eo an-toerana toy ny voanio, ampalibe, soanambo ary ny goavy.

Isan'ny olana iray tena mampanahy ny mpamboly ao Andovoranto ny maha-tanàna amoron-dranomasina azy ka matetika tra-tehaky ny rivo-doza. Manampy trotraka ny rivo-doza ny fisian'ny tontakely izay manao hala-botry eny antsa.

Farany, eo amin'ny fambolena, mbola tena mitandrina ny andro fady idinana eny an-tanimbary ny ankamaroan'ny mponina ka tsy misy mandeha « miainga an-koraka » mihitsy rehefa talata sy alakamisy

### **1.2.3.2. Ny asa fanjonoana sy ny fanaratoana**

Amin'ny ankapobeny, ny mponina miaina amin'ny tanàna amoron-dranomasina dia voasarika amin'ny fanaratoana sy fanjonoana an-dranomasina. Isan'ireny ny mponina ao Andovoranto izay manana tombony tokoa noho ny fananany ranomamy sy ranomasina. Na ny jono an-dranomamy na ny jono an-dranomasina dia samy lakana avokoa no ampiasain'ny mpanjono amin'izany ka ampiasany harato vita tanana ihany.

Ny jono an-dranomasina no tena ahazoan'ny mpanjono vola satria mahazo trondro 30 kg ka hatramin'ny 50 kg eo ho eo ny mpanarato iray. Rehefa fiakaran'ny « camaron » no tena azo lazaina fa fararano ho an'ireo mpanarato. I Andovoranto noho izany no tena mpamatsy trondro ny kaominina manontolo, ny Disitirikan'i Brickaville manontolo ary ny tsenan'i Toamasina manontolo mihitsy. Isan'ny tena mampiavaka an'Andovoranto araka izany ny fananany ireo vokatra an-dranomasina sy an-dranomamy ireo satria na samy amoron-dranomasina aza ny tanànan'Ambila sy Andovoranto dia mamokatra lavitra noho i Ambila i Andovoranto.

Marihina fa ny zanatany ihany no tena manao ity asa fanjonoana sy fanaratoana ity noho izy ireo efa zatra rano sy zatra lakana ary efa mahafolaka tsara ny fotoana mahabe ny trondro sy ny toetry ny ranomasina ahafahana miditra. Araka izany, na betsaka aza ny isan-jaton'ny olona manao ny asam-pambolena noho ny asa fanjonoana dia ito farany sy ny asa rehetra manodidina azy ito ary mifandray aminy no tena fototry ny toe-karen'ny mponina ao Andovoranto.

### **1.2.3.3. Ny asa fiompiana**

Raha ny sehatry ny fambolena indray no asian-teny dia saika hita ao Andovoranto avokoa ny karazana fiompiana rehetra toy ny omby sy ny akoho amam-borona ary ny lambo (kisoa)

Ny fiompiana omby dia sahanin'ireo zana-tany amin'ny ankapobeny ary izy ireo irery ihany, araka izany, no mampiasa aomby amin'ny fambolem-bary. Isan'ny mariky ny fananan-karena ihany koa mantsy ny fananana omby ao Andovoranto indrindra ho an'ireo zana-tany ireo.

Ny fiompiana akoho amam-borona indray dia saika ny olon-drehetra no manao azy, na ireo zana-tany na ireo mpiavy. Isan'ny toerana mamokatra akoho amam-borona ihany koa Andovoranto ary isan'ireo toerana fanangonan'ny mpanangom-bokatra akoho amidy any Toamasina.

Farany, ny fiompiana kisoa, ireo mpiavy no tena betsaka miompy azy satria mbola betsaka ireo zana-tany no fady miompy izany. Matoa misy zanatany miompy kisoa ao Andovoranto dia satria efa manaraka ny fivavahana kristianina izy. Fahiny mantsy dia tena fady mihitsy ny niompy azy io tao an-tanàna fa ankehitriny kosa dia efa miompy kisoa an-tanàna ny olona.

#### **1.2.3.4. Ny asam-panjakana**

Amin'ny maharenivohitry ny kaominina an'Andovoranto dia ahitana ireo foto-drafitra asa rehetra tokony ho hita amin'izany izy. Ahitana Tobim-pitsaboana, Sekoly Fanabeazana Fototra sy Ambaratonga Faharoa Fototra, ahitana koa Sampana Borigady ny Zandarimaria.

Ao amin'ny hôpitaly dia ahitana mpiasam-panjakana roa (mpitsabo mpanampy sy mpampivelona), mpiasa iandraiketan'ny kaominina ho mpizara sy mpamoaka fanafody iray ary mpiambina iray.

Eo amin'ny sehatry ny fanabeazana indray dia nahitana fivoarana tokoa satria raha mbola niasa tany ny tenanay dia mbola vitsy na ny mpampianatra na ny trano fianarana. Tamin'ny fotoana nandalovanay tany, nanao izao fanadihadiana izao dia vao nahazo trano fianarana roa vaovao misy efitra roa avy ny Fanabeazana Fototra ary trano iray kosa ho an'ny Ambaratonga Faharoa Fototra.

Nitombo koa ny isan'ny mpianatra sy ny mpampianatra. Efa mahatratra 15 ny fitambaran'ny mpampianatra rehetra ao Andovoranto miampy ireo izay karamain'ny fokonolona sy ny F.R.A.M (Fikambanan'ny Ray Aman-drenin'ny Mpianatra) izay antsoina koa hoe « Sekoly daba ». Misy sekoly tsy miankina iray koa ao Andovoranto izay ahitana mpampianatra miisa 4 mandray vola isam-bolana ka sokajian'ny olona ho mpiasam-panjakana ihany koa.

Ny eo amin'ny fandriampahalemana indray dia ahitana zandary miisa 5 ao Andovoranto izay misahana ny fandriampahalemana amin'ny ankapobeny.

#### **1.2.3.5. Ny asa fivarotana sy fitaterana**

Ny mpivarotra sy ny mpitatitra no tena vitsy an'isa satria dia tsy mahatratra na dia ny 1% n'ny mponina akory aza izy ireo. Azo sokajiana ho toy izao ireo mpivarotra ireo :



- mpivarotra enta-madinika
- mpivarotra hani-masaka
- mpivarotra lamba sy kojakoja madinika ilaina ao an-tokantrano.

Ny mpitatitra kosa indray dia ireo izay misahana ny fitaterana olona sy entana mivezivezy Andovoranto-Brickaville. Ampiasaina amin'izany ny fiara sy ny lakana. Sehatr'asa vitsy mpanao izy ity araka izany satria dia 4 fotsiny ireo miandraikitra azy ka ny 1 mitatitra amin'ny alalan'ny fiara ary ny 3 mitatitra amin'ny alalan'ny lakana izay marihina fa laka-motera.

#### **1.2.4. Ny lafiny fanabeazana**

Araka ny efa voalaza tetsy ambony dia ahitana sekolim-panjakana roa ao Andovoranto dia ny Sekoly Fanabeazana Fototra sy ny Sekoly Ambaratonga Faharoa Fototra. Ankoatra ireo anefa dia ahitana sekoly tsy miankina iray koa ao an-toerana izay ahitana ny kilasy « Maternelle » ka hatramin'ny Taona fahadimy.

##### **1.2.4.1. Ireo karazan-tsekoly misy**

- Ny sekoly tsy miankina izay tsy misy afa tsy tokana monja ary ahitana kilasy fito dia ny « Maternelle Petite section », « Maternelle Grande Section », « C.P.1. », « C.P.2. », « C.E. », « C.M.1. » ary ny « C.M.2. »

RAVINALA ARINJATOSOA no anaran'ity Sekoly tsy miankina ao Andovoranto ity.

Ny isan'ny mpianatra tamin'ny taom-pianarana 2014 – 2015:

- Maternelle P.S. : 09
- Maternelle G.S. : 16
- C.P.1. : 20
- C.P.2. : 18
- C.E. : 08
- C.M.1. : 10
- C.M.2. : 09

Loharano : Ny talen-tsekoly

- « Ny Ambaratonga Voalohany » izay ahitana mpianatra maro tokoa satria mahatratra hatrany amin'ny 503 izany nandritra ny taom-pianarana 2014-2015.

Ny isan'ny mpianatra isan-kilasy ao amin'ny Sekoly Ambaratonga Voalohany ao Andovoranto 2014-2015:

- C.P.1. : 137
- C.P.2. : 112
- C.E. : 103
- C.M.1. : 69
- C.M.2. : 51

Loharano : Ny talen-tsekoly

Mpampianatra miisa 10 no misahana ny fanabeazana ao amin'ity Sekoly ity ka ny 04 mpiasam-panjakana ary ny 06 ambiny kosa dia mpampianatra karamain'ny F.R.A.M. na ilay antsoina hoe « Sekoly daba ». Ny hoe « Sekoly daba » dia ireo mpampianatra fahiny nokaramaina vary akotry izay nafatra tamin'ny daba. Na tsy izany intsony aza no fomba anakaramana azy ireo dia mbola notanana ihany ny anarany. Taorian'ny fandalovan'ny Minisitry ny Fanabeazam-Pirenena, Paul RABARY, tamin'ny volana may 2015, izay nampanantena ny handraisana ireo "sekoly daba" ireo ho mpiasam-panjakana dia efa voaray ho mpiasam-panjakana izy ireo ankehitriny.

• « Ny Ambaratonga Faharoa » izay vao nisokatra ny taona 2003 dia tena nandrisika ny mponina ao Andovoranto hampiana-janaka tokoa satria tsy misaraka lavitra amin'ny ray aman-dreniny ny ankizy raha tsy efa tonga any amin'ny taona fahafolo. Vokatra izany dia maromaro ihany ireo ankizy avy ao Andovoranto, raha oharina tamin'ny 10 taona lasa, no mianatra any amin'ny Ambaratonga Ambony any Toamasina ankehitriny.

Ny isan'ireo mpianatra ao amin'ny Sekoly Ambaratonga Faharoa Fototra ao Andovoranto taom-pianarana 2014-2015:

- 6e : 50
- 5e : 31
- 4e : 25
- 3e : 20

Loharano : Ny « surveillant général »

Ny antony mahatonga ny ankizy tsy ho tonga hatrany amin'ny kilasy fahatelo amin'ny ankapobeny dia noho ny fisian'ny ranomasina sy ny ranomamy izay ahazoan'ireo ankizy ireo vola sahady amin'ny alalan'ny fanaratoana.

Raha ny mpampianatra indray no asiana resaka dia ahitana mpampianatra miisa 05 ao amin'ny C.E.G. ANDOVORANTO ary mpandraharaha iray ankoatra ny talen-tsekoly, izany hoe mpanabe miisa 07 izany no mifarimbona mampandeha ny asa. Ny 06 amin'ireo dia efa mpiasam-panjakana ary ny 01 kosa dia karamain' ny F.R.A.M. (Fikambanan'ny Ray Aman-drenin'ny Mpianatra)

#### **1.2.4.2. Ny voka-panadinana**

Ny voka-panadinana omenay eto dia ireo voka-panadinana nandritra ny taom-pianarana telo farany nifanesy (2013-2014-2015):

- Voka-panadinana C.E.P.E.

##### **✓ Taona 2013**

-Voasoratra anarana : 37

-Niatrika fanadinana : 37

-Afaka : 29

-Isan-jatony : 78,37%

##### **✓ Taona 2014**

-Voasoratra anarana : 35

-Niatrika fanadinana : 35

-Afaka : 30

-Isan-jatony : 85,71%

##### **✓ Taona 2015**

-Voasoratra anarana : 51

-Niatrika fanadinana : 51

-Afaka : 36

-Isan-jatony : 70,58%

- Voka-panadinana B.E.P.C.

✓ **Taona 2013**

- Voasoratra anarana : 23
- Niatrika fanadinana : 22
- Afaka : 18
- Isan-jatony : 81,81%

✓ **Taona 2014**

- Voasoratra anarana : 19
- Niatrika fanadinana : 19
- Afaka : 14
- Isan-jatony : 73%

✓ **Taona 2015**

- Voasoratra anarana : 20
- Niatrika fanadinana : 20
- Afaka : 09
- Isan-jatony : 45%

Raha ireo antontanisa ireo no jerena dia hita fa tsy mitsahatra midina ny voka-panadinana ao amin'ity fokontany ity. Maro ny antony mahatonga izany araka ny voalazan'ny mpampianatra sy ny ray aman-dreny nanaovanay fanadihadiana.

Ao ny antony avy amin'ny mpampianatra, avy amin'ny ray aman-dreny ary ao ny avy amin'ny mpianatra.

Vitsy ny mpampianatra ao Andovoranto kanefa ao koa ireo manao antsirambina ny asany. Raha ny ao amin'ny C.E.G., misy ny mpampianatra misahana taranja hafa ankoatra ny taranja nianarany; ohatra, sady mampianatra taranja kajy izy no mampianatra taranja frantsay.

Misy koa ireo ray aman-dreny sasany manery ny zanany hanampy azy ireo amin'ny asa fivelomana rehefa miakatra ny vokatra toy ny vary, ny voasary indrindra fa ny letisia.

Ao koa anefa ireo mpianatra efa mirona sahady amin'ny fitadiavam-bola ka tsy manome lanja firy intsony ny fianarany.

Amin'ny ankapobeny anefa dia mahatratra 63,54% ny taha-pahavitrihan'ny zaza miditra an-tsekoly ao amin'ny fokontany Andovoranto.

#### **1.2.5. Ny lafiny fahasalamana**

Amin'ny maha-renivohitra ny kaominina an'Andovoranto dia ahitana tobim-pahasalamana C.S.B.II izy.

Araka ny efa voalaza tetsy ambony dia mpiasa efatra no miara-misalahy mampandeha ny Tobim-pahasalamana ao Andovoranto : ny roa mpiasam-panjakana (mpitsabo mpanampy sy mpampivelona), ny iray mpizara fanafody izay iandraiketan'ny kaominina ny karamany ary ny iray farany dia ny mpiambina izay mbola ny kaominina ihany koa no miandraikitra azy.

Toerana iray ao amin'ny Faritra Atsinanana no misy an'Andovoranto ka izany no mampirongatra ny tazomoka ary io aretina io koa, araka izany no mpamely ny mponina ao sy ny mponina manodidina. Betsaka ny lobolobo sy ny rano miandrona hany ka mora miparitaka ny tazomoka. Tsy voadio ny manodidina ny trano fonenana ka izany no mampanjaka ny moka mpamindra tazo. Soa fa teo ny ezaka nataon'ny fitondram-panjakana tamin'ny fanaparitahana ny lay misy odimoka ho an'ny mponina.

Ankoatra ny tazomoka dia hita ary mpahazo ny mponina ao Andovoranto ihany koa ny aretin-kibo. Na misy aza mantsy ny lava-drano dia tsy ampy ny olona ka mahatonga azy mbola haka rano any amin'ny lakan-dranon'ny Pangalana. Amin'io lakan-drano io daholo anefa no anaovana ny fidiovana rehetra, izany hoe, sady isasana no anasana lamba ny lakan-drano ary eo ihany koa no hakana rano sotroina sy andrahoana sakafo. Tsy ampy noho izany ny rano fisotro madio ka miteraka ny aretin-kibo. Manampy trotraka izany koa ny tsy fananan'ny ankamaroan'ny mponina trano fivoahana ka mampiparitaka ny diky izay miteraka ihany koa ny fiparitahan'ny aretina.

Olana ao amin'ity Tobim-pahasalamana ity ny tsy fahampian'ny mpiasa satria tsy mahasahana ny vahoaka ao Andovoranto mihitsy ireo mpiasa efatra ao ireo. Tsy ny mponina ao amin'ny fokontany Andovoranto ihany mantsy no mandeha mitsabo tena ao amin'ny Hopitaly fa ny mponina avy amin'ny fokontany manodidina rehetra. Eo koa ny tsy fahampian'ny fanafody ao amin'ny Hopitaly ka mahatonga ny olona tsy

dia mavitrika loatra mamonjy ny Tobim-phasalamana. Ny lafiny vakisiny moa dia isan'ny manahirana ny mpiasan'ny Hopitaly satria na eo aza ny vata fampangatsiahana avy amin'ny fitondram-panjakana dia tsy araka indray ny solika atao aminy satria mandeha amin'ny solika io vata fampangatsiahana io.

Misedra olana ihany koa ny Tobim-pahasalamana ao Andovoranto amin'ny tsy fananan'ny mponina fahefa-mividy hany ka tsy voaefa ara-dalàna ny vidim-panafody kanefa ny olona tsy maintsy tsaboina. Vokany, ny mpitsabo aloha no mameno ny vola ary avy eo vao manonitra izany ny fianakavian'ny tsy salama.

Vokatry ny fisian'ny andro fady tsy idinana an-tanimbary (Talata sy Alakamisy) dia io andro io no mahabe olona mandeha manatona Tobim-pahasalamana. Ny andro sisa manaraka dia tsy ahitana olona firy manatona ny Toby.

#### **1.2.6. Ny finoana sy ny riba misy eo an-toerana**

Hojerena tsirairay miandalana eto indray ny momba ny finoana sy ny karazan-driba rehetra misy ao amin'ny fokontany Andovoranto.

##### **1.2.6.1. Ny lafiny finoana**

Raha ny hita amin'ny ankapobeny dia finoana roa no arahin'ny mponina ao Andovoranto : ny finoana kristianina sy ny finoana nentim-paharazana.

##### **➤ Ny finoana kristianina**

Maro ireo antokom-pinoana kristianina arahin'ny olona ao Andovoranto. Miisa 7 izy ireo : ny Katolika Romana , ny F.J.K.M. , ny Anglikana , ny Vavolombelon'i Jehovah , ny Fiangonana Ara-Pilazantsara , ny Néo-Apostolika ary ny REMA .

Toy izao ary ny momba ireo antokom-pinoana tsirairay ireo :

-Ny Katolika Romana :

Tsy misy Pretra any an-toerana fa Katekista no mitondra ny fiangonana. Isaka ny fety toy ny Paska sy Noely ihany no misy « Frera » na « Masera »tonga any Andovoranto izay mampandray Kc <sup>27</sup> rehefa misy mandray Sakramenta Masina toy ny Kominio voalohany na Konfirmasiona kosa anefa dia ny Pretra avy ao Brickaville mihitsy no tonga any an-toerana manatanteraka izany.

Rehefa Alahady tsotra dia eo ho eo amin'ny 110 ka hatramin'ny 130 no mpivavaka tonga.Amin'ny andro fety kosa dia mahatratra 200 izy ireo araka ny voalazan'ny Katekista ao an-toerana .

-Ny F.J.K.M.

Sahala amin'ny fiangonana E.K.A.R. voalaza tetsy ambony dia tsy manana mpitandrina ihany koa ny fiangonana F.J.K.M. ao Andovoranto. Noho izany, ireo Diakona voafidy tao an-toerana ihany no mampandeha ny fotoam-pivavahana rehetra. Ny antony dia sahirana ny Mpitandrina satria zana-piangonana miisa 7 no entiny ankoatra ny renim-pitandremana ao Ambila Lemaitso, indroa isan-taona ihany ny Mpitandrina no afaka mitsidika ireo zana-piangonana ireo amin'ny alalan'ny Lohavolana. Izany hoe, in-droa ihany no tonga any Andovoranto ny Mpitandrina.

Amin'ny ankapobeny dia miisa 50 ka hatramin'ny 70 eo ho eo ny mpino ao amin'ny F.J.K.M. Andovoranto. Toy izao no fitsinjaran'izany :

- Diakona 8.
- Mpandray 17.
- Mpiandry 1.
- Kristianina tsotra ny ambiny.

Araka ny voalazan'ny olona nanaovanay ny fanadihadiana izay nisafidy ny tsy hilaza ny anarany na ny andraikiny ao amin'ny fiangonana dia mbola betsaka ireo mpivavaka ao no mbola misabaka izany hoe mbola manompo tompo roa.

-Ny Anglikana

Tahaka iretsy 2 voalohany dia tsy manana Presibitera ihany koa ny fiangonana Anglikana ao Andovoranto. Ireo Kristiana ao an-toerana no mitarika ny fotoana. Na izany aza anefa dia hita fa mandroso kokoa noho iretsy roa voalohany ity fiangonana ity satria misy hatrany amin'ny 209 ireo mpivavaka isaka ny alahady ary mihoatra izany rehefa andro fety toy ny andro Krismasy sy paska .Manana ny mampiavaka azy anefa ity fiangonana Anglikana ity satria miovaova isam-bolana ny fahavitrihan'ny mpivavaka ao aminy.

Toy izao no fitsinjaran'izany :

-Janoary : 80 – 209

-Febroary : 109 – 152

-Martsa : 93 - 156

-Aprily : 154 – 525 (noho ny fisian'ny Paska)

-May : 134 – 148

-Jona : 142 – 177

-Jolay : 102 – 147

-Aogositra : 138 – 186

Hatreo ihany no azonay omena momba ny isan'ny mpivavaka ao amin'ny Anglikana satria ny faran'io volana io no nanaovanay ny fanadihadiana tany an-toerana.

-Ny Vavolombelon'i Jehovah

Ity antokom-pinoana iray ity dia tsy manonona ny olona manaraka azy hoe mpivavaka fa hoe mpivory.

Mbola tsy manana trano fivoriana ny Vavolombelon'i Jehovah ao Andovoranto fa trano ipetrahan'ny mpitarika azy izay antsoina hoe mpitory no ivoriany amin'izao fotoana izao. Mahatratra 30 eo ho eo hatramin'izao ny mpivory ao :

-Mpitory : 10

-Vita fanokanan-tena sy vita Batisa : 6

-Mianatra Baiboly : 14

Araka ny voalazan'ireo antsoina hoe mpitory dia mandray tsara azy ireo ny olona ao amin'ny fokontany Andovoranto rehefa manao ny asa fitoriana ka mitety trano izy ireo.

-Ny Ara-Pilazantsara (FIARAM)

Ny fiangonana Ara-Pilazantsara ao Andovortanto dia niorina tamn'ny taona 1995. Isan'ny fiangonana zandriny ao Andovoranto izy ity ary fiangonana manana mpitandrina ihany koa.



Mahatratra 100 ny isan'ny mpino olon-dehibe ao ka azo tsinjaraina ho toy izao :

-Diakona : 4

-Vita Batisa : 50

-Mpandray : 42

-Vao nifoha : 4

Marihana fa ireo mpino rehetra ireo dia tsy misy tapaka mamonjy ny fiangonana mihitsy rehefa tonga ny alahady.

Nomarihin'ny mpitandrina fa olona avy nanaraka ny fomba fivavahana nentim-paharazana avokoa ireo mpino ao aminy ireo saingy tsy misy manaraka izany intsony noho ny fampianarana nomena azy. Na izany aza anefa dia tsy manana olana eo amin'ny fiarahamonina manaraka ny finoana nentim-paharazana izy.

-Ny Neo-Apôstôlika

Isan'ny antokom-pinoana manana trano fiangonana tsara indrindra ao Andovoranto ny Neo-Apôstôlika. Taorian'ny faharavany vokatry ny fandalovan'ny rivo-doza « Manoa » tamin'ny taona 2003 dia vita trano vato ny trano fiangonana.

Manana mpivavaka miisa 150 izy :

-Mpitandrina : 2

-Evanjelistra : 1

-Diakona : 3

-Mpandray sy vita Batisa : 140

-Tonga mivavaka isaky ny alahady : 50 – 70

-Ny Rema

Fiangonana faran'ny zandriny ao Andovoranto ny fiangonana Rema. Araka izany dia izy no mbola vitsy mpanaraka indrindra raha ny antokom-pinoana no resahina. 20 eo ho eo ireo mpino ao amin'izao fotoana izao.

Raha atambatra ny isan'ireo voalaza fa mpiangona ao Andovoranto dia mahatratra hatrany amin'ny 1095 eo ho eo. Azo lazaina fa vitsy ihany ireo voalaza fa mpivavaka ao Andovoranto satria tsy misy afa tsy ny 38,96%n'ny mponina fotsiny izany. Mbola mahatana ny fomba amam-panao netim-paharazana araka izany ny mponina ao Andovoranto. Manamafy izany i FERNANDEZ ka milaza fa : « *Tsy nanafoana ny fomba nentim-paharazana ny fidiran'ny fivavahana Kirisitianina, ny hery ananan'ireo fomban-drazana ireo no mamelona azy mandrakariva.* »<sup>8</sup>

### ➤ NY FINOANA NENTIM-PAHARAZANA

Tsy nampihen-danja ny finoana nentim-paharazana mihitsy ny fahatongavan'ny fivavahana Kirisitianina tao Andovoranto. Maro ireo voalaza fa manaraka ny fivavahana Krisitianina mbola miaina ny finoana nentim-paharazana raha tsy hilaza afa tsy ny fanarahana sy ny fanajana ny andro fady tsy hidinana ankoraka. Hita eto araka izany ny mbola fampirafesam-pinoana satria tsy midina antanimbary ny Krisitianina ny alahady fa andron'ny Tompo kanefa tsy miasa eny antanimbary koa ny talata sy alakamisy satria andro fady hatramin'izay ireo andro ireo.

Ny mpanaraka ny fomba nentim-paharazana ao Andovoranto dia mino sy manaiky ny fisian'ny tontolo roa miavaka tsara dia ny tontolon'ny velona sy ny maty izany.

Ny tontolo misy ny velona dia ety an-tany izay manomboka iainana hatramin'ny fiforonana ao an-kibon-dreny ka hatramin'ny fisarahan'ny aina amin'ny vatana. Izay rehetra hitan'ny maso , ren'ny sofina , voatsapan'ny tanana , izany hoe , ireo rehetra mifamatotra amin'ny vavahadin-tsaina dimy dia azo lazaina fa tafiditra amin'ny tontolon'ny velona avokoa. Hita ihany koa fa manana ny lanjany manokana ny tontolo tsy hita maso ka azo ilazana fa manao an-tanan-tohatra ireo tontolo roa ireo ka ny tontolon'ny velona no ambany ary ny tontolo tsy hita maso no ambony.

Io tontolo tsy hita maso io indray dia miantomboka eo amin'ilay fisarahan'ny aina amin'ny vatana ary tsy manana ny fahataperany intsony fa maharitra mandrakizay.

Io tontolo tsy hita maso io indray dia miantomboka eo amin'ilay fisarahan'ny aina amin'ny vatana ary tsy manana ny fahataperany intsony fa maharitra mandrakizay.

---

<sup>8</sup>FERNANDEZ (M), « Contribution à l'étude du peuplement du lac Alaotra » in *Taloha*, n°3, 1963, tak.112 « L'introduction du christianisme ne devait pas pour autant faire disparaître les traditionnelles coutumes, la force de celles-ci allaient leur permettre de survivre. »

Ao amin'ity tontolo tsy hita maso ity no misy ny Zanahary sy ny razana izay antsoina rehefa misy zavatra heverina fa goavana sy lehibe toy ny fanatanterahana « Tsaboraha » na fanaovana « Joro » samihafa.

Araka izany, samy manana ny tontolo misy azy ny velona sy ny maty kanefa tsy afa-misaraka ihany koa. Manana ny hery mampiavaka azy ny tontolo tsy hita maso ka izany no iantsoan'ny velona azy mba hitahy sy hiaro azy ireo. Izany hoe, misy fitohizany hatrany ary tena mifandrohy mihitsy ny fiainana an-tany sy ny fiainana an-koatra. Ny mpandinika sasany, toa an'i VAN BAAREN aza moa dia milaza mihitsy fa ny lanitra sy ny tany dia mpivady : *« Ny lanitra no lahy : Izy no niandohan'izao rehetra izao. Ny tany kosa no vavy ary mankato ny lanitra. Izao rehetra izao dia avy amin'ny tany sy ny lanitra. »*<sup>9</sup>

Mino ny fiainana tsy hita maso na ny fiainana « any ankoatra » araka izany ny mponina ao Andovoranto ka izany no antony iantsoany ireo hery ireo rehefa misy zavatra ataony ka heveriny fa lehibe sy goavana eo amin'ny fiainany. Isan'izany ny fanatanterahany ny « Tsaboraha ». Ny « Tsaboraha » dia isan'ny fomba iraisan'ny foko Betsimisaraka rehetra. Azo antsoina ho « Tsaboraha » avokoa izay lanonana ataon'ny velona ka iantsoany ireo hery tsy hita maso ka amonoana omby atao sorona.

Tanterahina ny « Tsaboraha » mba hahazoana fitahiana avy amin'ny razana. Zaraina isan-tokantranon'ny tompon-danonana ny fandaniana ka izay tsy manefa ny anjarany dia heverina ho efa manala ny tenany ka tsy isan'ny fianakaviana intsony. Mamono omby ny fianakaviana mba hanomezam-boninahitra ny razana sy natao hamahanana ny mpanotrana. Ireo mpanotrana sy ireo olona nasaina kosa dia mitondra « soron'afo » na « fanampiana » ho marika hita maso sy ho fanehoana ny firaisankina sy ny fifanampiana ary ny fihavanana.

---

<sup>9</sup>VAN BAAREN (Th), *Les religions d'Asie, de l'Islam au Bouddisme Zen*, Marabout, Paris, 1962, tak. 148: "Le ciel est l'origine de toutes choses : avec la terre, représentée comme son épouse mais subordonnée à lui, il produit. Tout ce qui existe : le ciel et la terre sont le père et la mère de dix mille être.

## IREO KARAZANA TSABORAHA

- Laza : Fanehoana amin'ny fiarahamonina, aorian'ny famorana ny zazalahy iray fa efa lahy ny zaza ka efa afaka mandray ny zony.
- Fahana : Atao ho fanomezam-boninahitra ny ray aman-dreny mbola velona ka mifandimby mamahana hena faran'ny tsara ny ray aman-dreny nipoirana ny taranaka rehetra toy ny zanaka sy ny zafy.
- Tody simbon-trano : Atao isaka ny 12 taona. Diovina ny manodidina ny fasana ary ambolena vary. Rehefa masaka ny vary dia singorina. Ahazoana tso-dranon-drazana sy fitahiana ny fanatanterahana ny « Tody simbon-trano ». Natao ihany koa mba hihaonan'ny mpianakavy. Eto dia voafetra ny isan'ny omby vonoina ka tsy azo atao latsaky ny roa farafahakeliny. Tsy maintsy asaina avokoa ny zana-drazana rehetra eto ary voakabary raha tsy manao izany.
- Tsikafara : Ny « tsikafara » dia fisaorana an'Andriamanitra sy ny razana vokatry ny fanambinany. Nanao voady teo imason'ny olona na teo anoloan'ny vatomasina ka tanteraka izany. Olona iray no tompon'antoka eto.
- Rasasandry : Fotoana izarana lova raha toa ka olona tena manan-karena be ilay olona maty.

Amin'ny ankapobeny, andro sabotsy no atao ny lanonana amin'ny « Tsaboraha » ary mandritra ny volana aogositra sy septambra. Azo atao amin'ny volana hafa ihany fa ny tena tsy mety dia ny volana novambira sy febroary ary may. Araka ny finoana dia volana tsy mba hahazoana fitahiana sy fanambinana ireo volana ireo.

## FAMINTINANA NY FIZARANA VOALOHANY

Toy izao no azo hamintinana ireo hevitra rehetra voalaza tato amin'ny fizarana voalohany ity : ny Fokontany Andovoranto dia hita ao amin'ny Kaominina Andovoranto, ao anatin'ny Disitirikan'i Brickaville, Faritra Atsinanana. 30 km miala ao Brickaville no misy azy ary 9 km atsimon'Ambila Lemaitso. Amin'ny maha-tanàna amorontsiraka azy dia mazàna amin'ny tany lemaka avokoa no iorenan'ny tanàna, ary saika fitaovana hita ao an-toerana avokoa no ampiasain'ny olona anamboarany ny tranony.

Araka ny lovan-tsofina dia avy amin'ny anarana lehilahy iray antsoina hoe « Ranto » no nahatonga ny anaran'ny tanàna ho « andovoranto ». Noho izany, diso ny filazana hoe « Andovoranto » fa ireo vazaha mpanjanantany tsy nahay nanonona no nanova azy. Tsy mitombona araka izany ny filazana fa « fandrantoana andevo » io toerana io taloha.

Ankoatra ireo Betsimisaraka tompon-tany dia ahitana mpiavy maro koa ny mponina ao Andovoranto. Ny asa fanaratoana sy ny asa fambolena no tena foto-piveloman'ny mponina. Na izany aza anefa dia ahitana sampan-draharaham-panjakana maro ihany ao an-toerana.

Somary ambanivolo ny tanànan'Andovoranto, na izany aza anefa dia hita ao avokoa ny ambaratongam-pampianarana rehetra tokony ho hita amina Kaominina : Sekoly Fanabeazana Fototra, Sekoly Ambaratonga Faharoa Fototra. Ankoatra ireo dia ahitana Sekoly tsy miankina iray koa ao. Na izany aza dia tsy mivoatra firy ny fari-pahaizan'ny mpianatra ary tsy maro ny ankizy avy ao Andovoranto no manohy fianarana any Brickaville sy any Toamasina.

Eo amin'ny sehatry ny fahasalamana dia hita fa mbola mareforefo ihany na dia efa manao izay ho afany aza ny tompon'andraikitra rehetra. Amin'ny maha-toerana amorontsiraka azy dia mbola tena mamely mafy ny mponina ny tazo moka, vokatry ny tsy fitandreman'ny mponina ny fahadiovan'ny manodidina sy ny toera-ponenana dia isan'ny mbola sarotra tsaboina ihany koa ny aretin-kibo ary mateti-pitranga mihitsy aza. Ireo aretina roa ireo no mpahazo ny mponina mandavantaona.

Amin'ny lafiny fandriampahalemana dia azo lazaina fa mbola milamina ny tanànan'Andovoranto vokatry ny fananany rantsan'ny borigady ny Zandarimaria.<sup>10</sup>

---

<sup>10</sup> Nandikanay ny hoe « poste avancé de la Gendarmerie »

Ny rafi-piarahamonina indray dia manaja ary mankatoa rafitra an-tana-tohatra ny mponina ao Andovoranto. Ao ny rafitra ara-panjakana izay tantanan'ny Sefom-pokontany sy ireo mpiara-miasa aminy, ao koa ny rafitra ara-pinoana tarihin'ny Tangalamena izay mpanelanelana ny any an-koatra sy ny velona.

Eto amin'ity rafitra ara-pinoana ity dia hita fa mino ny fisian'ny tontolo any an-koatra sy ny tontolon'ny velona ny mponina ao Andovoranto. Any amin'ny tontolo any an-koatra no misy ny Zanahary sy ny Razana. Manaja hatrany ireo hery tsy hita maso any an-koatra ireo ny vahoakan'Andovoranto satria inoany fa manana hery sy fahefana ambony noho ny velona izy ireo. Izany no antony iantsoany azy ireo foana rehefa manao zavatra iray heveriny ho zava-dehibe toy ny fanaovana « Tsaboraha » samihafa. Ny tontolon'ny velona kosa dia manaja ny laharam-pizokiana izay ahitana ny tangalamena na ny zokiolona, ny raiamandreny ary ny zanaka.

**FIZARANA FAHAROA :**  
**NY FOMBA FANATONTOSANA NY JORO**  
**VINANY AO AMIN'NY FOKONTANY**  
**ANDOVORANTO**

Rehefa avy nilazalaza ny momba ny toerana sy ny momba ny mponina nanaovana ny asa fanadihadiana izahay tao amin'ny fizarana voalohany, dia heverinay fa tsara raha miresaka amin'izay ny lohahevitry ny asa fikarohana nataonay dia: "NY JORO VINANY AO AMIN'NY FOKONTANY ANDOVORANTO". Noho izany, ity fizarana faharoa ity dia naompanay tanteraka hanadihadiana ny momba ny "joro vinany". Nozarainay ho toko telo miavaka tsara ity fizarana faharoa ity ka ny toko voalohany dia nataonay hamaritana ny atao hoe "joro", ny toko faharoa kosa dia nataonay hilazalazana ny antony anaovana ny "joro vinany" ary ny toko fahatelo farany kosa dia nataonay hiresahana ny fizotry ny "joro vinany" ao Andovoranto.



## 2.1. FAMARITANA NY ATAO HOE JORO

Raha ny teny hoe “joro” no asiana resaka dia samy manana ny filazany ny olona sy ny sokajin’olona samihafa. Manana ny heviny momba izany koa ireo mpandinika samihafa araka ireo tahirin-kevitra teo am-pelatananay; samy manana ny fomba filazany ihany koa ireo mponina tany amin’ny toerana nanaovanay ny fanadihadiana.

Araka izany, harosonay mialoha etoana ireo famaritana isan-karazany araka izay ao amin’ny tahirin-kevitra, avy eo vao hatolotray ny andram-pamaritana heverinay fa mifanaraka amin’ny tena zava-misy marina tany an-toerana.

### 2.1.1. FAMARITANA NY JORO ARAKA IREO TAHIRIN-KEVITRA

Azo ambara fa maro ireo tahirin-kevitra manome ny famaritan ny hoe “JORO” ka indro atolotray ny sasantsany amin’izy ireo.

#### 2.1.1.1. Araka ny hita ao amin’ny Firaketana

Voalazan’ny Firaketana ary fa ny joro dia “(...) vavaka atao mivantana amin’Andriamanitra na amin’ny razana, na ho fifonana sy fibebehana izay, na ho voady atao, na ho fangataham-pitahiana amin’ny alalan’ny tonom-bavaka na sorona, na fanatitra; atao koa hoe joro ny fanatitra enti-mivavaka na biby toy ny omby izany, na vokatry ny tany toy ny vary, sns.”<sup>11</sup>

Ahazoana sampan-teny maro ihany koa ny teny hoe “joro”, toy ny hoe:

-Mijoro: mivavaka na manao fanatitra, manao na manefa voady.

-Mpijoro: fomba fiteny, nyolona manatanteraka ny joro.

-Manao joro: manao fivavahana misy tonom-bavaka na voady izany na sorona na fanatitra.

-Mpijoro omby: misaotra omby.

Mijoro razana: ny Razana no angatahim-pitahiana sy fiarovana.

-Mijoro sira: sira no atao fanatitra ho an’ny vazimba.

-Mpijoro vary na vola: vary na vola no atao fanatitra amin’ny fijoroana.

-Mijoro Zagnahary: Andriamanitra no anaovana vavaka na joro.

-Toerana fijoroana: toeram-boahasina fanaovana joro.

---

<sup>11</sup> RAVELOJAONA, RABEONY (H), RATSIMA (J), RANDZAVOLA Et Al, *Firaketana ny zavatra sy ny fiteny Malagasy*, Imprimerie Industrielle, Rue Galliéni, Tananarive, 1937-1946, litera J, p. 159

Araka ny FIRAKETANA dia miankina amin'ny hataka atao no hanasokajiana ny joro. Ao ny atao hoe: joro tsotra, joro voady, joro velona ary ny fampandihizan-tromba.

-Ny joro tsotra: fivavahana, fangatahana zanaka, harena, fahasitranana, fiarovana...

-Ny joro voady: natao ho an'ireo olona maniry te hanan-javatra toy ny olona te hanan-karena (omby). Manatona mpanandro izy, ary io mpanandro io no mametraka sy mamepetra ny zavatra tokony hatao. Manefa voady izy rehefa tanteraka soa aman-tsara ny faniriany.

-Ny joro velona: eo an-kianjan'ny tanàna itsatohan'ny jiro no anaovana azy mazàna. Mamono omby atao sorona amin'izany ary misy omby iray mbola velona eo. Manao kabary fisoronana ny loholona na ny zokiolona sady mitanisa ireo anaran-drazana nifandimby tany aloha elabe tany. Ilay omby tsy vonoina fa tazonin-drambo no antsoina hoe: "omby joro velona" na "omby masina" izay alefa hikarenjy any. Faranana hatrany amin'ny fiarahana misakafo be, hira, dihy, fimamoana ary fitondran-tena maloto ny lanonana.

-Ny fampandihizan-tromba: ity farany indray dia antsoina hoe "joron-Janahary".

#### **2.1.1.2. Araka ny Rakibolana**

Toy izao kosa indray no ilazan'ny rakibolana momba ny "joro":

-*"Fangataham-pitahiana eo am-panefana ny voady natao."*<sup>12</sup>

-*"Fivavahana sy fangataham-pitahiana eo am-panatanterahana voady."*<sup>13</sup>

---

<sup>12</sup> RAJEMISA RAOLISON, *Rakibolana malagasy*, Ambozontany, Fianarantsoa, 1985, litera J..

<sup>13</sup> *Rakibolana ho an'ny ankizy*, IDAC ET ZEBU FRANCOPHONE, 2010, litera J

### **2.1.1.3.Araka ny voalazan'ANDRIAMAHATODY Nivo (H)**

Raha ny voalazany kosa indray , ny joro dia: *“Vavaka fangataham-pitahiana sy fitalahoana amin’ireo hery tsy hita toa an’Andriamanitra, ny Razana, ny mpagnazary ary ny zava-masina rehetra mba hitondra ny soa masina sy ny soa manoro ary hanatrika ny lanonana izay atao amin’ny joro orana. Atao am-pitsanganana na mipetraka amin’ny toerana voatokana hanaovana izany ny joro. Arahina sorona na fanatitra izany ho fanajana ireo zava-masina ireo. Miovaova arakaraka ny zavatra takiana na ny toerana anaovana azy ny vavaka na ny hataka atao, ny fitaovana ilaina ary ny fiomanana atao amin’ny joro. Olona voatokana, manan-talenta, manana toetra mendrika ary matotra no mitarika ny fanatontosana ny joro.”*<sup>14</sup>

### **2.1.1.4.Araka ny hevitr'i ELYSA**

I ELYSA indray dia mamaritra ny joro hoe: *“Lahabolana ventesin’ny zokiolona mpitari-draharaha, tonom-bavaka fangataham-pitahiana, na fifonana, na fisaorana amin’ny Zanahary sy ny razana. Amin’ny misandratra andro no fotoana fanaovana azy. Fomba entin’ny fiarahamonina mikajy ny soatoavina sy ny rafi-piarahamonina nentim-paharazana ny joro, sady anambarany ny tontolony amin’ny tontolo any an-koatra.”*<sup>15</sup>

Ireo notanisaina teo ireo no famaritana nalaina tamin’ireo tahirin-kevitra hitanay, fa harosonay manaraka eto kosa ny andram-pamaritana heverinay fa mifandraika amin’izay fomba amam-panaon’ny mponina ao amin’ny fokontany Andovoranto.

---

<sup>14</sup> ANDRIAMAHATODY Nivo (H), *Ny joro orana sy ny fomba fijery ny tontolo ao Ambohijannahary any amin’ny faritra Antsihanaka*, Mémoire CAPEN, 2002, tak.128.

<sup>15</sup> ELYSA, *Ny joro vinany ao amin’y Kaominina Soanierana Ivongo*, Mémoire CAPEN, 2006, tak.63

### **2.1.2. ANDRAM-PAMARITANA**

Isan'ireo fomba amam-panaon'ny mponina ao amin'ny fokontany Andovoranto ny joro. Ny mponina ao amin'ity fokontany ity dia samy manana ny fomba amaritany ny atao hoe "joro". Ao ny milaza fa: *"Ny joro dia vavaka atao amin'ny Zanahary sy ny razana ka isaorana na ifonana na angataham-pitahiana amin'izy ireo."*

Misy ireo milaza fa: *"Ny joro dia resaka atao amin'ny hery tsy hita maso izay maneho ny fahalemen'ny olombelona ka itadiavany fiarovana amin'ireo hery tsy hita maso ireo."*

Ao indray ireo milaza fa: *"Ny joro dia vavaka natao hanovozan-kery sy fahefana amin'ny Zanahary sy ny razana."*

Hita sy tsapa fa mifameno tsara ireo famaritana nomen'ny olona momba ny joro izay ka azo atao tsara ny mampifandray azy ireo mba tsy hisy ho very ireo hevitra rehetra raketin'ny "joro". Heverinay fa feno kokoa ny famaritana ny joro raha toa ka zaraina efatra ny andram-pamaritana arosanay eto:

- famaritana ara-endrika
- famaritana ara-drafitra
- famaritan ara-bontoatin-kevitra
- famaritana araka anjara asa.

Ezahina hofintinina ireo karazana famaritana ireo avy eo mba hahazoana andram-pamaritana tokana sy feno izay antsoinay hoe famaritana faobe.

#### **2.1.2.1. Famaritana ara-endrika**

Ny joro dia tonom-bavaka ataon'ny lehilahy iray zokiolona indrindra amin'ny fotoanan'ny misandratra andro. Otronin'ireo zokiolona maromaro avy eo ankavanany sy ankaviany izy amin'izany ary mively ny omby eo anoloany izay lavo sy mifatotra. Ireo tompon-draharaha sy ireo olona nasaina manokana kosa dia mitsangana ao aoriany. Atao mitodika miatsinana eo am-body fisokina ny omby ary eo alohany misy betsaka sy toaka atao fanomezana ho an'ireo fanahy tsy hita izay antsoina amin'izany fotoana izany.

#### **2.1.2.2. Famaritana ara-drafitra**

Ny joro dia lahateny fanao rehefa misy zava-dehibe tanterahina. Lahateny ahitana taratra ny fiaim-piainan'ny fiarahamonina, ny fomba fisainan'ny mponina ary ny finoany ireo hery tsy hita maso ny joro. Lahabolana mampiseho ny fifandraisana eo amin'ny tontolon'ny velona sy ny any an-koatra.

### **2.1.2.3. Famaritana ara-bontoatin-kevitra**

Ny joro dia fomba iray entina mikolokolo ny soa-toavina sy ny rafi-piarahamonina nentim-paharazana, eo no anehoana fa maivana ny herin'ny olombelona raha ampitahaina amin'ny hery tsy hita, noho izany dia miantso ny fiarovan'ireo hery tsy hita any an-koatra ireo ny velona rehefa sendra ny zavatsarotra manahirana azy.

### **2.1.2.4. Famaritana araka anjara asa**

Ny joro dia vavaka fangataham-pitahiana, na fisaorana, na fifonana, amin'ny hery tsy hita maso tahaka ny Zanahary sy ny razana. Amin'izay fotoana izay, mifanampy ireo zokiolona amin'ny fitanisana ireo anaran-drazana marobe antsoina mandritra ny vavaka atao. Misy ny zokiolona mpitarika ny raharaha izay miventy mivavaka, ny sisa ambiny kosa manampy amin'ny fiantsoana ny razana. Rehefa mifarana ny vavaka izay vao mandray anjara amin'ny tso-drano sy firariantsoa ny mpanotrona. Araka izany, ny joro dia fitandroana ny lamina mipetraka eo amin'ny tontolon' ny velona sy ny any ankoatra.

### **2.1.2.5. Famaritana faobe**

Araka ireo karazam-pamaritana ireo, toy izao no andram-pamaritana azonay sintonina:

Ny joro dia lahateny ataon'ny zokiolona mpitari-draharaha, tonom-bavaka fangataham-pitahiana, na fisaorana, na fifonana amin'ny Zanahary sy ny razana. Tanterahina amin'ny misandratra andro izany. Fomba iray entin'ny fiarahamonina mikolokolo ny soatoavina sy ny rafi-piarahamonina nentim-paharazana ary ampifandraisany ny tontolony amin'ny tontolo tsy hita maso any ankoatra. Aseho amin'izany fa manana hery lehibe mihoatra amin'ny herin'olombelona ny hery tsy hita maso, koa tsy maintsy manaja sy manaraka izay lamina raikitra izay ny fiarahamonina.

Marihinay etoana anefa fa dingana iray tontosaina mandritra ny joro vinany ny joro, fa ny joro vinany izay lohahevitra nanaovana ny asa fikarohana dia singan-driba iray fanaon'ny mponina mipetraka akaiky vinany. Ho an'ny mponina ao Andovoranto manokana dia ny andro talata ihany no tsy azo anatanterahina ny joro vinany. Tsy misy vanim-potoana na fe-potoana raikitra ny fanaovana izany joro vinany izany fa isaky ny mihidy, izany hoe rehefa tsy mamoka trondro ny vinany vao manatanteraka azy ity ny mponina.

Manomboka eto dia hidtra lalindalina kokoa mikasika ny “joro vinany” izay lohahevitra nanompananay ny asa fikarohana amin’izay izahay ka ny horeshahina voalohany dia ny antony anatanterahana ny “joro vinany”.

## **2.2 NY ANTONY ANAOVANA NY JORO VINANY**

Fomba fanao mahavantana sy mahazatra ary tsy maintsy tanterahin’ny mponina ao amin’ny fokontany Andovoranto hatramin’izay ka hatramin’izao ny fanaovana joro isaky ny misy tsaboraha karakaraina. Tsy natao ho haitraitra fotsiny akory izany fa misy antony lehibe manosika azy ireo hanao izany. Tahaka izany koa ny “joro vinany”, izay singan-driba fanaon’io faritra io.

Maro ireo antony hanaovan’ny mponina ao amin’ny fokontany Andovoranto ny “joro vinany”. Raha zohina anefa ireny antony maro samihafa ireny dia azo sokajiana ho roa: antony ara-toe-karena sy antony ara-pinoana.

Mba hampilamina ny fanazavana aroso dia ho tanisaina tsirairay araka ny sokajy misy azy avy izy ireny.

### **2.2.1. Ny antony ara-toe-karena**

Raha vao mihidy ny vinany, izany hoe tsy mamoka laoka na trondro ny ranomasina, dia mahatsiaro sahirana tanteraka ny mponina ao amin’ny fokontany Andovoranto. Ny jono an-dranomasina anefa no tena asa fitadiavam-bola sy foto-piveloman’ny mponina ao amin’io fokontany Andovoranto io. Araka izany, tena tsy mandeha mihitsy ny fiainan’ny mponina ka na inona na inona asa fitadiavana sy sehapihariana ataon’ny mponina dia miankina amin’ny trondron-dranomasina ihany izany. Tsy misy mividy ny vokatry rehetra, noho izany, satria tsy tonga any an-toerana ny mpanangona trondro avy any Brickville sy Toamasina rehefa mandre fa mihidy ny ranomasina ao Andovoranto. Ireo mpanangom-bokatra ireo anefa no tena mamelona ny mponina satria trondro aman-jato kilao isan’andro no miala ao amin’io fokontany Andovoranto io.

Vokatr’izay dia, na amidy mora ny vokatry hafa toy ny vary sy ny voankazo isan-karazany, na simba sy lo am-pitoerana fotsiny eo ka miteraka faty antoka ho an’ny mpamboly indray izany toe-javatra izany.

Ankoatra izany, tsy mandeha araka ny tokony ho izy koa ny asa fitaterana, na an-dranomamy na an-tanety, satria tsy afaka mankany Brickaville ireo mpanangom-bokatra madinika avy ao an-toerana izay mpaninjara ao Brickaville.

### **2.2.2. Ny antony ara-pinoana**

#### **2.2.2.1. Ny antony iarahana**

Rehefa hitan'ny mponina fa mihena sy mihakely ny trondro azon'ny mpanarato an-dranomasina dia very hevitra ny amin'ny asa fivelomana izy ireo. Teo no nahalasa saina ny maro ka nieritreretany fa asan'ny hery tsy hita maso no tsy mampisy ny trondro. Izany hoe nisy ireo olona nandika fady. Fady itondrana vy ity vinany eto Andovoranto ity.

Fantatry ny tompon-tanàna tsara ny tantaran'ity rano ity, indrindra fa ireo zokiolona ao an-toerana. Efa zava-panaon'ity ranomasina ity ny tsy mamoka trondro raha toa ka misy mitondra vy tsy nahy na fanahy iniana eo amin'ny vinany.

Tsapan'ny fokonolona ao an-toerana fa tsy voahaja io fady io satria isaka ny misy sambo avy any Toamasina miditra eo amin'io vinany io dia mitranga hatrany ny fihenana ny trondro azon'ny mpanarato an-dranomasina. Eo amin'ity vinany eto Andovoranto ity no ampidirana an-dranomasina ny sambo madinika vita avy ao Toamasina satria lafo dia lafo tokoa ny saran'ny fampidirana azy raha ao Toamasina no ampidirina. Noho izany, tapaka ny hevitra fa hatao ny joro vinany, fisehoan'ny hatezeran'ny razana io ranomasina tsy mamoka trondro io.

Ho tanterahana ny “joro vinany” mba hiverina indray ny hasin'ny vinany sy ny razana izay voaota fady. Ho fanadiovana ny ratsy nataon'ny velona tamin'ny razana dia tsy maintsy manao sorona omby amin'izany.

Mitovy amin'ny hevitr'i LAHADY (P) izany raha nanambara ny antony anaovana joro amin'ny tsaboraha izy ka nanambara hoe: *“ny antony anaovana ny joro amin'ny tsaboraha, voalohany, mba hanalana ny aretina, na faly fa nahazo tombom-pahasoavana sy harena ka mba hirian'ny hafa, na koa mba isorohana ny loza tsy hitranga eo amin'ny fiarahamonina: valanaretina sy fahafatesana, fahasimban'ny fambolena...”*<sup>16</sup>

#### **2.2.2.2. Ny antony araka ny tsirairay**

Misy ihany koa ny antony araka ny zava-mitranga eo amin'ny fiainan'ny tsirairay na ny fianakaviana iray ka mahatonga azy ireo hanatanteraka ny “joro vinany” ao amin'ity vinanin'Andovoranto ity.

Araka izany, manatanteraka “joro vinany” ireo olona na fianakaviana manana antony manokana toy ny hoe :

- handeha any am-pitan-dranomasina ny zanany na ny taranany. Tonga eo izy ireo mangata-pitahiana satria tena zava-dehibe aminy tokoa izany.
- tonga amin'ny tanjona niriny izy ka manatanteraka ny voadiny eo amin'io toerana io sy misaotra ary mangata-tso-drano ho ambinina amin'ny fiainana ho avy manaraka.

Rehefa fantantsika ny antony anaovan'ny mponina ao amin'ny fokontany Andovoranto ity joro vinany ity dia heverinay fa tsara ny hiresahana eto amin'izay ny fizotry ny lanonana fanatontosana ny “joro vinany”.

### **2.3. NY FIZOTRY NY JORO VINANY**

Toy ireo singan-driba isan-karazany manerana ny Nosy, dia misy dingana tsy maintsy tanterahana eo amin'ny fanatontosana ny joro vinany, misy ambaratonga tsy maintsy arahina.

---

<sup>16</sup> LAHADY (P), le culte Betsimisaraka et son système symbolique, tak.112-113 : « on fait le jôro tsaboraha d'abord pour rechercher la santé, ou bien parce qu'on est heureux d'avoir été gratifié de richesse au point d'être envié par d'autres, ou bien pour éviter les malheurs sociaux : épidémie et morts, désastres dans les cultures, ... »



Fepetra iray mahatontosana antsakany sy andavany ny « joro vinany » ny fahatanterahan'ireo dingana samihafa ao anatin'ny ; koa dia hozaraina roa miavaka tsara ny filazana ny fizotry ny « joro vinany » :

-ny ambaratongam-pivoaran'ny hetsika natao hanamafisana ny fihavanana eo amin'ny velona.

-ny dingana fampitambarana ny tontolon'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso.

### **2.3.1. Ny ambaratongam-pivoaran'ny hetsika natao hanamafisana ny fihavanana eo amin'ny velona**

Izay hetsika tena misy lanjany mifandray amin'ity fombafomba dinihina sy alalinina ity ihany no ezahanay asongadina sy avoitra fa tsy ny antsipiriana'ny hetsika rehetra misy ataon'ny velona amin'ny fanatanterahana ny “joro vinany” akory. Marihina tsara koa anefa fa ireo hetsika maneho fanamafisam-pihavanana eo anivon'ny mpiara-monina ihany aloha no hohadihadianay etoana.

Horesahina eto amin'ity ambaratongam-pivoaran'ny hetsika natao hanamafisam-pihavanana eo amin'ny velona ity, araka izany, ireo ambaratongam-pahefana manapa-kevitra amin'ny fanatontosana ny “joro vinany”, ny fiomanan'ny mponina, ny fanombohan'ny lanonana ary ny famaranana azy.

#### **2.3.1.1. Ireo ambaratongam-pahefana manapa-kevitra amin'ny fanatanterahana ny joro vinany**

##### **a- Ny joro vinany iarahan'ny fokonolona manatanteraka**

Manoloana ny fikatonan'ny vinany, izany hoe, tsy mamoka laoka na trondro ny vinany, izay miteraka olana goavana be eo amin'ny fiainan'ny mponina andavanandro sy ireo mpampiasa azy dia ny tompon-tanàna no tsy maintsy mandray ny andraikitra sy mitady ny vahaolana mifanaraka amin'izany. Tsy ny maha-« am-body vilany feno arina » ihany fa ireo tompon-tanàna ireo no tena mahalala tsara ny tantara sy vavolombelon'ny zava-misy ka izany no manosika azy ireo hikaoka vahaolana.

##### **➤ Ny firahalahian'ny mpanarato**

Araka ny fitsipi-piainana efa niainan'ny mpanarato teto Andovoranto hatrizay, rehefa misy olana eo amin'ny fiainan'ny mpanarato indrindra fa momba ny asa fiveloman'izy ireo, dia mifanatona izy rehetra ka samy mamosaka ny heviny amin'izay antony mahatonga izao fikatonan'ny vinany izao.

Mifampila hevitra miaraka amin'ireo mpanarato ireo ny Loham-pianakavina isan-tokony avy, isaka ny « vakim-paritra »<sup>17</sup>. Milazalaza sy mitanisa ny fahavoazany avy sy ny haratsian'ny asany ny mpanarato tsirairay; manao fampitahana ny vokatra azo taloha sy ny vokatra azo ankehitriny.

Araka izany dia samy maminavina ny antony mety mahatonga izao trangan-javatra izao ny rehetra. Aorian'ny fifampidinihana dia tapaka ny hevitra fa hiroso amin'ny fanatanterahana ny “joro vinany” mba hampisokatra indray ny vinany ka hitohizan'ny fahazoana trondro.

Raha efa izany dia mitatitra ny fanapahan-kevitra any amin'ireo Tangalamena isaka ny faritra indray ny Loham-pianakaviana isaka ny « vakim-paritra » izay niara-nivory tamin'ny mpanarato.

➤ **Ny fifampidinihan'ny Loham-pianakaviana sy ny Tangalamena**

Amin'ny maha-finoana sy fomba amam-panao ny “joro vinany” dia tsy maintsy mandalo ireo raiamandreny ara-drazana rehetra eo an-tanàna ny fanapahan-kevitra farany amin'ny fanatanterahana azy.

Ny Tangalamena no azo lazaina fa raiamandreny ara-drazana faratampony eo anivon'ny fiarahamonina ao Andovoranto. Tsy azo hodian-tsy hita, noho izany, izy ireo fa tsy maintsy mandalo eo amin'izy ireo avokoa izay fanapahan-kevitra rehetra mikasika ny raharaha ara-drazana.

Ny Tangalamena no mahalala ny tantara rehetra sy ametrahan'ny olona fitokisana fa manana fahendrena sy fahalalana ambony indrindra eo an-tanàna, ka ny olana tsy voavaha rehetra dia entina eo anatrehany avokoa hosainina sy hodinihina ary handraisana fanapahan-kevitra.

Mifamory ireo Loham-pianakaviana eo an-tanàna ka mandeha manatona any an-tranon'ny Tangalamena hiara-hidinika izay tokony hatao manoloana ny olana mianjady amin'ny vahoaka sy ny tanàna iray manontolo mihitsy. Tsy midika akory hoe tsy ampy fahalalana ireo Loham-pianakaviana fa « ny hevitra tsy azo tsy amin'olombelona » ary « ny hevitra ny maro mahataka-davitra » sady « ny firaisankina koa no hery. » Izay koa moa no maha-Betsimisaraka ny mponina any amin'ny faritra Atsinanana iny: be tsy misaraka na amin-kafaliana na amin-karatsiana.

---

<sup>17</sup> Nandikanay ny hoe: “parcelle”

➤ **Ny fifampidinihan'ny samy Tangalamena**

Isan'ny olana goavana sedrain'ny fiarahamonina ao Andovoranto ity fikatonan'ny vinany ity. Noho izany indrindra dia tsy mahavaha ny olana raha Tangalamena tokana ihany ka tsy maintsy mifanatona izy ireo.

Ny fokonolona manontolo ao amin'ny fokontany Andovoranto mihitsy no manjary tompon'ny olana sy iharam-pahavoazana, hany ka tsy maintsy mandray andraikitra ireo Tangalamena ireo.

Eo anivon'io fihaonana sy fifampidinihana eo amin'ny Tangalamena io no andraisana ny fanapahan-kevitra farany hanatanteraka ny “joro vinany”. Mandritra io fihaonana io ihany koa no andinihana ny vinavinam-pandaniana rehetra mety hatao indrindra fa ny isan'ny omby hovonoina.

Manoloana ny toe-javatra tsy vitan'ny hery sy ny fahefan'olombelona tahaka izao, dia ny fangataham-pitahiana amin'ny tontolo tsy hita maso sy ny hery any an-koatra no tsy maintsy iafaran'ny dinika sy ny fanapahan-kevitra. Araka ny finoan'ny mponina ato amin'ity tanàna ity, izay hetsika na toe-javatra misy ifandraisana amin'ny tontolo any an-koatra dia tsy voavaha raha tsy misy ny fifandraisana amin'izy ireo ka ahafahany manampy sy mamaha ny olana : ny Zanahary sy ny Razana no tian-kambara amin'izany.

Manana ny tompony ny rano, hery hafa ivelan'ny hery hita maso no misy ny Tompon-drano. Matoa misy fikorontanana ny fifandraisan'ireo tontolo roa ireo, ny tontolo hita maso sy ny tontolo any an-koatra, dia fanotana fady nataon'ny olombelona no nahatonga izany, ny “joro vinany” ihany no vahaolana mahomby entina andravonana sy amahana izany.

Eto amin'ity fifampidinihana ataon'ny Tangalamena ity no ifidianana sy anendren'izy ireo izay Tangalamena hitarika ny raharaha amin'ity “joro vinany” ho tanterahana ity. Efa fomba fanao nentim-paharazana mihitsy ny fanendrena Tangalamena iray hitarika ny raharaha tahaka izao, tsy amin'ny “joro vinany” tahaka izao ihany anefa fa eo amin'ny sehatra rehetra mihitsy indrindra amin'ny fiatrehana loza na fahavalo. Ara-tantara, tsy mba tafajoro tany amin'ny faritra betsimisaraka ny fanjakana andriana.

Nizarazara ho antokony maro ny fiarahamonina ka ny « Filoha » no nitarika tamin'izany, izay azo antsoina ihany koa hoe « Zokiolona », izy no manam-pahefana ambony indrindra teo anivon'ny fiarahamonina. Raha sendra misy loza mananontanona ny fiainan'ny tanàna tahaka ny loza voajanahary na ady na mosary,

ohatra, dia mifanatona ny tarika maromaro mifanakaiky ka manangana sy manendry « Filohabe » iray hitantana sy hitarika azy ireo vonjimaika hiatrika ny loza na ny fahavalo<sup>18</sup>. Mbola io rafi-pitondrana amam-pahefana io no ampiharin'ity fiarahamonina ao Andovoranto ity raha eo amin'ny fahefana ara-drazana no asian-teny. Izany indrindra no nahatonga azy ireo hifidy Tangalamena iray hitarika amin'ny fanatontosana ny “joro vinany”, matetika moa dia izay Tangalamena zokiolona indrindra no miandraikitra izany satria sady ela nihetezana lava volo no manam-pahendrena amam-pahalalana.

Taratra amin'izao fomba fiasa izao fa tena olon'ny fahendrena sy ny fahalalana tokoa ireto Tangalamena ireto. Tsapan'izy ireo fa raha tsy misy mpitarika dia tsy ho tontosa ny zavatra kasaina, ny biby tsy manan-doha mantsy tsy mandeha; raha maro loatra koa ny mpibaiko dia hisavoritaka ny raharaha.

Ankoatra ireo toetra tsy maintsy ananan'ny Tangalamena, dia olona manana fahalalana sy fahefana ary hery manokana mikasika ny hery tsy hita maso izy. Isan'ny fepetra takina amin'ny fifidianana Tangalamena hitarika ny fanatanterahana ny “joro vinany” izany. Izany matetika no anendrena izay zokiny indrindra satria heverina fa efa ampy ary manana ny traikefa amin'ireo rehetra rehetra ireo ny Tangalamena zokiolona.

➤ **Ny fiantsoan'ny Tangalamena tsirairay ny olom-peheziny**

Aorian'ny fifampidinihana nandraisana fanapahan-kevitra ny amin'ny hanatanterahana ny “joro vinany” nataon'ny Tangalamena ka nifidianana sy nanendrena izay Tangalamena hitarika ny raharaha dia mamory ny olom-peheziny avy ny Tangalamena tsirairay. Manao ny tatitry ny fivoriana niarahan'ny Tangalamena rehetra sy izay fanapahan-kevitra rehetra noraisina tamin'izany. Fotoana fohy taorian'ny fivoriana niarahan'ny Tangalamena rehetra no anaovan'ny Tangalamena tsirairay ny tatitra amin'ny olom-peheziny satria raha miandry ela izany dia mihamitombo indray ny fahavoazan'ny vahoaka. Tsy misy ady hevitra atao intsony amin'izany fa fanambarana ny fandaminana rehetra sy ny andro anatontosana ny joro vinany no ataon'ny Tangalamena.

---

<sup>18</sup> Andriamatoa RAJAONARISON Edouard, lesona Taona fahatelo, E.N.S. Ampefiloha , « Ny fitondrana amam-pahefana teto Madagasikara »

Azo anatanterahana “joro vinany” avokoa ny andro rehetra ao anatin’ny herinandro afa tsy ny talata ihany izay andro ratsy ho an’ny fiarahamonina any amin’ny morontsiraka atsinanan’i Madagasikara iny, amin’ny ankapobeny.

Samy manana ny andraikiny sy ny fandraisana anjarany ny fizaram-paritra tsirairay ka araka ny heverina fa tanjaky ny fizaram-paritra tsirairay no anomezana sy amaritana ny tokony ho anjarany amin’ny fanatontosana ny “joro vinany” saingy tsy maintsy mandray anjara kosa izy ireo hatramin’ny fizaram-paritra akaiky indrindra ka hatramin’izay lavitra indrindra.

Toy izao ary ny toerana sy ny halaviran’ny fizaram-paritra tsirairay amin’ny vinany :

- Ankalomalala : Fizaram-paritra fahenina (1 km atsimo)
- Tanambao : Fizaram-paritra fahadimy (1 km avaratra)
- Antedilana : Fizaram-paritra fahefatra (1,200 km avaratra)
- Ambodiantafana : Fizaram-paritra fahatelo (1,500 km avaratra)
- Antanambondrona : Fizaram-paritra faharoa (2 km avaratra)
- Ambalamangahazo : Fizaram-paritra voalohany (2,400 km avaratra)<sup>19</sup>

Samy mandray anjara mivantana amin’ny fanatanterahana ny “joro vinany” avokoa ireo fizaram-paritra enina ireo izay mitambatra ka manome ny fokontany Andovoranto. Tsy raharahan’ny kaominina mantsy ny joro vinany eto fa eo anivon’ny fokontany fotsiny ihany. Izy ireo no miantoka ny fandavorariana ny hetsika sy ny lanonana amin’ny fanefana ny vola, ny toaka, indrindra moa fa ny omby izay hovanoina.

Tsy maintsy ilazana ny fotoana sy ny andro anaovana ny joro vinany sy ny sorona ilaina amin’izany ny fokonolona manontolo mba hahafahany manomana tsara izay anjaran’izy ireo satria tena zava-dehibe mahakasika ny fiainan’ny fokontany sy ny hoavin’ny toekareny mihitsy ity ho tanterahana ity.

---

<sup>19</sup> Jereo sarintany

RAZAFINTSALAMA dia milaza ary manamafy fa tena zava-dehibe tokoa ny fampandrenesana ny olon-drehatra amin'ny fanaovana fisantarana ka nilazany fa : « (...) *raharahan'ny miara-monina ny fisantarana ; koa tsy maintsy ambara amin'ny mpiara-monina (...) Ny tsy fanambarana ny raharaha amin'ny mpiara-monina dia heverina ho halatra.* »<sup>20</sup>

Manaiky sy mbola tena manaja ny rafi-piaraha-monina napetrak'ireo razany ny mponina amin'ity fokontany Andovoranto ity. Hita taratra izany amin'ny faneken'ny fokonolona rehetra tao an-tanàna avy hatrany ny fanapahan-kevitra tao amin'ny fivoriana nataon'ny Tangalamena. Tsy nisy endri-panoherana mihitsy na dia kely aza avy amin'ny fokonolona noho ny fandalan'izy ireo ny fahendren'ny Tangalamena, eny fa na dia misy mpino kristianina aza ao anatin'ny fiarahamonina ao.

### **b- Ny “joro vinany” tanterahin'ny fianakaviana tokana**

Ao amin'ny fokontany Andovoranto, ny fianakaviana tsirairay dia afaka manatanteraka joro vinany. Tsy noho ny hoe tsy fiakaran'ny laoka anefa fa noho ny antony manokana mihitsy. Isan'izany, ohatra, ny fanatanterahana voady rehefa nahazo fanambinana tamin'ny fiainana na fangataham-pitahiana fa handeha lavitra hitady ravinahitra na hiam-pita ranomasina.

Araka izany, sokajian'ny fokonolona ho toerana masina fanatanterahana joro mihitsy ity vinany ao Andovoranto ity noho izy mihataka ny tanàna sady toerana fihaonan'ny ranomamy sy ny ranomasina ka inoan'ny olona ihany koa fa fihaonan'ny herin'olombelona sy ny hery tsy hita maso.

Na inona na inona anefa antony anaovana ny joro vinany dia tsy maintsy manaraka ny dingana tokony hotanterahina rehetra izay mikasa hanao izany : fifanatonana eo amin'ny loham-pianakaviana hanatanteraka ny “joro vinany”, fanatonana ny Tangalamena eo amin'ny zana-paritra misy ny fianakaviana hanao “joro vinany”, fifanatonan'ny Tangalamena.

---

<sup>20</sup> RAZAFINTSALAMA (A), *Tari-dalana hoenti-manadihady ny finoana sy ny fomba malagasy*, Edisiona Md Paoly, Antananarivo, 2004, p. 108

➤ **Ny fifanatonan'ny loham-pianakaviana hanatanteraka ny joro vinany**

Tsy raharahan'olon-tokana ny fanatanterahana joro, araka ny efa voalaza tetsy ambony. Noho izany indrindra no tsy maintsy ihaonan'ny tompon-draharaha amin'ny fanatontosana ny “joro vinany” ho fandaminana amin'izay rehetra mahakasika izany : fandaminana ny fotoana, fandaminana ny fitaovana, fandaminana ny hoenti-miatrika rehetra (vola, omby...), fizarana ny raharaha amin'ny fampandrenesana ny mpiara-monina sy ny manampahefana.

➤ **Ny fanatonana ny Tangalamena eo amin'ny faritra misy ny fianakaviana hanao ny joro vinany**

Rehefa tapaka ny hevitra teo amin'ireo loham-pianakaviana fa hanao “joro vinany” dia tsy maintsy mandeha indray manatona ny Tangalamena, amin'ny maha raiamandreny ara-drazana azy eo amin'ny fizaram-paritra misy azy, ireo loham-pianakaviana ireo.

Tahaka ny teo aloha, ny Tangalamena no olon'ny fahendrena sy ny fahalalana; noho izany, tsy maintsy alaina ny hevitr'izy ireo. Rehefa manaiky ny Tangalamena ao amin'ny fizaram-paritra misy ny fianakaviana mikasa hanao “joro vinany” vao azo heverina fa ho tanteraka izany “joro vinany” izany. Tapahina eto amin'ity fihaonana ity ny fotoana hanatanterahana ny “joro vinany”.

➤ **Ny fanatonan'ny Tangalamena ao amin'ny fizaram-paritra hanao “joro vinany”amin'ny Tangalamena rehetra ao amin'ny fokontany**

Na afa naheno aza ny Tangalamena ao amin'ny fizaram-paritra mikasa ny hanaovana “joro vinany” dia tsy maintsy midinika amin'ny Tangalamena rehetra izy satria zava-dehibe indrindra eo amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina ny joro.

Ireto Tangalamena ireto no tompon'ny teny farany amin'ny fanapahan-kevitra. Rehefa tapaka eo amin'ity fihaonana ity fa ho tanterahana ny “joro vinany” dia efa mahazo mandry ivohon'ny vato ny fianakaviana hanao izany.

**2.3.1.2. Ny fiomanan'ny fokonolona**

Lanonan-dehibe ho an'ny mponina sy ny fokonolona iray manontolo eto Andovoranto ny “joro vinany” ka tsy ataon'izy ireo ambanin-javatra ny fanomanana sy ny fikarakarana izany. Na zava-dehibe tahaka izany aza anefa ny joro vinany dia fotoana fohy ihany no iomanan'ny vahoaka iatrehana azy. Tsy iandrasana andro ela manko ny anatontosana ny “joro vinany”, satria sady tena miankina aman'ain'ny vahoaka no miankina aman'ain'ny toe-karen'ny fokontany sy ny fokonolona mihitsy.

Na dia fohy aza ny fotoana nanomanana dia hita taratra ihany fa efa niomana ny vahoaka ary vonona hanefa ny adidiny amin'izay tahiry eo am-pelatanany. Ao anatin'izany fotoana fohy izany no anefan'ny fokonolona izany anjara adidiny izany.

➤ **Ny fanangonana ny vola sy ny fitaovana rehetra ilaina**

Araka ny efa nambara tany am-boalohany, rehefa milaza hoe Andovoranto eto dia ny fokontany no resahina fa tsy ny kaominina. Araka izany, ny fokonolona eto Andovoranto no tompon'antoka amin'ny fanatontosana ny "joro vinany" ka izy ireo no miantoka tanteraka ny fitaovana rehetra laina mandritra ny andron'ny lanonana. Ny fokonolona manodidina kosa dia tsy terena, noho ny fihavanana dia mandray anjara araka izay heveriny ho tandrify azy avy izy ireo eo amin'ny fanampiana ara-pitaovana.

Tahaka izany koa ny eo amin'ny fanefana ny vola entina ividianana ny omby hovonoina amin'ny andro hanatenterahana ny "joro vinany". Ny fokonolona eo amin'ny fokontany Andovoranto no tena mifampizara amin'izay mety ho vidin'ny omby, fa ireo mponina avy amin'ny fokontany manodidina kosa dia manao karazana fanampiana izay foy na latsakemboka izay foy toy ny varifotsy, ny vola ividianana ny omby na ny ividianana ny toaka (betsa) na ny « rômy » hosotroina amin'io andro anaovana ny joro vinany io. Aterina any amin'ny Tangalamena tsirairay isaka ny fizaram-paritra ny fotsim-bary sy ny vola ilaina amin'izany. Ireo Tangalamena ireo ihany koa no mandeha mividy ny omby hovonoina araka ny fandaminana efa napetraka mialoha.

Amin'ny tontolo andron'ny "joro vinany", ny famitana ny asa tokony hatao mandritra ny fanatontosana dia tsy misy tompon'anjara voafarita mialoha fa ny fokonolona iray manontolo samy tompon-draharaha izay manatrika dia samy mandray anjara avokoa araka izay mety ho vitany sy tandrify azy.

➤ **Ny fangatahana alalana amin'ny manam-pahefana**

Tsy maintsy ampandrenesina mialoha ny andro hanaovana ny joro vinany ireo tompon'andraikitra ara-panjakana rehetra isan-tsokajiny eo an-toerana. Atao antsoratra mihitsy ny fampanandrenesana amin'izany. Karazana taratasy fangatahan-dalana no ataoamin'izany.

Ho fanomezam-boninahitra ireo mpitondra sy ho fanajana ny lalàna velona eto amin'ny tany sy ny firenena no anaovana izany taratasy fangatahan-dalana izany



fa tsy sanatria akory tahotra ny mety handavan'ireo raiamandreny ara-panjakana ny lanonana. Na dia mpitarika sy mpitondra fara-tampony ny raharahan-drazana aza ny Tangalamena, dia manaiky sy fehezin'ny lalàna ara-panjakana satria mahatsapa izy ireo fa sasanangy roa samy hafa samy manana ny hanitra ho azy ny fitondrana ara-drazana sy ny fitondrana ara-panjakana kanefa koa samy manana ny fahefany ary samy hajain'ny vahoaka sy ny fokonolona.

Araka ny lalàna velona eto Madagasikara, rehefa mamono omby dia tsy maintsy mandoa vola ho saran'ny fanomezan-dalana hanao izany na inona antony na inona ka amin'ny fotoana ampandrenesana ny mpitondra Fanjakana no anatanterahana izany. Izany no atao moa dia fanehoana amin'ny vahoaka sy ny fokonolona mba ho fampianarana azy ireo hanaiky fa tsy maintsy ankatoavina hatrany ny didy aman-dalàna eto amin'ny tany sy ny firenena; ny Tangalamena no manao ohatra tsara sy fakan-tahaka ary modely hita maso amin'izany. Hetsika iray manambara ny maha-olom-pirenena feno fehezin'ny lalàna velona eto amin'ny tany sy ny fanjakana ny vahoaka manatanteraka ny “joro vinany” ny fanefana ny vola tokony aloa ho saran'ny famonoan'omby.

#### **2.3.1.3. Ny fanombohan'ny lanonana**

Iray andro mialoha ny andro tena anombohan'ny lanonana dia efa samy miomana ara-batana, ara-tsaina indrindra fa ny ara-panahy ny mponina satria zava-dehibe tokoa izany hoe « fihaonana » amin'ny Zanahary sy ny razana izany. Ny velona no mitady fitahiana sy fahombiazana avy amin'ny razana ka dia tsy maintsy izy no mikarakara sy manomana izay toerana sy fitaovana rehetra ilaina hahatomombana ny lanonana. Isan'ireny ny toerana manokana iandrasana sy andraisana ireo hery tsy hita izay antsoina mandritra ny “joro vinany”.

#### **➤ Ny fanorenana ny trano ialofana mandritra ny lanonana**

Ny maraina mialoha ny andro anaovana ny “joro vinany” no ananganana ny « trano mitso » sy ny « trano masina » (trano mitso = trano natao itoeran'ny vahoaka nasaina sy mpanatrika ny joro vinany). Any amin'ny toerana anaovana ny “joro vinany” no ananganana ireo trano ireo, izany hoe eny akaikin'ny vinany. Eny mantsy no anaovana ny “joro vinany”.

Tena lanonana goavana hoan'ny fokonolona iray manontolo eto Andovoranto sy ny fokonolona manodidina tokoa ity fotoana ity ary efa tsy nahatafandry mandry azy ireo mihitsy. Ity fotoana efa nandrasana hatry ny ela ity mantsy dia tsy natao hangataham-pitahiana      hoan'ny      toe-karen'ny      faritra      fotsiny

ihany fa mba hifanatonana sy hifamatorana ary indrindra mba hanamafisana orina indray ny fifankatiavan'ny fokonolona. Noho izany, tsy maintsy natao vaindohan-draharaha tanteraka ny fanamboarana ireto trano ireto mba tena hifantohan'ny tsirairay amin'ny lanonana. Tsy mifandray mantsy ny resaka ary mety tsy ho tratra ilay hoe « fanamafisana orina ny fifankatiavana ». Ny fisian'ny trano dia manery ny tsirairay hifanakaiky sy hifandray resaka. Ny fifampikasohana amin'ny hafa sy ny fifampiresahana dia manala ny efitra izay mety mampizarazara, manala ny lonilony niotrika tao am-po sy ny tsy fifankahazoana andavanandro, tonga miravona ho azy ny olana ary mihatsara ny fifandraisana noho ny fifampiresahana nateraky ny fisian'ny « trano mitso ».

Araka ny anarany, ny « trano mitso » dia trano vita amin'ny zava-maniry ary tena zava-maitso tokoa. Trano natao andraisana ny olona mpanatrika rehetra ka natao lehibe sy lava mba tsy hisy olona any ivelan'ny trano. Tsy misy refy raikitra izy io fa arakaraka ny mety ho isan'ny olona vinavinaina ho tonga no anaovana ny halavany sy ny habeny. Tsy natao ho trano maharitra moa izy ity, noho izany dia fitaovana avy eo an-toerana avokoa no anamboarana ireto trano ireto. Tsy misy ialana vola izy ireny fa ny vatan-dehilahy matanjaka ao an-tanàna no maka ny hazo, ny ravimpontsy sy ny hafotra. Ny ravim-potsy no atao tafon-trano ary ny hafotra kosa no atao kofehy hamatorana azy, tsy mila rindrina ny trano satria natao hialofana mandritra ny lanonana fotsiny.

Amin'ny mahafomban-drazana ny “joro vinany” dia tsy maintsy tazonina ny fomba, izany hoe tsy ametrhana seza ao anatin'izany trano izany fa ravim-pontsy ihany no alahadahatra amin'ny tany ipetrahan'ny olona nasaina sy ny mpanatrika rehetra.

Avaratry ny « trano mitso », asiana trano manokana atao hoe « trano lapa », io trano io no ametrhana ireo « Zokiolona » sy ny Tangalamena ary ireo olom-panjakana isan-tsokajiny nasaina hanatrika ity lanonana ity. Tahaka ny fiarahamonina malagasy rehetra dia natao ho fanajana ny fampandrosoana ny vahiny na ireo olo-manan-kaja ho eny avara-patana, noho izany indrindra no anokanana azy ireo eo avaratry ny « trano mitso ». Atokana ao amin'ny trano lapa ireo « Zokiolona » sy « Tangalamena » ary ireo olo-manan-kaja ara-drazana sy ara-panjakana amin'ny maha-olona tsongoin'olom-bolo azy. Ny lapa moa dia natokana hoan' ny Mpanjaka irery ihany, ny « trano lapa », araka izany, dia midika hoe « tranon'ny Mpanjaka ». Manamarika izany fa na inona na inona ary na aiza na aiza zavatra tanterahina eo

an'ivon'ity fiarahamonina ity dia apetrany mazava tsara hatrany ny fanomezan-danja sy hasina ireo « Zokiolona ». Tsy izay ihany anefa no hita taratra ao amin'ny fiarahamonina ao Andovoranto fa hita ao ihany koa ny fitiavany sy ny fanajany vahiny. Araka izany, mba hahatamana sy hahatonga ireo vahiny hifantoka tsara amin'ny fanatrehana ny lanonana ary mba hampahazo aina azy ireo dia anomanana toerana manokana izy ireo ka tolirana ny toerana manan-kaja miaraka amin'ireo « Zokiolona » sy « Tangalamena » ary ireo manam-pahefana isan-tsokajiny.

Ny « trano masina » dia trano natao ho fametrahana sy fitehirizana ny sakafo sy ny kojakoja rehetra ilaina amin'ny fanatanterahana ny “joro vinany”, toy ny toaka, ny betsabetsa, ny vary, ny famaky, ny antsy, ny kiso, sns... Mba hampilamina ny zavatra rehetra ilaina no anaovana izany ary ny hizaran'ny lanonana an-tsakany sy an-davany. Ny Tangalamena no manendry ny olona hitantana io trano io ka izay olona voatendriny amin'izany no tompon'andraikitra voalohany miantoka ny fiarovana ny « trano masina ». Mandra-pahatapitry ny lanonana dia tsy misolo ary tsy azo soloina io olona io raha tsy ny Tangalamena nanendry azy indray no manolo azy na manendry olon-kafa hisolo azy. Izany no atao dia mbola ho fitandroana ny fahatomombanan'ny « joro vinany » ihany. Araka izany, ny « trano masina » dia tsy natao ho an'ny daholobe fa olona voatokana no mandamina sy mitantana azy. Io olona io ihany no afaka manome lalana ny famoahana ny entana avy ao amin'ny « trano masina » na dia ny fokonolona iray manontolo aza no tompon'ny entana rehetra ao. Hita taratra amin'izany ny fahaiza-mandamin'ny mponina ao amin'ity fokontany Andovoranto ity ka azo ilazana fa efa manana fahaiza-manao sy fahaiza-miatrika lanonan-dehibe tahaka izao izy ireo. Tsy mahagaga raha voalamina sy voarindra ary voapetrapietra tsara tokoa ny andraikity ny tsirairay.

➤ **Ny fanorenana ny toerana iantsoana ireo hery tsy hita**

Ireo hery tsy hita ireo no antsoina satria izy ireo indrindra no mitahy ny velona ka hanokatra ny vinany. Noho izany dia asain'ny velona izy ireo mba hiarahisakafo aminy ho mariky ny fifandraisana sy ny fitohizan'ny fihavanana indray. Ny vinany mikatona na koa hoe mihidy, ho an'ny mponina ao amin'ny fokontany Andovoranto, dia tandindon'ny fahatapahan'ny fifandraisana teo amin'ireo hery tsy hita any an-koatra sy ny velona. Ny fiaraha-misakafo ataon'ny roa tonta no porofo mivaingana amin'izany fitohizana sy filaminan'ny fifandraisana izany indray. Araka izany dia manamboatra fisokina ny velona mba ahafahana miantso sy miara-misakafo amin'ireo hery tsy hita ireo.


Ankehitriny, tsy manangana fisokina vaovao intsony ny mponina ao Andovoranto rehefa hanao “joro vinany” fa efa misy hazo maniry voahasina natao fisokina eo akaikin’ny vinany ka eo no anantonana ny lohana omby.

Zavatra tena manan-kasina any amin’iny faritra Atsinanan’i Madagasikara iny, amin’ny ankapobeny, ny fisokina, indrindra ao amin’ity fiarahamonina Andovoranto ity, satria toerana ihaonana amin’ny Zanahary sy ny razana. Noho izany, rehefa manao ny “joro vinany” ny fokonolona ao amin’ny fokontany Andovoranto dia tsy manorina fisokina intsony. Eo amin’io toerana io no iantsoana ireo hery tsy hita sy heverina fa hiavin’izy ireo. Io fisokina io no hanantonana ny lohan’omby rehetra atao sorona amin’ny fotoanan’ny “joro vinany”. Ny omby vonoina amin’io, omby fotsy loha na omby mena, dia atolotra ny Zanahary sy ny razana ka apariaka any andranomasina ny rany mba hakan’ireo hery tsy hita ny anjarany sahady sy ho fanajana azy ireo, satria fahendrena malagasy manerana ny nosy ny « tsy mitsako alohan’ny vazana ». Rehefa voafaokan’ny ranomasina ny ran’ireo omby novonoina dia tandindon’ny Zanahary sy ny razana maka ny anjarany izay efa natolotra azy raha teo izany ary heverina fa noraisin’ny Zanahary sy ny razana ny sorona natolotra azy.

Alohan’ny hanasinana ny fisokina anefa dia tsy maintsy miera sy mangataka alalana amin’ny Zanahary sy ny razana ny Tangalamena satria manan-kasina io fisokina io. Mba hahafeno sy hampitombo izany hasina izany dia tsy maintsy mangata-tso-drano amin’ny Zanahary sy ny razana aloha ny Tangalamena. Heverina fa masina manko ny tso-drano avy amin’izy ireo ka antoka iray hahatomombana ny joro vinany kasaina hatao. Tsy ny Zanahary sy ny razana ihany anefa no angatahana alalana sy tso-drano fa eo koa ny vahoaka. Heverin’ny Tangalamena araka izany fa tena ilaina ihany koa ny tso-drano avy amin’ireo olona manatrika satria manampy amin’ny fanatontosana ny zavatra atao izany.

Rehefa tontosa an-tsakany sy an-davany avokoa ny fanomanana rehetra (trano mitso, trano masina, trano lapa, fisokina) dia tsy azo foanana olona intsony ny toerana anaovana ny joro vinany fa tsy maintsy ametrhana olona foana. Olona voatondro manokana tendren’ny Tangalamena no miambina izany toerana izany mandritra ny lanonana manontolo.

Sary : 10



Hazo maniry no nohamasinina ho lasa fisokina amin'ny joro vinany.

Naka ny sary : Ny Mpikaroka

➤ **Ny maka omby**

Satria tsy raharahan'olon-tokana ny “joro vinany” resahina eto fa raharaham-pokonolona mihitsy dia tsy maintsy mihoatra ny roa ny omby vonoina, arakaraka ny fahafaha-mividin'ny fokonolona. Tsy maintsy omby voafantina tsara koa anefa no vonoina amin'izany ho fanomezam-boninahitra sy fanajana ny Zanahary sy ny razana. Omby lahy fotsy loha na omby lahy mena no vonoina amin'izany mba ho mariky ny fahambonian'ireo tolорana. Tsy maintsy omby matanjaka sy tsy misy kilema ihany koa mba hahatomombana sy tsy hahasampona ny lanonana, tsy bory tandroka, tsy bory rambo, tsy poa-maso, tsy mandringa, sns.

Tovolahy matanjaka, vory nofo, heverina ihany koa fa madio amin'ny lafiny rehetra, fanahy, saina, vatana, no maka sy mitondra ny omby ho vonoina eo amin'ny toerana anaovana ny “joro vinany”. Ireo tovolahy mitondra ny omby ireo dia mihosika miaraka amin'ny mpihosika, miainga any amin'ny toerana akana ny omby ka hatrany amin'ny toerana anatanterahana ny lanonana.

Azo lazaina fa dingana lehibe iray miantoka ny fahavitan'ny “joro vinany” no tanteraka eto ka tolорana fisaorana ireo tovolahy nahatontosa izany. Misy toaka sy rôma avoakan'ny Tangalamena ho fankasitrahana ireo tanora ireo. Ny fahatongavan'ny omby eo amin'ny toerana anatanterahana ny “joro vinany” dia midika sahady ho firosoan'ny mponina ka efa hahatsapan'ny Zanahary sy ny razana ny fahavononan'izy ireo hanatanteraka ny “joro vinany”.

**2.3.1.4. Ny famaranana ny lanonana**

➤ **Ny fafa lapa**

Ny fafa lapa dia ny famaranana ny lanonana izay midika ho fivitranan'ny fifandraisan'ny velona sy ny razana ary Zanahary indray. Rehefa tafakatra soa amantsara eny amin'ny fisokina ny lohan'omby dia efa tapitra izay ny vontootin'ny fanatanterahana ny “joro vinany” ary heverina fa efa niverina any amin'ny toerany ny Zanahary sy ny razana satria efa nahazo ny anjarany izy ireo.

Hatreto dia manomboka indray ny fisarahan-toeran'ny velona sy ny razana. Mialoha ny tena hisarahan'ny fokonolona anefa amin'io takariva io, dia avoka avokoa izay ambin-toaka sy rôma ary zava-pisotro hafa sisa tavela mba iarahana misotro. Tsy misy azo entina mody mantsy ireo zava-pisotro rehetra efa nentina ho laniana amin'ny “joro vinany” fa tsy maintsy laniana satria efa voatokana iarahana mihinana amin'ny razana afa tsy ny hena ihany.

Heverin'ny mponina ao Andovoranto fa tsy hahasalama ary tena mamparofy tokoa ny fitondrana ireo ambin-tsakafo ireo any an-tanàna, afa tsy ny hena, fa mety hanaraka any indray ny razana ka tsy hahasoa ny velona indray izany.

Tsy zaraina fe zaraina fotsiny anefa izany fa tsy maintsy milaza ny antony izarana sy amoahana izany ny Tangalamena. Eo koa no fotoana isaorana sy ankasitran'ny Tangalamena ny fokonolona tonga nanatrika sy ireo olona nasaina manokana izay nanome voninahitra ny lanonana, indrindra ireo izay nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka rehetra dia ireo izay nanao raharaha (ny mpanangana ny trano mitso, ny mpanangana ny trano masina, ny mpaka omby, ny mpanangana fisokina, sns...) Isaorana ireo vahiny nasaina noho ny fahafoizany fotoana ka namonjeny ny lanonana manontolo. Tolorana fankasitrahana ny fokonolona rehetra nahavita ireo adidy sy ny andraikitra nampandraiketina azy ireo tsiairay avy. Hamafisina amin'izany fisaorana ataon'ny Tangalamena izany fa tena « ny firaisankina tokoa no hery ». Ambaran'ny Tangalamena zokiolona ampahibemaso avy eo fa mifarana ny lanonana.

### **2.3.2. Ireo dingana fampitambarana ny tontolon'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso**

Mampametra-panontanianana ny olombelona maro matetika ny antony mahatonga ny zava-saro-pantarina eo amin'ny fiainany, toy ity fikatonan'ny vinany eto Andovoranto ity. Ny mikatona moa eto, araka ny voalaza tany aloha, dia tsy hoe tsy azo ifamezivezena fa tsy manome laoka na trondro kanefa io no foto-piveloman'ny mponina ao Andovoranto sy ny manodidina.

Misy ireo trangan-javatra hita maso, azo saintsainina ny mety ho fiaviany sy ny antony mampisy azy, nefa tsy azo lavina ihany koa ny fisian'ny toe-javatra tsy ahitana fiandohany ary tsy takatry ny saina vinavinaina ny mety ho antony, tsy misy porofo mazava sy mivaingana. Isan'ireny toe-javatra manahirana ny vahoaka sy ny mponina ao Andovoranto ireny ity antsoina hoe « fikatonan'ny vinany » ity.

Na toa inona na toa inona ny ezaka ataon'ny mpanarato, na mandeha manarato vao mangiran-dratsy, na miharitra ela be eny anivon'ny ranomasimbe Indianina eny aza, rehefa tsy hanome laoka ny ranomasina dia zava-poana avokoa izay ezaka rehetra atao. Izany no nahatonga ny mponina ao Andovoranto sy ny manodidina hino fa hery hafa ivelan'izao hita maso izao no mahatonga ny fikatonan'ity vinany ity. Araka izany, raha avy amin'ny hery tsy hita maso no mahatonga izany dia tsy maintsy ireo hery tsy hita maso ireo ihany no afaka mamaha izany olana izany. Izay no nahatonga ireto mponina eto Andovoranto ireto hiantso ny hery tsy hita mba hamaha

ny olana sy hitahy azy ireo. Izany hoe, hisy ny fotoana ihaonana sy itambaran'ny velona sy ny maty mba ho tontolo iray tsy mivaky iarahan'ny velona sy ny razana.

Ho hitantsika manaraka eto, araka izany, ireo mety ho endrika fampitambarana ny tontolo tsy hita maso sy ny tontolon'ny velona ataon'ny fokonolona eto Andovoranto : ny filazana amin'ny tompon-drano, ny mively aomby sy mandavo aomby.

### **2.3.2.1. Ny filazana amin'ny tompon-drano**

Mialoha ny andro voatondro fa hanatanterahana ny joro vinany dia misy joro tanterahan'ny Tangalmena zokiolona voatendry hitarika ny lanonana. Miantso Tangalamena zokiolona telo hafa izy hiaraka aminy amin'izany satria miisa efata ireo tompon-drano tsy maintsy ierana sy antsoina : Ingahy Sôla, Bitsimihisatra, lambandava, Bilia<sup>21</sup>.

Tsy misy olona manatrika izy ireo amin'izany fa izy ireo ihany no manatanteraka ny joro amin'ny Zanahary sy ny razana. Eo amoron-drano manamorona indrindra ny vinany sady manakaiky ny hazo masina natao fisokina anaovana ny joro vinany no anatanterahana ny filazana sy fampandrenesana ireo tompon-drano ireo. Tahaka izao no endriky ny joro ataon'ireto Tangalamena ireto amin'izany : « *Ao an-dreo Zanahary an-drano e ! Tonga aketo zahey milaza amin-dreo ny amin'ny joro vinany ho tanterahaney. Tsy afaka ny hisodisody fôna zahey raha tsy miera sy milaza amin-dreo mialôhalôha raha hanefa raha izany satria an-dreo no tompon-tanàna aketo, an-dreo no antony ananôvana izao joro izao. Ho avy aketo zahey hijoro vinany mangataka amin-dreo hanokatra ny vinany, hamoaka laoka ho an'ny zanakan-dreo* »<sup>22</sup>.

Efa miseho eto sahady ny fifanatonan'ny tontolo roa samy hafa mifampiraharaha sy hifanasoa. Ampandrenesina mialoha ny tompon-drano sy ny razana satria izy ireo no tena Raiamandreny hamaha ny olana mianjady amin'ny vahoaka sy ny taranany. Taratra amin'ity fifanatonana ara-panahy ity fa tena miankina tanteraka amin'ny hery amam-pahefan'ny razana tokoa ny velona.

---

<sup>21</sup> Araka ny resaka nifanaovanay tamin'Atoa RAJAONISOLO Siméon, lehiben'ny Tangalamena ao Andovoranto, 22 aogositra 2015 tamin'ny 04 ora tolakandro

<sup>22</sup> Fitantarana nataon'i DIMILAHY Alfred, Tangalamena, 21 aogositra 2015 tamin'ny 04 ora tolakandro.



Santatry ny fikambanana ara-panahy eo amin'ny razana sy ny velona ny zava-mitranga eto fa mbola eo ny andro anatanterahana ny joro vinany izay tena isehoan'ny fahafenoan'ny fampitambarana ireo tontolo roa samy hafa ireo.

### **2.3.2.2. Ny « mively aomby »**

Ny andro voalaza fa anatanterahana ny joro vinany no anaovana ny « mively aomby ». Rehefa vory lanona avokoa ny olona nasaina rehetra, dia mandray fitenenana ny filohan'ny Tangalamena izay hitarika ny lanonana. Miarahaba ny olona rehetra tonga manatrika izy amin'izany satria ny fiarahabana no mari-panajana ireo olona nasaina sy fahalalam-pomba voalohany indrindra. Rehefa vita izay dia milaza ny antony hamoriana sy iantsoana ny vahoaka izy ary maneho amin'ny vahoaka mpanatrika ny omby hovonoina. Misy ny rômy sy toaka ary limônady avoaka amin'izany mba ho fanomezan-kasina sy fanomezam-boninahitra ny fokonolona tonga manatrika izay antsoina hoe « vody maritra »<sup>23</sup>.

Aorian'izany dia alain'ny tovolahy matanjaka velon-dray aman-dreny any amin'ny toerana misy azy ny omby ary tolomin'izy ireo mandra-pahatonga azy eo anilan'ilay hazo masina atao fisokina. Misy Tangalamena miaraka amin'ireo tovolahy ireo amin'izany izay mijoro mialoha ny amoahana ny omby. Alavo eo am-bodin'ny hazo masina atao fisokina anatanterahana ny joro vinany io omby io. Ireo vatan-dehilahy matanjaka ireo no mandavo ny omby ka tsy maintsy mitodika miatsinanana ny lohany.

Ny hevitra ny fitolomana ny omby amin'izany dia fanehoana sahady fa mahafolaka ny hery rehetra misy eto an-tany ny hery iarahana amin'ny hery tsy hita maso ka sady reharenan'ny velona no voninahitra ny razana.

Tsy maintsy atodika miatsinanana kosa ny lohan'omby satria avy any no iposahan'ny masoandro izay mitondra hazavana sy fahasoavana hoan'ny manana aina rehetra. Natao hanatrehana ny Zanahary sy angataham-pahasoavana aminy izany. Mitodika miatsinanana tahaka izany koa ny filohan'ny Tangalamena « mively aomby » mba tena hifandray tsara ny mpangataka sy ny angatahana.

---

<sup>23</sup>. Jereo tovana « fanalana vody maritra »

### 2.3.2.3. Ny fiantsoana ireo hery tsy hita

Manomboka eto amin'ity fotoana ity no tena aza ambara fa fototry ny lanonana manontolo satria hiditra amin'ny fiantsoana ny Zanahary sy ny razana ary ny fanolorana ny anjaran'izy ireo amin'izay ny Tangalamena. Tondroin'ny Tangalamena mpijoro amin'ny fitehiny ny omby, io ilay lazaina hoe « mively aomby ». Ny fitehina moa eto dia mari-piandrianana sy fahavelomana sady mari-pitohizan'ny taranaka satria ifandovana sy ifanoloran'ny Tangalamena.

Miantso sady mihiaka mafy ny Tangalamena mitarka ny joro vinany ho filazana fa hanomboka ny lanonana sady ho fampanginana ny vahoaka. Manomboka eto dia samy mifantoka amin'ny fiatrehana ny joro vinany avokoa ny mpanotrona rehetra ka samy mangina avokoa ary manjaka tanteraka ny filaminana amin'izany. Rehefa tena manjaka tanteraka ny fahanginana dia miantso ireo hery tsy hita amin'izay ny Tangalamena zokiolona izay mitarika ny lanonana. Izany fomba izany no atao hoe : « mampanatrika Zanahary ». Midika izany fa manana ny toerana manokana misy azy ny Zanahary ka mendrika hajaina sy omem-boninahitra ary olona voahosotra manokana toy ny Tangalamena ihany no afaka mifandray aminy. Manambara ny fahambonian'ny Zanahary ihany koa ny fanaovana izany fihetsika izany.

Rehefa tafidina ny Zanahary dia miroso amin'ny fiantsoana ireo razana indray ny Tangalamena, tsy azo hadinoina satria tena fototry ny fanaovana ny joro vinany ireo razana « tompon-drano » ireo. Isan'ny mampiavaka ny joro vinany eto amin'ny fokontany Andovoranto ny tsy fiantsoana afa tsy ireo lazaina fa razana « tompon-drano » ireo. Amin'ny maha- « tompon-drano » azy ireo mantsy dia aminy no tena anaovana ny fangatahana rehetra. Antsoina miaraka amin'izy ireo ihany koa ireo miaramilany raha manana izy :

- Inga Sôla, manana ireo « Zazavavy an-drano » ho miaramilany.
- Bitsimihisatra, manana an'i « Bian-drano » izay mpiaro ny sampanan-drano ao amin'ny faritra Andovoranto.
- Iambandava, miaraka amin'ny miaramilany avy any Manaratsandry.<sup>24</sup>

-----

<sup>24</sup>Araka ny fanazavana nataon'Atoa RAJAONISOLO Siméon, lehiben'ny Tangalamena, 22 aogositra 2015 tamin'ny 04 ora tolakandro.

Satria efa nampiomana mialoha moa ireo razana « tompon-drano » ireo dia ny Tangalamena mitarika ny lanonana ihany sisa no miantso azy ireo eto amin'ity fotoana ity. Tononiny tsirairay ireo razana « tompon-drano » ireo ary lazaina eo ny ambangovangon'ny antony iantsoana azy. Tsy miantso razana hafa hanatrika izao lanonana izao ny Tangalamena satria samy manana ny adidy sy ny andraikiny izy ireo ka tsy tsara raha mifanitsaka izany andraikitra izany.

Misy an-tanan-tohatra tsy maintsy arahina amin'ny fiantsoana ny Zanahary sy ny razana. Ny Zanahary no antsoina mialoha satria izy no niandohan'izao zavatra rehetra izao. Ireo razana kosa indray no antsoina avy eo satria ireo no solon-tenan'ny Zanahary manakaiky kokoa ny olombelona. Ireo razana ireo no irahin'ny Zanahary hanatanteraka ny fanirian'ny olombelona.

Toy izao no ataon'ny Tangalamena miantso ny Zanahary :

*« Any an-dreo Zanahary anambo !*

*Tandreneso tarainaney miangavy amindreo.*

*Mitongava an-dreo hanatrika izao joro vinany atao aketo niany izao.*

*Mitongava hanafaka ny jaliney aketo.*

*Indreo manatrika atreha-maso ny rômy, ny betsa, ny lomanady natô iarahantsena misotro.*

*Akao koa ny aomby (tononina ny isany) natô hanajana sy hanomezam-boninahtira andreo sy iarahantsena hômana aketo niany io. »*

Toy izao indray kosa no ataon'ny Tangalamena raha miantso ireo razana « tompon-drano » izy :

*« O ! O ! O ! .... O ! O ! O !*

*Any andreo razana tompon-drano, razananey aketo.*

*Manantso andreo zahey taranakandreo.*

*O ! O ! O ! .... O ! O ! O !*

*Mitongava jiaby andreo tompon-drano jiaby Andovoranto aketo.*

*Mitongava andreo fa mijaly zahey zanakandreo.*

*Andreo tompon-drano jiaby : akao Inga Sôla, Bitsimihisatra, Iambandava ; samy zanahary tompon-drano aketo andreo, samy zanaharin-drano aketo andreo ; tsy misy avakavahana kôza.*

*Mitongava fa tsy mamoka laoka ranontsena aketo ka tonga zahey araka ny efa nampiomana andreo amin'ny fanatanterahana izao joro vinany izao. Foto-*

*pivelomantsena ny laoka, tsy mamoka laoka anefa ny rano aketo ka izany no anantsôvana andreo satria tompon-drano mandidy manapaka amin'izany andreo.*

*Efa akao ny rômy, ny betsa, ny lomanady, indrindra fa ny aomby (tononina ny isany) iarahantsena mizara sy mifaly aketo niany io. »*

Hita sy tsapa eto amin'ity dingana fiantsoana ny razana eto ity fa tena mifanakaiky tokoa ny velona sy ny razana ka afaka miresaka sy mifanampy ary ny velona indrindra indrindra no tena mihanta amin'ny razana mba hitondra fanambinana sy fahombiazana ho azy.

### **Ny fanokafana ny vinany**

Hatreto dia vita sy tanteraka ny fiantsoana ireo hery tsy hita hitahy sy hanokatra ny vinany. Manomboka eto indrindra no tena mampiavaka ny joro vinany eto Andovoranto. Araka ny nambaranay hatrany ny hoe : vinany mikatona na mihidy ao Andovoranto dia tsy vinany rakotra fasika ka tsy afaka mihaona ny ranomamy sy ny ranomasina fa ny trondro sy ny vily avy ao amin'ny ranomasina no tsy mivoaka. Manamafy izany ny voalazan'i DIMILAHY Alfred fa : « *ny ranomasina mihitsy no tsy mamoka laoka ho an'ny taranaka ka mahatonga ny fikatoan'ny toe-karen'ny faritra iray manontolo.* »<sup>25</sup>

Idiran'ny Tangalamena mpitarika amin'izay eto ny tena vontootin-draharaha. Rehefa voazavany amin'ny ankapobeny ny antony iantsoana ny Zanahary, ny razana, ny fokonolona sy ny vahoaka iray manontolo dia miroso amin'ny famonoana omby.

Rehefa maty ny omby dia apariaka any an-dranomasina ny rany mba ho fanomezana-kasina sy haja ary koa fanomezana sahady ny anjaran' ny Zanahary sy ny razana. Aorian'izay rehefa noheverina fa efa nahazo ny anjarany ireo hery tsy hita maso dia miroso amin'ny fizarana ny hena entina mody amin'izay ny Tangalamena sy ny vavanjaka ary ny sefo « parcelle ».

Marihina fa tsy andrahoina ny sakafo eto fa zaraina amin'ny mpanotrona rehetra na tompon'andraiki-panjakana izany na tompon'andraikitra amin'ny fitondrana aradrazana, saingy rehefa mahazo ny anjara henany sy aorian'ny fampakarana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina izay vao zaraina ny anjaran'ny velona.

---

<sup>25</sup> DIMILAHY Alfred, Tangalamena, 21 aogositra 2015, tamin'ny 04 ora tolakandro.

#### 2.3.2.4. Ny fampakarana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina

Rehefa voatsinjara isaka ny « parcelle » ny henan'omby, saingy mbola tsy zaraina, dia miroso amin'ny fampakarana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina. Tovolahy matanjaka velon-dray aman-dreny mitovy isa amin'ny isan'ny omby novonoina, ankoatran'ireo nampakatra omby, voafidin'ireo « parcelle » nanolotra omby no mitondra ny lohan'omby entina hakarina eo amin'ny fisokina. Misodika mihodidina ny fisokina im-pito izy ireo ary mitondra ireo lohan'omby eo ambony lohany. Manao toy ny endrika omby mihitsy izy ireo amin'izany. Antsoina hoe lohan'omby ireto ampakarina eo amin'ny fisokina ireto fa ny tena izy dia ny tandroky ny omby sy ny handriny sisa ireto lanjaina ireto. Lavahana eo amin'ny tampon-kandrin'ilay lohan'omby mba ahafahana manatsofoka hazo hanatonana azy eo amin'ny fisokina. Manamafy izany i J.DEVIC raha milaza ny toetoetry ny lohan'omby atao eo amin'ny fisokina : « *Ny lohan'omby voatapaka dia efa afaka avokoa ny atidohany sy ny taova rehetra tao anatiny, na ny nofony... Nokapaina tamin'ny famaky ny lohany avy eo amin'ny lavak'orony, ny valanorany efa miala, ny ilan'ny mokondohany nanalana : vonona ny lohan'omby. Atsofoka eo amin'ny loha maranitra ny fisokina ny eo afovoan'ny tampon-kandriny, mitodika any amin'ny lanitra ilay faritra milempona...* »<sup>26</sup>

Misy hira atao amin'izany, antsoina hoe « hosika », mandritra ny fampakarana ilay lohan'omby eo amin'ny fisokina. Satria moa atao avo fiterona ny lohan'omby dia tsy maintsy misy tovolahy matanjaka velon-dray aman-dreny hafa manandratra amin'ny sorony ny tovolahy hametraka ny lohan'omby eo amin'ny fisokina. Ny fisian'ny olona roa misahirana mametaka ny lohan'omby eo amin'ny fisokina dia manambara ny maha-ambony sy manan-kasina ny Zanahary sy ny razana, toerana tsy takatry ny olombelona. Rehefa tafapetraka soa aman-tsara ny lohan'omby dia omena toaka ilay tovolahy nametaka azy ka afafiny ambony mba samy hahazo avokoa ny Zanahary sy ny razana, avy eo dia afafiny manodidna mba samy hahazo ny anjarany koa ny vahoaka ary amin'ny farany vao isotroany.

---

<sup>26</sup>DEVIC (J), « La tête tranchée du bœuf est vidée de sa cervelle, dépouillée de ses organes, de sa chair...Le crâne est sectionné à la hache à la hauteur environ des fosses nasales, les mâchoires enlevées, la partie occipitale, retranchée : le bucrâne est prêt. Il est aussi empalé par le milieu de l'os frontal sur l'une des pointes du Fisokina, la concavité tournée vers le ciel... »

Ahantona amin'ny fisokina ny lohan'omby mba ho marika fa nahavita sorona ny velona ho famitrana indray ny fifandraisana amin'ny Zanahary sy ny razana, ho fanandratana azy ireo ary indrindra ho famerenana ny hasin'ny rano sy ny ranomasina izay antony nanaovana izao joro vinany izao.

Ny fampakarana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina no mamarana tanteraka ny lanonana fampifandraisana ny tontolon'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso ary famaranana ihany koa ny joro vinany.

Aseho manaraka eto ny sarin'ny fisokina misy lohan'omby.

## **2.4. IREO SINGA MIFANDRAY AMIN'NY JORO VINANY**

Amin'ny maha-asa fikarohana ny asanay dia ezahanay ny manazava misimisy kokoa momba ny fanatontosana ity joro vinany ao Andovoranto ity. Izany no mahatonga anay hiresaka ireo singa mifandray amin'ity joro vinany ity ka hanazavanay amin'ny antsipiriany ireo singa rehetra ireo. Hofanampin'izay efa voalaza tao amin'ny fizotry ny joro vinany dia hotanisinay mifanesy eto ireo mpandra anjara rehetra, ireo fitaovana ampiasaina ary ireo hery tsy hita izay antsoina mandritra ny joro vinany.

### **2.4.1. Ireo mpandray anjara amin'ny joro vinany**

Ny fokonolona iray manontolo no tompon'ny joro vinany, noho izany dia tompon'andraikitra amin'ny fahatomombanany ireo hery velona rehetra ao anatin'ny fokontany Andovoranto. Samy manana ny anjara toerany sy ny andraikitra tazoniny avy noho izany ny tsirairay mba hahatontosa an-tsakany sy an-davany ity joro vinany ity dia ireo ao anatin'ny tontolo tsy hita maso izay ahitana ny Zanahary sy ny razana ary ireo ao anatin'ny tontolon'ny velona dia ny Tangalamena, ny vavanjaka, ny raiamandreny ary ny olon-tsotra.

#### **2.4.1.1. Ireo ao anatin'ny tontolo tsy hita maso**

##### **a- Zanahary**

Zanahary no lohalaharana eo amin'ny fifampitondrana. Toy izao no voalazan'i P. Adolphe RAZAFINTSALAMA momba azy io : « *Sokajin-teny roa no fampiasa enti-manondro ny mpahary, dia Andriamanitra ary Andriananahary na Zanahary. Ny aty imerina no tena mampiasa ny teny hoe Andriamanitra fa Zanahary kosa no mahazatra ny any anindrana.* »<sup>27</sup>

---

<sup>27</sup> P. Adolphe RAZAFINTSALAMA, SJ, Tari-dalana enti-manadihady ny finoana sy ny Fomba malagasy, tak. 68

Izy io dia mpahary sy mpamorona ary tompon'ny fahefana sy mpandahatra ka omena haja sy voninahitra ary apetraka ho fara-tampony ao anatin'ny fiaraha-monina.

### **b- Ny razana**

Ny razana no manarakaraka ny Zanahary, mpitahy ny velona ary mpanelanelana azy ireo amin'ny Zanahary. Amin'ny ankapobeny, izay rehetra efa maty no antsoin'ny Malagasy hoe razana ; ka anaterany voninkazo isaky ny fetin'ny maty. Ny razana dia inoana any amin'ny faritra sasany, toy ny ao Andovoranto, fa tena afaka manampy sy mitahy tanteraka ny velona.

#### **2.4.1.2. Ireo ao anatin'ny tontolon'ny velona**

Azo sokajiana telo ireo olona antsoina ho raiamandreny amin'ity joro vinany ao Andovoranto ity : ny raiamandreny ara-pinoana, ny raiamandreny ara-panjakana ary ny raiamandreny noho izy efa voky taona. Samy tolорana ny haja amamboninahitra sahaza azy avy izy ireo amin'izany.

##### **a- Ireo raiamandreny ara-pinoana**

Raha ny fiarahamonina ao Andovoranto no resahina dia isan'ny mitana anjara toerana goavana ny finoana. Raha vao miresaka finoana dia mby ao an-tsaina avy hatrany ny finoana nentim-paharazana sy ny finoana kristianina. Ireo no sokajiana ao anatin'ny raiamandreny ara-pinoana :

##### **➤ Ny Tangalamena**

Ny Tangalamena no ambony indrindra ao amin'ny tontolon'ny velona. Izy no voafidin'ny fianakaviana isaky ny vakim-paritra na « parcelle » mba ho mpitari-draharaha, mpanolo-tsaina ary mpandamina ny disadisa eo amin'ny fiaraha-monina rehefa tsy voavahan'ireo raiamandreny zokiolona efa voky taona. Izy no to teny indrindra eo amin'ny fiaraha-monina misy azy.

Eo amin'ny raharaha-pokonolona tahaka ny joro vinany dia ny Tangalamena no mitarika ny raharaha amin'ny maha-olona miavaka eo amin'ny toetra amampisainana ary koa fanahy eo anivon'ny fiaraha-monina. Tsy maintsy olona manana tombony manokana eo amin'ny fomba fiainana sy fisainana ny Tangalamena : Kinga, manintona, mahay manentana mihoatra ny rehetra, manam-pahalalana amampahendrena ary olona tena mahafantatra tsara ny tantaran'ny tanàna sy ny tantaran'ny razana. Ankoatra izay dia olona tena mahay mitondra olona sy mitondra

vahoaka. Andraikitry ny Tangalamena ny manao ny « rasavolana » isaky ny misy toaka sy betsaka mivoaka ho an'ny mpanatrika.

Mbola ny Tangalamena ihany koa no miantso ny Zanahary sy ny razana satria izy no mpanelanelana ny velona amin'ireo hery tsy hita ireo. Efa manana izay talentany manokana amin'ny fandaharan-teny izy ka tsy manano sarotra amin'ny fiantsoana ny Zanahary sy ny razana.

➤ Ny vavanjaka

Ny vavanjaka dia olom-boafidy ihany koa, saingy araka izany anarany izany dia izy no mpizaka na mpikabary sy mpitondra teny eo anivon'ny fiaraha-monina amin'ny sehatra ilana azy.

Noho izany, tsy maintsy olona tsara fitondran-tena sy masin-teny eo amin'ny fiaraha-monina ny tangalamena sy ny vavanjaka.

➤ Ny solontenan'ny fiangonana sy/na mpitondra fivavahana

Amin'ny ankapobeny, tsy misy mpitondra fivavahana ao Andovoranto fa solom-pitandrina na katekista no mitarika amin'ireo antsoina hoe fiangonana zokiny ; ireo lazaina fa fiangonana zandriny kosa dia ahitana mpitandrina ihany ny sasantsasany. Raha eo amin'ny fiaraha-monina iray manontolo dia tsy to teny mihoatra ny Tangalamena sy ny vavanjaka ireo mpitondra fivavahana ireo, eo amin'ireo antsoina hoe vahoakan'Andriamanitra kosa dia to tey ihany izy ireo. Ireo mpitandrina avy amin'ireo lazaina ho fiangonana zandriny dia tsy manatrika joro vinany, ireo solom-pitandrina kosa dia misy manatrika sy manotrana ihany.

**b- Ireo raiamandreny ara-panjakana**

Amin'ny maharenivohitry ny kaominina an'Andovoranto dia ny Ben'ny tanàna no mitarika ireo raiamandreny ara-panjakana rehetra. Manotrana azy amin'izany ireo lefiny, ireo mpiara-miasa aminy rehetra eo anivon'ny kaominina ; ao koa ny sefom-pokontany, ireo « quartier mobile » ary ny « chef parcelle ».

Isan'ny voasokajy ho raiamandreny ara-panjakana koa ireo mpiasam-panjakana rehetra eo anivon'ny kaominina toy ny zandary, ny mpitsabo ary ny mpampianatra.

**d- Ireo raiamandreny efa voky taona**

Ireo olon-dehibe mihoatra ny 70 taona ka manana fitondran-tena mendrika dia raisin'ny olona ho raiamandreny avokoa ka sady to teny no hajain'ny olona eo anivon'ny fiaraha-monina. Izy ireo dia sady tsy Tangalamena no tsy vavanjaka kanefa dia omen'ny olona haja ihany koa ka antsoiny rehefa misy disadisa na olana mitranga



eo amin'ny fiaraha-monina. Tsy mifanitsaka ny andraikitra satria rehefa tsy voavahan'ireto raiamandreny ireto ny olana izay vao manatona ny Tangalamena.

### **e- Ireo tovolahy velon-dray aman-dreny**

Isan'ny tena mandray anjara feno sy tanteraka amin'ny fanatontosana ny joro vinany ireo tovolahy velon-dray aman-dreny, manomboka any amin'ny fanomanana ny toerana anaovana ny joro vinany ka hatrany amin'ny famaranana dia ny fanantonana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina izany.

Ankinina amin'ireo tovolahy velon-dray aman-dreny izay rehetra heverina fa zava-dehibe amin'ny fanatanterahana ny joro vinany. Ankoatra ny mahatovolahy matanjaka ara-batana azy ireo dia eo koa ny fahatanorany izay heverina ho fahadiovany ara-tsaina sy ara-panahy, mboa ao anatin'ny fahafenoana tanteraka satria mbola eo avokoa ny ray sy ny reny. Heverina fa madio sy tsy misy tsiny ny olona toy izany eo anatrehan'ny Zanahary sy ny razana ka afaka mifampikasoka sy mifapiresaka aminy mivantana. Satria raharaha miankina amin'ny fahamasinana ny joro vinany dia izany no ilana ireto velon-dray aman-dreny izay manana izany fahamasinana izany ihany koa. Izy no miantoka ny fanamboarana ny trano mitso sy ny trano masina, maka ny omby ho vonoina, manomana ny fisokina, manapaka ny tendan'ny omby, manapariaka ny ran'ny omby novonoina eo amin'ny vinany, mampakatra ny lohan'omby novonoina eo amin'ny fisokina. Toa manamafy izany ny voalazan'i R.W.E. COUSINS manao hoe : « *Ny velondraiamandreny dia foko natokana ho mpisantatra sy mpikarakara ny zavatra maro mikasika ny Andriamanjaka.* »

Amin'ny ankapobeny, ny olona velon-dray aman-dreny dia mbola zaza na tanora mbola ao anatin'ny fisandratana, mivelatra ara-panahy sy ara-tsaina ary ara-batana, ka ny fifandraisan'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso izay vao nivitrana dia irina mba hitohy sy haharitra amin'ny alalan'ny fandraisana anjara mavitrika ataon'ireto velon-dray aman-dreny ireto.

### **f- Ny mpihosika**

Ny mpihosika dia vondrona na fikambanam-behivavy natao hihira amin'ny fotoana fanaovan-danonana tahaka ny tsaboraha sy ny joro vinany. Tsy olon-kafa ivelan'ny fokontany izy ireo fa tompon-tanàna ihany ary manatanteraka ny hosika antsitra-po, izany hoe tsy misy karama raisin'izy ireo fa ny Tangalamena sy ny solontenan'ireo ray aman-dreny kosa no manome azy ireo fisaorana noho ny fandraisany anjara. Olona ingain'ny talenta ireo vehivavy mpihosika ireo no nikambana ka rehefa

tonga ny fotoana ilan'ny fiaraha-monina azy ireo dia mivondrona sy manatanteraka izany izy ireo.

Mandritra ny fakana omby sy fampakarana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina no anehoan'ny mpihosika ny talentany. Ny mpihosika ihany no misafidy izay hira hohirainy. Malalaka ny safidin'ny mpihosika eto, afaka manao izay hira tiany izy ireo kanefa ny tena mibahan-toerna dia ireo hira mifandraika amin'ny lanonana tanterahana. Azo lazaina fa mpanafana lanonana koa ireto vehivavy mpihosika ireto.

### **g- Ny mpanotrona**

Ny mpanotrona dia ireo olona rehetra tonga nanatrika ny joro vinany, ny fokonolona rehetra, ireo vahiny nasaina, na lehilahy na vehivavy na kely na lehibe. Izany hoe, ny olona rehetra tonga manatrika ny joro vinany ankoatra ireo Tangalamena, ireo velon-dray aman-dreny ary ireo vehivavy mpihosika dia mpanotrona avokoa.

Ankoatra ny fandraisan'anjara nataon'ny fokonolona mpanotrona tamin'ny fandanianana ara-bola ho fanomanana ny lanonana sy ny asa fandaminana rehetra, dia vavolombelona manatri-maso mivantana ny asa rehetra sy ny fombafomba atao amin'io vanim-potoana io ny mpanotrona. Amin'ny mahalanonam-pokonolona ny joro vinany da sady mpanatanteraka izy ireo no vavolombelon'ny fombafomba rehetra.

#### **2.4.2. Ireo fitaovana ampiasaina amin'ny joro vinany**

Ireto avy ary ireo fitaovana ampiasaina amin'ny fanatanterahana ny joro vinany ao Andovoranto. Ny antony itanisana ireo fitaovana ireo moa dia ny mba hampazava hatrany ny fombafomba atao amin'ity lanonana ity. Ankoatra ireo fitaovana ampiasaina amin'ny famonoana sy fandrahana ary fitetehana ny omby dia ireto avy ireo fitaovana ampiasaina anatontosana ny joro.

##### **2.4.2.1. Ny omby**

Ny omby no azo lazaina fa fitaovana faratampony amin'ny fanatanterahana fombafomba tahaka ny joro vinany. Izy no fitaovana sarobidy indrindra ary mazàna iraisan'ny singan-drimba rehetra eto Madagasikara ny fampiasana azy. Araka ny

nambaran'ny lehiben'ny Tangalamena : « *Tsy latsaky ny telo ny aomby vonoina rehefa manatanteraka joro vinany ny fokonolona Andovoranto.* »<sup>28</sup>

Araka ny voalazanay tany aloha dia ahitana « parcelle » enina ao amin'ny fokontany Andovoranto. Izany hoe, « parcelle » roa no mitambatra miantoka omby iray, izany no ilazana fa tsy latsaky ny telo ny omby vonoina amin'ny joro vinany ao Andovoranto. Mety ho efatra na dimy izany raha toa ka misy olon-tsotra manolotra, matetika dia ny zanaka am-pielezana no afaka manolotra omby manokana toy izany.

#### **2.4.2.2. Ny toaka**

Isan'ny fitaovana tsy maintsy ilaina amin'ny fanatanterahana singan-driba malagasy iray ny toaka. Raha joro vinany no resahina, manana anjara toerana betsaka amin'ny fanatontosana izany ny toaka. Isaky ny misy dingana iray na asa ho tanterahana mahakasika ny “joro vinany” dia tsy maintsy ahitana toaka avokoa. Manomboka any amin'ny fifanatonan'ny mpanarato, ny fifampidinihan'ny loham-pianakaviana sy Tangalamena, ny fifampidinihan'ny samy Tangalamena, ny fiantsoan'ny Tangalamena ny olom-peheziny, ny fanorenana ny trano mitso sy ny trano masina, ny fanorenana ny trano iantsoana ireo hery tsy hita, ny maka omby, ny filazana amin'ny tompon-drano, ny mively aomby, ny fiantsoana ireo hery tsy hita, ny fampakarana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina ary amin'ny fafa lapa. Ireo rehetra ireo dia samy ampiasana toaka avokoa. Ireo mpandray anjara rehetra amin'ireo dingana rehetra ireo, araka izany, dia misotro avokoa. Marihina fa misy karazany telo ny toaka resahana eto : eo ny « mavo ranony » na ny betsa, ny « rhum » vita vazaha, fa eo koa ny toaka lafo vidy na « whisky » araka ny fahefa-mividy.

#### **2.4.2.3. Ny vary**

Isan'ny zavatra ilaina amin'ny fanatanterahana Joro vinany ny vary. Tsy afamisaraka amin'ny fiainan'ny Malagasy mantsy izy io satria tena foto-tsakafo. Na tsy misy sakafo masaka ho zaraina aza eto dia ilaina ny vary izay zaraina isaka ny faritra ka ny Tangalamena sy ny vavanjaka ary ny ray aman-dreny zokiolona no tolорana azy.

---

<sup>28</sup>Araka ny fitantarana nataon'Atoa RAJAONISOLO Siméon, lehiben'ny Tangalamena, 22 aogositra tamin'ny 04 ora tolakandro.

#### **2.4.2.4. Ny tantely**

Amin'ny andro anatontosana ny fiantsoana ireo Zanahary, razana sy ireo tompon-drano, izany hoe, iray andro mialoha ny lanonana dia mampiasa tantely ny Tangalamena. Mijoro manoloana ny hazo masina misy ny fisokina ireo Tangalamena efatra mirahalahy tarihin'ny Tangalamena zokiolona hitarika ny joro vinany. Eny amin'ny, ao amin'ny « parcelle V » no anatanterahana izany. Ankoatra ny tantely dia mitondra vola madinika sy betsaka ihany koa ireo Tangalamena ireo. Ny andro anatanterahana ny "joro vinany" dia mbola mampiasa tantely ny Tangalamena izay apetrany eo anoloan'ny fisokina anantonana ny lohan'omby.

#### **2.4.2.5. Ny vola vy**

Isaky ny misy joro ka miantso razana ny Tangalamena dia mampiasa vola hatrany izy ireo ho fanatitra. Ireo karazam-bola vy rehetra bola misy sy fampiasa dia ampiasaina avokoa. Izany hoe, manomboka amin'ny ariary iray ka hatramin'ny ariary dimampolo. Amin'ny fotoana ilazana sy ampandrenesana ny tompon-drano ary amin'ny fotoanan'ny "joro vinany" mihitsy no ampiasana ireto vola vy isan-karazany ireto izay samy atsipy any anaty rano avokoa.

#### **2.4.3. Ireo hery avy amin'ny tontolo tsy hita maso antsoina mandritra ny "joro vinany"**

Isan'ny firenena mino ny fisian'ny hery avy amin'ny tontolo tsy hita maso ny Malagasy, ao anatin'izany ny mponina sy ny fokonolona ao amin'ny fokontany Andovoranto.

Mitana anjara toerana goavana eo amin'ny fomba fisainana sy fomba amampanao eo anivon'ny fiaraha-monina ao amin'ny fokontany Andovoranto izany finoana izany. Hita taratra izany rehefa misy lanonana karakaraina ka iantsoana hatrany ireo hery tsy hita ireo mialoha ny zavatra rehetra. Maro ireo hery tsy hita ireo, samy araka ny fahefany avy ary asesany araka izay heverina ho fahamboniny ny fiantsoana azy : Zanahary no antsoina voalohany indrindra satria izy no heverina fa nahary izao rehetra izao, manaraka azy ny razana araka ny andraikiny avy satria izy no heverina ho mpanelanelana ny velona amin-janahary.

#### 2.4.3.1. Ny Zanahary

Rehafa misy lanonana atao, na mangata-pitahiana na misaotra na mifona, araka ny toe-javatra, dia tsy maintsy ny Zanahary hatrany no antsoin'ny mpijoro voalohany indrindra ao amin'ny fokontany Andovoranto.

Nanamafy izany i ESTRADE raha nanambara fa « *Ny anaran'Andriamanitra Andriananahary, Andriamanitra mpahary no antsoina voalohany rehefa misy fombafomba ara-pivavahana tanterahana ary anisan'izany koa ny (joro vinany).* »<sup>29</sup>

Araka ny finoan'ny mponina ao amin'ny fokontany Andovoranto izay tena mandala ny fanatanterahana joro dia ny Zanahary no niavian'izao rehetra izao. Araka izany, na finoana nentim-paharazana na finoana kristiana dia samy mino sy manaiky fa Andriamanitra Andriananahary no niavian'izao rehetra izao. Ny mampiavaka ny finoana nentim-paharazana dia ny finoany ny fisian'ny zanahary lahy sy zanahary vavy. Hita izany amin'ny fiantsoany azy ireo ka ilazany hoe :

*« Any andreo Zanahary,*

*Zanahary anambo,*

*Zanahary lahy, Zanahary vavy,*

*Zanahary mizaha ambonin'ny tany,*

*Mahita raha jiaby aminay ety.*

*Manantso andreo zahey, antony anantsôvana : tsy raha marobe*

*Mitongava andreo hanafaka jalinay taranaka andreo (. . . ) »*

Mifanao an-tanan-tohatra ny toerana misy ny Zanahary sy ny velona, ny tontolo misy ny Zanahary no ambony raha oharina amin'ny tontolo misy ny velona. Heverina ary inoana fa any amin'ny toerana avo no misy ny Zanahary ka izany no iantsoana azy mba hidina hijery ny olona ety ambonin'ny tany.

---

<sup>29</sup>ESTRADE (J.M.), Une culte de possession à Madagascar, le TROMBA, Edition Anthropos, 12 Avenue du Maine, Paris, 1976, p. 73 « Le nom de Andriamanitra Andriananahary, Seigneur Créateur revient certes au début de toutes les cérémonies religieuses y compris les séances du (joro vinany). »

Saika ny Malagasy rehetra manerana ny nosy no mino ny fisian'ny Zanahary fa tsy ny mponina ao Andovoranto irery akory. Manamarina izany ny voalazan'i TONGASOLO P. raha milaza ny finoan'ny Tsimihety ny Zanahary izy, hoy indrindra izy milaza izany : « *Manana ny finoana velona ny Tsimihety fa misy tokoa ny Zanahary ary izy io no nahary ny zavatra rehetra na ny hita maso na ny tsy hita maso. Izy koa no mpitsara mankasitraka ny tsara atao ary mamaly ratsy amin'izay manao ratsy.* »<sup>30</sup>

Ny tena antony iantsoan'ny Tangalamena ny Zanahary amin'ny joro vinany izay tanterahina eto dia ny hamaha ny olana misy eo anivon'ny fokonolona iray manontolo izay tarihiny. Ny Zanahary no itokisana hahavaha ny olana mianjady, hitondra fiovana sy fiainana vaovao tsaratsara kokoa. Amin'ny joro vinany eto Andovoranto dia ny Zanahary no antsoina haneho ny heriny sy ny fahefany hanokatra ny vinany.

Mangata-pitahiana amin'ny Zanahary ny fokonolona ao Andovoranto mba hanokatra ny vinany indray ka hampandroso ny toe-karen'ny faritra amin'ny alalan'ny jono. Izany no tena vontootin'ny fanatanterahana ny joro vinany amin'ity fotoana ity. Manamafy izany anjara asa andrasan'ny velona amin'ny Zanahary izany RAHAJARIZAFY raha milaza fa : « *Izany dia izany no nivavahan'ny Malagasy tamin'Andriamanitra : nangata-pitahiana taminy izy, satria tsy hitany izay hitokiana ety. (. . .) Dia izany no fivavahan'ny razana tamin' Andriamanitra. Izany dia izany : fitalahoan'ny fanahy ory mila fitahiana amin'ilay tompon'izao rehetra izao, fianteheran'ny fanahy mitebiteby mila toky amin'ilay Mpamaly ny soa sy ny ratsy.* »<sup>31</sup>

Zanahary nahary, manam-pahefana amin'ny olombelona sy ny zava-boary rehetra no inoan'ny olona manao ny joro vinany. Tsy hita maso ny Zanahary kanefa inoana ny fisiany ary lavorary izay rehetra angatahina aminy. Miantso ny Zanahary hatrany izy ireo raha vao misy hetahetam-paniriana heverina fa mitondra soa hoan'ny tena sy ny fiaraha-monina satria « Tompon'izao rehetra izao ny Zanahary ».

---

<sup>30</sup> TONGASOLO (P) : *Fomban-drazana Tsimihety*, Ambozontany, Fianarantsoa, 1997

<sup>31</sup> RAHAJARIZAFY (R.P.), Efa voatanisa, p. 133

#### 2.4.3.2. Ny razana

Anisan'ny hery tsy hita antsoina mandritra ny joro vinany ihany koa ny razana. Aorian'ny fiantsoana ny Zanahary dia ny razana indray no antsoin'ny Tangalamena mitarika ny lanonana.

Ny razana hatrany no laharana faharoa amin'ny fitanisana sy fiantsoana ireo hery tsy hita. Na ny razana koa aza anefa dia misy ambaratongany. Milahatra araka ny fahatongavany tany an-koatra sy ny sokajin-taonany izy ireo. Izany hoe, izay bebe taona niainana teto an-tany no zoky. Ho an'izay mitovy taona dia izay lasan-ko razana aloha no heverina ho zoky. Miombon-kevitra amin'izany koa RAHAJARIZAFY raha manambara fa : « *Toa arakaraka ny mahaela ny razana no maha manan-danja azy. (. . .) nohajaina indrindra ny razam-be.* »<sup>32</sup>

Rehefa mijoro ny Tangalamena ka miantso ireo razana ireo dia toy izao no ataony :

*« Akao andreo razananey, (azo tononina ny anaran'ny razam-be)*

*Tongava andreo, ndosy aby taranaka jiaby fa hijoro vinany antsena*

*Tongava andreo manatrika joro vinany niany e !*

*Efa akao aby ny betsa iarahan-tsena misotro,*

*Akao ny « rômy », akao ny lomanady.*

*Mitongava aby andreo fa mandigny zahey zanakandreo.* »<sup>33</sup>

Ny fanononana ny anaran'ny razam-be, araka ny finoan'ny mponina ao Andovoranto, dia ampy iantsoana ny razana rehetra satria io razam-be io no milaza amin'ny taranany rehetra hanatrika ny joro vinany.

---

<sup>32</sup> RAHAJARIZAFY (R.P.), efa voatanisa, p. 118

<sup>33</sup> « Joro fanao rehefa miantso razana », araka ny nataon'i DIMILAHY Alfred, Tangalamena, 21 aogositra 2015 tamin'ny 04 ora tolakandro

Amin'ny mahafinoana ny lafin-javatra resahina eto dia tsara ny manamarika fa tsy ny taolambalon'ireo razana akory no antsoina fa ny fanahin'izy ireo mba hiaro sy hitahy ary hanampy ny velona. Isan'ny fanampiana andrasan'ny velona amin'ireo razana ireo ny fanokafana ny vinany mba hisian'ny laoka indray hiveloman'ny taranany.

Rehefa vita ny asa niantsoana ireo razana (hanokatra vinany) dia asaina izy ireo hiaraka hisotro ireo zava-pisotro efa nomanina. Hoy indrindra ny mpijoro milaza izany :

*« Io ny betsa, ny rômy, ny lomanady,*

*Sambe homana, sambe misotro le hohaniny aby. »*



Sary : 11



Ny Tangalamena DIMILAHY Alfred, mijoro miantso razana.  
LOHARANO : Ny mpikaroka

## FAMINTINANA NY FIZARANA FAHAROA

Ity fizarana faharoa ity dia natombokay tamin'ny famaritana ny atao hoe : « joro ». Rehefa vita izay dia nohadihadiana ny antony anaovana ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto. Taorianizay vao niezaka nanazava ny fizotry ny joro vinany sy ireo singa rehetra mifandray amin'ny fanatanterahana ity joro vinany ity.

Ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto dia singan-driba iray ahitana endika fangataham-pitahiana amin'ny Zanahary sy ny razana izay tarihin'ny lehiben'ny Tangalamena. Amin'ny mahafangataham-pitahiana azy dia mila omby atao sorona ka miisa telo farafahakeliny ny omby vonoina amin'izany. Hita taratra eto ny fahefana ananan'ny hery tsy hita izay miahhy ny fiainan'ny velona.

Ny vinany mikatona dia azo lazaina fa mampitondra faisana ny toe-karen'ny fokonolona satria dia tena tsy ahazoana trondro mihitsy ny ranomasina izay mamelona ny mponina amin'ny ankapobeny. Tsy ny fokonolona ao Andovoranto irery anefa fa ireo fokonolona manodidina dia mizaka ny olana vokatry ny fikatonan'ny vinany ihany koa.

Rehefa niezaka nanao izay faraheriny ny mpanarato sy ny mponina ao Andovoranto kanefa tsy nisy vokatry azo dia nanapa-kevitra hanao joro vinany. Nino izy ireo fa misy fahatapahany ny fifandraisana amin'ireo hery tsy hita izay miahhy azy ireo. Ny famerenana indray ny hasin'ny rano sy ny razana ihany no vahaolana mahomby hampisokatra indray ny vinany.

Araka ny fanadihadiana natao mahakasika ny fizotry ny joro vinany dia tsapa fa mizara roa miavaka tsara ny dingam-pivoaran'ny hetsika rehetra atao amin'izany. Voalohany, hita amin'ity singan-drimba ity fa mampivoatra sy mamelona indray ny fifandraisana misy eo amin'ny mpiara-belona ny joro vinany ; taratra izany amin'ireo endri-pifandraisana, endri-piraisan-kina sy fandraisana andraikitra amin'ny fanatontosana ny lanonana. Etsy andaniny, manamafy indray ny fifandraisan'ny tontolo roa samy hafa dia ny tontolon'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso ny joro vinany.

Maro ireo singa mifandray amin'ny fanatanterahana ny joro vinany. Nohamafisinay manokana ireo mpandray anjara, ireo fitaovana ampiasaina, ary

indrindra ireo hery tsy hita izay antsoina mandritra ny lanonana. Misy amin'ireo mpandray anjara amin'ny joro vinany no mandray anjara mivantana tahaka ny Tangalamena, ny vavanjaka, ny tovolahy matanjaka velon-dray aman-dreny, ny mpihosika ; misy kosa ireo manotrana fotsiny ho vavolombelon'ny fombafomba notanterahana toy ireo solotenam-panjakana isan-tsokajiny sy ireo olona nasaina ary ireo mpanotrana rehetra. Ny filazana ireo hery tsy hita antsoina mandritra ny joro vinany : ny Zanahary sy ny razana no nentina namaranana ny fitanisana ireo singa mifandray amin'ny joro vinany.

Manana ny heviny sy ny sandany manokana avokoa ireo fombafomba amam-pihetsika sy ireo fitaovana ampiasaina mandritra ny joro vinany, koa ny fizarana fahatelo izay harosonay dia aompanay manontolo amin'ny fandalinana sy filazana ny hevitra ary ny sandan'ireo singa rehetra mandrafitra sy mahatontosa ny joro vinany ao Andovoranto.

**FIZARANA FAHATELO:**  
**NY SANDA RAKETIN'NY JORO VINANY**  
**AO ANDOVORANTO SY NY AZO AMPIHARANA**  
**ITY ASA FIKAROHANA ITY EO AMIN'NY**  
**SEHATRY NY FANABEAZANA**

### 3.1. NY SANDA RAKETIN'NY JORO VINANY

Ny fihetsika sy ny fomba amam-panao tontosaina mandritra ny joro vinany dia mirakitra hevitra sy mampita hafatra avokoa ; mahakasika izany indrindra no hofakafakaina eto amin'ity fizarana fahatelo ity ary avy eo dia havoitra fa ilaina sy azo ampiharina izy io ao anatin'ny sehatry ny fanabeazana.

Ny tena zava-dehibe mantsy amin'ny fanadihadiana singan-driba toy izao dia tsy ny fahafantarana ny mikasika fihetsika sy ny fomba amam-panao amin'ny antsipiriany fotsiny fa ny fahalalana ny tena dika sy sanda raketin'izany . Izany toe-tsaina izany indrindra no ambaran'i VAN GENNEP manao hoe : “ *Tsy ny filazana amin'ny antsipiriany ny fombafomba dinihina akory no tanjona fa ny filazana ny tena dikany.*”<sup>34</sup>

Mba hamantarana tsara mikasika ny tena dikan'ireo fombafomba amam-pihetsika tanterahina mandritra ny fanatontosana ny joro vinany sy ireo singa mifandray aminy àry dia horesahina aloha ny sanda raketin'ny fitaovana ampiasaina ; avy eo ny sandan'ny fombafomba sy ny fotoana ary ny toerana . Aorian'izay rehetra izay no hanolorana ny azo ampiharana sy ny ilana azy eo amin'ny sehatry ny ny fanabeazana.

#### 3.1.1. Ny sanda raketin'ny fitaovana ampiasaina amin'ny joro vinany

Amin'ny fomba malagasy toy ny joro vinany dia mila fitaovana mifanaraka amin'ny filàny ny olona entiny manatanteraka izany ary tsy ampiasaina fe ampiasaina fotsiny izy ireny fa misy antony sy heviny manokana . Ny zava-boary manodidina azy ihany anefa no folahan'ny olona amin'izany toy ny biby , sy ny zavatra maro samy hafa.

---

<sup>34</sup>VAN GENNEP (A), Les rites de passage – Etude systématiquement des rites, Librairie Emile Nourr, Paris, 1909, tak. 275

“ Ce ne sont pas les sites dans leur détail qui nous ont intéressé, mais bien leur significations relatives dans des ensembles cérémoniels, leurs séquences.

### 3.1.1.1. Ny sandan'ny biby ampiasaina

#### a- Ny antony ampiasana ny omby

Biby manan-danja indrindra amin'ny Malagasy ny omby . Izany no antony tsy maintsy anaovana sorona omby rehefa manao Joro vinany satria izy io dia inoana sy heverina fa sarobidy indrindra.

Manaporofo izany ny voalazan'i P.A. RAZAFINTSALAMA manao hoe : “ *Tsy mahagaga raha ny famonoana omby na olona aza indraindray no heverina ho sorona mavesa-danja indrindra .*”<sup>35</sup>

Ny omby vonoina amin'izany dia mazava loha na omby volavita satria inoana fa manan-kasina manokana izy ireny . Taloha, ny mpanjaka rehefa manao sorona dia tsy maintsy omby mazava loha no vonoina satria izy ireny no manan-kasina mendrika ny fahambonian'ny mpanjaka ka mampijoro tsara ny fitondrany.

Manamafy izany ny ambaran'i R.P CALLET manao hoe : “*Ny omby volavita – ahavitana fitondrana*”<sup>36</sup>

Ankoatra izay, dia sady fanomezam-boninahitra ny Zanahary sy ny razana ny fanaovana sorona ny omby no reharena sy voninahitry ny velona ny fananana azy satria ny olona afaka mamono omby amin'ny raharaha atao dia olona mahay mihary sy manana ny maha-izy aza eo anivon'ny fiaraha-monina.

Toy izao ny voalazan'i R.P RAZAFINTSALAMA momba izany : “ *Heverina fa sorona alatsa-drà no sarobidy indrindra amin'ny karazan-tsorona rehetra.*”<sup>37</sup>

Araka izany , ny rà dia manana tandindona ho mariky ny fahadiovana sy fahaterahana vaovao indray ny zavatra very hasina ary famelan-keloka ;

Raha fintinina izay voalaza dia midika ho firarian-tsoa eo amin'ny fiainana ny fampiasana ny omby amin'ny joro vinany; tanteraka tokoa eto ilay fomba fiteny manao hoe : “*ombilahy mazava loha ; tsara mandroso , tsara miverina.*”

---

<sup>35</sup>R. Adolphe RAZAFINTSALAMA ; efa voatanisa, tak 131

<sup>36</sup>R.P.CALLET, *Tantara ny andriana eto Madagascar*, Tome I, tak-50

<sup>37</sup>R. Adolphe RAZAFINTSALAMA, efa voatanisa, tak .129

### **b- Ny antony ampiasana ny tantely**

Amin'ny ankapobeny ny Malagasy dia mampiasa tantely rehefa manao sorona na rehefa manatontosa fomba amam-panao toy ny ala-volon-jaza . Ny tantely moa no sakafo tena mamy indrindra ka tandindon'ny soa sy ny tsara eo amin'ny fiainana ny fihinanana sy ny fampiasana azy . Izany no mahatonga ny Malagasy hiteny amin'ny vahiny vao sambany miditra ny tranony manao hoe “ *Hosorana tantely ve?* ” mba hirariana azy ho ampoky ny soa sy ny tsara. Araka izany, ny olona tiana no omena ny mamy sy ny tsara ; izany indrindra no ilana ny tantely amin'ny joro vinany satria mendrika ny Zanahary sy ny razana izany mba hanomezana haja sy hampitombo hasina azy ireo .

#### **3.1.1.2. Ny sandan'ireo zavatra ampiasaina**

Maro ny zavatra ampiasaina mandritra ny fanaovana joro eo amin'ny vinany . Anisan'izany ny zava-pisotro toy ny rômy ,ny betsa , ny limônady ; ankoatra izay dia ilaina koa ny vatomamy vivila na paperimanitra, ary ny ranomanitra sy ny vola. Hojerena misesy àry ny antony ampiasana azy ireo.

##### **a. Ny rômy sy ny betsa**

Ireo dia zava-pisotro tsy afa-misaraka amin'ny fomban-drazana betsimisaraka amin'ny ankapobeny , na an-kafaliana izany na an-karatsiana. Mandritra ny fanatontosana ny joro vinany dia sady atolotra ho an'i Zanahary sy ny razana ny toaka no zaraina ho an'ny velona ; misotro toaka avokoa ny ankamaroan'ny mpanotrana na lahy na vavy afa-tsy izay heverina fa mbola tsy ampy taona satria lanonana no atao .

Ny toaka dia rano manan-kasina ka atolotra ny Zanahary sy ny razana mandritra ny kabary mba hampitombo hasina azy ireo sy ho fangatahan'ny velona famelan-keloka sy fanalana tsiny amin'ireo hery masina ireo mba hahazoany fahombiazana eo amin'ny fiainany noho ny ota fady vitany ; izany hoe, mba hahatonga ny vinany hamoaka laoka betsaka. Ankoatra izay dia ifampizaran'ny samy velona ny toaka mba ho mariky ny firaisana aina satria “ *Iray vatsy iray aina* ” sy hanehoana ny fifamelana sy ny hamamin'ny fihavanana.

### **b. Ny limonady sy ny vatomamy**

Ireo dia zava-mamy zaraina ho an'izay tsy misotro toaka sy ny ankizy mba hirariana azy ireo higoka ny mamy sy hahita fahombiazana mandritra ny fiainany . Ny vatomamy ilaina eto dia ny paperimanitra satria betsaka ny olona any amin'ny faritra Andovoranto iny no ipetrahan'ny tromba papery .

Toy izao ny fanazavan-dRAJAOBELINA Vololonirina momba izany : “ *Papery no anarana iantsoan'ny olona ity tromba zaza ity any amin'ny faritra Andovoranto noho izy tia vatomamy paperimanitra raha Safikely kosa no iantsoana azy any an-tsakalava . Betsaka ny mpamboly sy ny mpiompy itoerany any satria izy io dia miantoka ny fahombizana eo amin'ny lafiny fambolena sy fiompiana.*”<sup>38</sup>

### **d. Ny ranomanitra**

Araka izany anarany izany, ny ranomanitra dia misy fofona manitra manintona ka manafaingana ny fahatongavan'ny fanahin'ilay tompon-drano monina ao anaty vinany . Izy io dia natao hanomezam-boninahitra sy hanajana azy ary fangatahana fanadiovan-keloka aminy noho ny fady tsy notandreman'ny olona teo amin'ny toerana misy azy.

### **e. Ny vola**

Mandritra ny kabary dia manipy vola madinika karazany rehetra ( 1ar ka hatramin'ny 50 ar) any anaty rano ny tangalamena mba ho maro karazana tahaka izany koa ny fahasoavana ho azon'ny olona . Amin'ny fiainana andavanandro , ny vola dia takalon'ny zavatra rehetra ilaina eo amin'ny fiainana ; koa ny tandindon'ny fanolorana vola eto dia ho takalon'izay zavatra angatahina amin'ny joro vinany sy fanomezan-kasina ary fisaorana ilay tompon-drano.

---

<sup>38</sup>RAJAOBELINA Vololonirina, Ny finoana ny tromba ao Andovoranto amin'ny vaninandro ankehitriny, tak-58



Ny anton'io lambahoany io dia ny fanehoana fa lanonana no atrehina ka mila mihaingo ho fanajana izany sady amin'ny fotoana tahaka izao no anararaotan'ny vehivavy ampiderana izay ananany ary ny tena antony lehibe dia ny fanehoana ny maha-Malagasy sy ny fampitoviana ny tsirairay ho mariky ny firaisan-kina . Ankoatra izay dia inoana fa azo antoka kokoa ny hahazoana fitahiana raha madio ara-batana sy ara-panahy rehefa mivavaka.

### **3.1.2. Ny sandan'ny fombafomba sy ny fotoana ary ny habaka**

Ny fombafomba rehetra atao mandritra ny joro vinany sy ny fotoana ary ny toerana anatanterahana izany dia tsy ataotao foana fa misy dikany avokoa.

#### **3.1.2.1. Ny sandan'ny fombafomba rehetra atao**

Ny fombafomba tena misongadina rehefa manatanteraka joro vinany dia ny fomba fitafy, ny hôsika , ary ny rasavolana

##### **a. Ny fomba fitafy**

Ny vehivavy eto no tena voakasik'ity fomba fitafy ity satria amin'io fotoana io dia tsy fomba ny mitena akanjo fa tsy maintsy misikina lambahoany vaovao sy tsara avokoa izy ireo afa-tsy ny zaza ihany ary miravaka volamena ; ny lehilahy kosa dia manao toy izay fanao andavanandro ihany ,izany hoe, lobaka madio sy pataloha lava velon-drirana .

##### **b. Ny hôsika**

Amin'ny ankapobeny ; ny olona rehefa manao lanonana sy mivavaka dia mifanindran-dalana amin'izay eny foana ny hira ary mety hisy dihy koa indraindray .Ny anton'izay dia mba hanafana ny lanonana sy hanomezana voninahitra ilay ivavahana .Tahaka izany koa no hita mandritra ny joro vinany ; ka ny hira sy na ny dihy atao amin'izany no antsoina hoe *hôsika* . Miavaka amin'ny hira sy ny dihy mahazatra ary misy sokajiny io hôsika io toy izao manaraka izao:

> Ny dihy arahina hira : ny vehivavy eto no tena mandray anjara amin'ny dihy indrindra fa ireo izay tena havanana amin'izany ; ny mozika manafana dia ny

korintsana sy ny tehaka ataon'ny rehetra . Antsoina hoe *hôsi-drazana* ny dihy sy ny hira atao , ka ny endriny dia manentanentana sy mamalifaly ny rehetra ary ny dihy dia manana endrika boribory sy mihodinkodina mba hanehoana fa izy rehetra dia iray ihany toy ny molo-bilany ary ny tontolo faobe misy azy dia boribory.

> Ny hira ranoray: lahabolana an-kira no tiana holazaina eto. Antsoina hoe *tôkatôka* izy ity any amin'ny faritra betsimisaraka ary izany ihany koa no ilazana azy any Andovoranto. Ankorodao na kaiamba no manafana ny *tôkatôka*. Mizara ho sokajy roa ny mpihôsika eto ary tsy voafetra ny isany : ny mpitôka izay mpiventy ny tononkira sy ny mpanaraka izay mpamerina fotsiny ny fiverenana .

Marihihina fa mifototra amin'ny joro vinany ny lohahevitry ny tononkira antsaina sy ventesina<sup>39</sup> ary samy manana ny fotoana ampiasana azy ireo karazana hôsika ireo .

Ny dihy arahina hira dia atao :

- mandritra ny fandavoana omby eo ambony fisokina
- mialoha ny fiantsoana ny Zarahy sy ny razana izay vavaka atao alohan'ny anapahana ny lohan'omby eny amoron'ny vinany.
- Alohan'ny ampakarana ny lohan'omby eo ambony fisokina.

Ny hira ranoray kosa dia ventesina mandritra ny fakana ny omby.

Ny teny hoe “ *rasavolana*”dia avy amin'ny fitambaran'ny teny roa ” *rasa* “sy” *volana*”. Ny rasa dia midika hoe mizara, ary ny volana dia midika hoe teny, ny manao rasavolana izany dia mizara lahateny na mikabary.

Ny kabary dia voasokajy ao anatin'ny literatiora am-bava na ny lahabolana. Izy io dia lahateny tsara rindra, atao antso avo ampahibemaso ho ren'ny besinimaro izay entina manamarina na manambara toe-javatra iray mavesa-danja.

---

<sup>39</sup>jereo tovana

#### **d. Ny rasavolana**

Toy izao ny famaritana nomen-dRAJEMISA-RAOLISON Régis azy io:"*Kabary .a: Teny lavalava voalahatra sy voarindra atao eo imason'ny olona tafavory.*"<sup>40</sup>

Ao anatin'ny kabary dia maneho ny fahaizany mandaha-teny sy maneho hevitra ny mpikabary ka mampiasa ohabolana sy oha-pitenenana mba handresena lahatra ny mpihaino.

Araka izany, mizara ho roa eto ny mpandray anjara :

- andaniny, ny mpirasavolana dia ny vavanjaka izay zokiny indrindra ao antanàna .

- ankilany, ny vavanjaka izay misolo tena ny vahoaka ; izy io dia izay ifanarahan-dry zareo samy vavanjaka ka izay tena havanana sy matotra tsara no tendrena.

Toy izao ny firafitry ny kabary ataon'ny mpirasavolana amin'ny joro vinany :

- Fialan-tsiny noho ny fandraisana fitenenana.
- Fiarahabana ny olona mpihaino araka ny sokajiny avy.
- Filazana ny antony itenenan'ilay mpirasavolana sy fanolorana toaka ho an'ny rehetra.
- Fisaorana ny rehetra.

Rehefa vita izay dia mamaly indray ny vavanjaka misolotena ny vahoaka. Toy izao ny firafitr'izany:

- Fialan-tsiny noho ny fandraisana fitenenana.
- Famerenana manontolo izay nolazain'ny mpirasavolana.
- Fialan-tsiny amin'izay teny tsy voaveriny na adinony.
- Famaliana ny vontootin-kabary nolazain'ny mpikabary ka nahatonga azy nanolotra toaka.
- Fisaorana noho ny toaka sy ny zava-pisotro natolotra.

---

<sup>40</sup> RAJEMISA-RAOLISON Régis, *Rakibolana malagasy*, tak-467

Ireny vontoaingy mandrafitra ny rasavolana ireny dia manana ny dikany na ny sandany avokoa toy izao manaraka izao :

- Ny fialan-tsiny alohan'ny itenenana :

Miverina foana ny fialan-tsiny alohan'ny itenenana na ho an'ny mpirasavolana na ho an'ny mpamaly rasavolana. Ny tsiny mantsy dia fanamelohan'ny mpiara-monina noho ny hadisoana na ny heloka natao na niniana natao izany na tsia. Araka ny finoana malagasy dia mahatonga ny olona iray tsy hahita fahombiazana eo amin'ny fiainany ny fahazoany tsiny satria ny ohabolana dia manao hoe: "Ny tsiny toy irony hady lalina; tsirihi-mahafanina, ianjera-mahafaty". Ny olombelona anefa tsy lavorary ka tsy maintsy misoroka mialoha io tsiny io sao misy latsaka na diso ny zavatra hambarany .

-Ny famerenan'ny vavanjaka manontolo ny lahateny:

Ny mpamaly rasavolana dia tsy maintsy manao izay amerenana ny lahateny lava be nambaran'ny mpikabary. Sarotra tokoa ny manao izany satria tena mila fitadidiana sy fahaizana; tsy ny olona rehetra no mahavita izany ka izay mihitsy no antony anondroana vavanjaka matotra sy hendry ary havanana. Ny fanomezana làlana ny zokiolona hiteny koa dia fanehoana amin'ny taranaka fa misy ny rafitra antanantohatra tokony hohajaina ao anaty fiaraha-monina. Ankoatra izay, dia ampahafantarina ny rehetra ihany koa fa ny teny misy tompony ka mila fandaminana mba tsy hianjerana any amin'ny fanjakan'i Baroa.

-Fanolorana toaka:

Amin'ny ankapobeny, any amin'iny faritra betsimisaraka iny dia misy foana ny fisotroan-toaka rehefa misy lanonana atrehim-bahoaka ka anisan'izany ny joro vinany. Efa voalaza tany aloha fa ny toaka dia zava-pisotro manan-kasina afaka manadio ny olona noho ny hadisoana na ny heloka vitany. Araka izany, zava-dehibe ny fisian'izy io rehefa manao joro vinany satria sady fangatahana famelan-keloka sy fanajana ny Zanahary sy ny razana no mariky ny famitranam-pihavanana eo amin'ny samy velona.

Hita araka izany ary fa mitana anjara toerana lehibe ny rasavolana mandritra ny joro vinany satria sady mirakitra soatoavina sy kolontsaina no manabe sy mamolavola ny maha olona.

### **3.1.3. Ny sanda raketin'ny fotoana sy ny habaka**

Ny fandaminana ny fotoana sy ny habaka eo amin'ny fanatanterahana ny fomba amam-panao malagasy dia tsy nataotao foana fa misy antony sy dikany avokoa.

#### **3.1.3.1. Ny sandan'ny fotoana**

Ny andro rehetra ankoatra ny talata dia azo anatanterahana joro vinany avokoa ao Andovoranto ka arakaraka ny tononandro tsara omen'ny mpanandro . Ny talata mantsy dia andro gorôbaka ka tsy tsara anaovana raharaha satria mahatonga ny fihariana ho gorôbaka na ho foana tsy misy .

Amin'ny misandratra andro no anatontosana ny lanonana satria inoana fa tandindon'ny fison-drotana ho amin'ny ambony sy fiainana vaovao . Irariana mba hisondrotra tahaka izay ny fivoahan'ny hazandrano avy ao am-binany ka hahatonga ny olona hahay hifamela heloka mba hiainany ao anaty fihavaozana ho amin'ny fiaraha-monina vaovao .

#### **3.1.3.2. Ny sandan'ny habaka**

Maro ireo voatondro rehefa manao ny joro vinany toy ny fisokina eny amoron-dranomasina , ny trano mitso , ny trano lapa , ny trano masina ary ny toerana atsinanana . Hojerena etoana ny hevitra fonosin'ireo toerana ireo :

-Ny fisokina

Araka ny efa voalaza tany aloha dia hazo maniry eny akaikin'ny vinany no nohamasinina atao fisokina . Ny fisokina no heverina fa toerana masina ahafahan'ny velona mihaona sy mifandray amin'ny Zanahary sy ny razana . Eo no anaovana ny joro ,izany hoe ,andatsahana ny ran'omby atao sorona alohan'ny anaparahana azy any anaty ranomasina mba ho fanomezan-kasina ireo hery tsy hita ireo.

-Ny trano mitso

Antsoina hoe trano mitso izy io satria vita avy amin'ny ravinala maitso fa tsy ireny efa maina ireny. Ny antony ananganana ny trano mitso dia ho fandraisana ny vahiny mpanatrika avy lavitra . Mariky ny fanajana sy hiarovana ny ain'izy ireo amin'ny masoandro sy ny orana ary hivondronan'ny rehetra amin'ny toerana iray mba

hahafeno ny fifaliana sy hanehoana ny fifankatiavana fa ny Malagasy dia “tsy misara-mianakavy”.

-Ny trano lapa

Ny olo-manan-kaja toy ny manam-pahefana ara-panjakana sy ny zokiolona ary ny tangalamena no apetraka ao satria ny lapa dia toerana mihaja sy manan-kasina sahaza ny voninahitr'izy ireo . Ankoatra izay , dia mba hanehoana amin'ny tanora sy ny taranaka fa misy an-tanantohatra tsy maintsy hajaina ao anaty fiaraha-monina .

-Ny trano masina

Natao hametrahana ny sakafo sy ny kojakoja rehetra ampiasaina mandritra ny joro vinany io trano masina io ka olona atokisana , tendren'ny tangalamena no miandraikitra azy . Ny antony moa dia mba ho tsara tantana ny sakafo sy hiarovana izany amin'ny olon-dratsy toy ny mpangalatra sy ny mpamosavy ary fametrahana ny fahaiza-mandamina .

-Ny toerana atsinanana

Manan-kasina manokana ny atsinanana amin'ny Malagasy raha mitaha amin'ny faritra telo sisa ka izany no antony itodihana miantsinanana rehefa mivavaka sy mijoro ary ampitodihana ny lohan'omby hovanoina any atsinanana. Manamafy izany ny voalazan'i MOLET manao hoe : *”Mitodika miatsinanana raha hivavaka amin'ny razana sy ireo Zanahary”*<sup>41</sup>

Ny atsinanana dia toerana iposahan'ny masoandro ka inoana fa akaikikaiky kokoa ny Zanahary sy ny razana. Izany , ohatra,no antony anatsorana ny maty eo amin'ny zoro firarazana; ary irariana ny fiainana mba hamirapiratra tahaka ny masoandro . Araka izany, mandritra ny joro vinany dia eo amin'ny faritra atsinanana avokoa no anatanterahana ny raharaha rehetra amin'ny ankapobeny.

---

<sup>41</sup> MOLET (L) ,*La conception malgache du monde du surnaturel et de l'homme en Imerina*, Tome I , Edition l'Harmattan , Paris , 1979, tak. 56 “Est est la direction pour prier les ancêtres et les Dieux “

### **3.1.4. Ny joro**

Ny joro dia isan'ireo fomba amam-panao iray natao ho fampitambarana ny tontolon'ny velona sy tontolon'ny razana.

#### **3.1.4.1. Ireo karazana joro fanao amin'ny joro vinany**

Amin'ny ankapobeny, misy in-telo miantoana ny joro ataon'ny Tangalamena rehefa manao joro vinany :joro fampilazana mialoha ny tompon-drano sy ny razana, joro fiantsoana ny Zanahary sy ny razana ary ny joro fiantsona ny razana haka ny anjarany.

##### **a. Ny joro fampilazana mialoha ny tompon-drano sy ny razana**

Ny joro fampilazana mialoha ny tompon-drano sy ny razana dia tanterahina andro vitsivitsy mialohany andro voatondro anaovana ny joro vinany. Ilazana mialoha ny tompon-drano sy ny razana mba iomanan'izy ireo mialoha satria zava-dehibe no hatao sy ilana ny fitahian'izy ireo. Omen-kasina manokana, noho izany, izy ireosatria miantoka ny fiainan'ny velona.

##### **b. Ny joro fiantsoana ny Zanahary sy ny razana**

Ny joro fiantsoana ny Zanahary dia joro natao ho fifonana sy ho fangataham-pitahiana amin'ny andro anatanterahana ny joro vinany. Sady miantso ny Zanahary sy ny razana ny mpijoro eto no mivavaka sy mangata-pitahiana aminy. Natao izao joro izao ho fiaikena eo imason'ny mpiara-belona ny fisiana sy ny fitohizan'ny fiainana any ankoatra ary ho fanekena fa lehibe ny herin'ny Zanahary sy ny razana. Miaiky tanteraka eto ny velona fa manana hery mihoatra lavitra noho izy ireo ny Zanahary sy ny razana ka izany no antony iantsoany azy mba hitahy sy handrindra ary hamaha ny olana mianjady aminy.

##### **d. Ny joro fiantsoana ny razana haka ny anjarany**

Ny joro fiantsoana ny razana haka ny anjarany indray dia ilay joro tanterahana amin'ny famonoana ny omby eo amoron'ny vinany ka anaparahana ny ran'ny omby novonoina any an-dranomasina sy ny joro amin'ny fanantonana ny lohan'omby eo amin'ny fisokina. Hetsika natao hampirindra sy hampivitrana indray ny fifandraisan'ny razana sy ny velona ity joro ity.

### **3.1.4.3. Ny firafitry ny joro**

Amin'ny ankapobeny, toy ny lahabolana rehetra dia misy dingana arahina amin'ny fanaovana ny joro. Toy izao ny firafitry ny joro amin'izany :

- Antso indroa
- Fiantsoana sy fampidinana ny Zanahary
- Filazana ny antony ampandinana ny Zanahary
- Fiantsoana ny razana
- Filazana ny antony iantsoana ny razana
- Famaranana

Ny antso indroa dia natao ho filazana amin'ny olona mpanatrika ny fanombohan'ny joro sy fampanginana azy ireo hifantoka tsara. Mila fahanginana tanteraka ny firesahana sy ny vavaka atao mba handrenesan'ireo hery tsy hita ireo : mba hahafahan'ny velona mifandray ara-panahy amin'ireo hery tsy hita ireo dia tsy ilaina ny tabataba eo amin'ny roa tonta.

Amin'ny ankapobeny, ny fiarahamonina mandala ny fanompoana ny Zanahary sy ny razana dia mino ny fisian'ny fiainana any ankoatra. Ny fanahin'ireo maty eto no antsoina hoe razana fa tsy taolambalo akory. Tahaka ny fiainana eto an-tany ihany dia misy an-tanantohatra ny rafi-pitondrana any amin'ny fiainana any ankoatra. Ny Zanahary no eo amin'ny zanatohatra ambony indrindra ao amn'ny tontolo tsy hita maso satria izy no inoana fa Mpahary. Manaraka azy ny razana izay milahatra araka ny fahatongavana any ankoatra sy ny sokajin-taona nahaterahana. Izany hoe, mbola misy an-tanantohatra ihany koa eo amin'ny samy razana. Ny razam-be indrindra niandohan'ny taranaka no ambony indrindra, izay vao ireo razana isam-pianakaviana, ka ny fiantsoana ny anaran'io razam-be io dia ampy iantsoana ny razam-be rehetra ao amin'ilay fasana. Izany hoe andraikitr'io razam-be io no manentana sy mitarika ireo razana iray fasana aminy hanatrika ny joro vinany. Hajain'ny velona fatratra io rafi-pitondrana any ankoatra io ka izany no tsy maintsy anarahany mandrakariva ireo filaharana ireo rehefa miantso Zanahary sy razana.



Rehefa voaantso ny Zanahary sy ny razana dia milaza ny antony anaovana ny joro ny Tangalamena. Samy manana ny manavanana azy anefa ny mpijoro rehefa miantso Zanahary ; ao ireo miantso Zanahary ary avy hatrany dia milaza ny antony iantsoana azy izay vao miantso razana<sup>42</sup>, ao ireo miantso ny Zanahary sy ny razana mihitsy vao milaza ny antony anantsovana azy roa tonta ireo.<sup>43</sup>

Tsy ny zavatra rehetra anefa no iantsoan'ny mponina ao Andovoranto ny Zanahary sy ny razana fa amin'ny toe-javatra heverina fa sarotra ary tsy takatry ny saina aman'eritreritry ny olombelona. Amin'izany no anehoan'ny velona fa voafetra ihany ny heriny ka tsy maintsy miankina amin'ny Zanahary sy ny razana izy. Ambaran'ny Tangalamena mpijoro ho ren-tany ho ren-danitra fa misy fetrany ny herin'ny zanak'olombelona ary koa mba hinoana sy haneken'ny rehetra ny hery sy ny fahefan'ny Zanahary sy ny razana.

Alohan'ny hamaranan'ny mpijoro ny lahateniny dia miantso ireo razana rehetra manerana an'i Madagasikara izy mba hilazana fa iray tsymivaky ny Malagasy ary mananafomba iray iraisana ihany koa.

Rehefa mamarana ny fijoroany ny Tangalamena dia manamafy ny maha lehibe sy feno fahefana ny Zanahary sy ny razana ka misaotra azy ireo manao hoe : « *Misaotra andreo Zanahary agnambo, misaotra andreo razana, misaotra andreo tompon-drano tonga nanatrika sy nanotrana aney taketo niany io. Hiadana ndraiky zahey noho ianareo. Mitombofa fahefana, mitombofa fanapahana.* » Mamaly ny vahoaka mpanotrana manao hoe :« *Ho avy ny tsara ho amintsena jiaby.* » Eto dia mirary ny hiavian'ny soa sy ny tsara ho an'ny fokonolona iray manontolo ny vahoaka mpanotrana.

### **3.1.5. NY SANDAN'NY JORO VINANY**

Amin'ny ankapobeny, ny fanatanterahana ny fombafombam-pivavahana tahaka ny joro vinany dia misy sanda raketiny avokoa. Noho izany, dia hovahavahanay manaraka eto ireo sanda raketin'ity joro vinany ity: ny sanda ara-pinoana, ny sanda ara-toe-karena, ny sanda ara-teti-pitondrana ary ny sanda ara-piarahamonina.

---

<sup>42</sup>Jereo tovana, "joro fanao rehefa miantso Zanahary"

<sup>43</sup>Jereo tovana, "joro fanao rehefa miantso razana"

### 3.1.5.1. Ny sanda ara-pinoana

Maro ireo sanda ara-pinoana ilafihan'ny joro vinany koa ndeha ho tanisaintsika manaraka eto izany.

#### a. Ny finoana ny fitohizan'ny fiainana any ankoatra

Mino ny fisiana sy ny fitohizan'ny fiainana any ankoatra ny mponina amin'ny faritra manatanteraka joro vinany. Manamarina sy manamafy izany i DECARY raha milaza fa : « *Ny Malagasy dia mino fa ny fiainana dia mitohy any ambadiky ny fasana any.* »<sup>44</sup> Aorian'ny fahafatesana dia tsy mbola tapitra akory ny fiainana fa mbola mitohy symivelatra any ankoatra any. Toy izao no filazan'i DURKHEIM izany :« *Rehefa maty ny olona dia mihasimba ary mihalevona ; tsy misy azo amantarana azy intsony. Tsy tapitra hatreo anefa ny fiainany fa mitohy ny fiainan'ny fanahy, any amin'ny tontolo hafa any ; fisiana tsy miankina amin'ny vatana.* »<sup>45</sup> Toerana sy faritra tsy azo tsapain-tanàna, tsy takatry ny saina eritreretina fa dia tondroina fotsiny amin'ny hoe « *any andanitra* » izany toerana izany. Toerana tsy fantatra, tsy hitan'ny maso akory, fiainana tsy fantatra tsy hay hazavaina kanefa dia inoana sy azo antoka fa misy. Io fomba fiheverana io no manosika ny olona hiantso sy hivavaka amin'ny Zanahary sy ny razana mba ahafahana mifandray sy mifanerasera amin'izy ireo.

Mino sy matoky ny fisian'ny tontolo roa miavaka tsara ny Malagasy : ny tontolon'ny velona na ny tontolo hita maso sy ny tontolon'ny fanahy na ny tontolo tsy hita maso.

Amin'ny fotoana anatontosana ny joro vinany no fotoana itambaran'ireo tontolo roa samy hafa ireo ka ahatsapana ny fifampitohizany sy ny fifamatorany. Eo amin'io fotoana fohy io no ahatsapan'ny velona sy inoany ny fisian'ny fiainana any ankoatra.

---

<sup>44</sup> Decary (R), *la mort est les coutumes funéraires à Madagascar*, G.P. Maisson neuve et Larosse, Paris, 1962, tak.8 : « Les Malgaches croient que la vie continue au-delà de la tombe. »

<sup>45</sup> DURKHEIM (E), *les formes élémentaires de la vie religieuse, le système totémique en Australie*, PUF, Paris, 1968, tak.347 : « Alors que le corps n'est plus, qu'il n'en reste plus de traces visibles, l'âme continue à vivre, dans un monde à part, une existence autonome. »

### **b. Ny hasina manokana ananan'ny Zanahary sy ny razana**

Manan-kasina manokana ny Zanahary sy ny razana ka omen'ny Malagasy toerana ambony sy ato lohalaharana hatrany eo amin'ny fiainany, indrindra rehefa misy fombafomba tanterahana toy ny joro vinany. Amin'ireo zava-manahirana rehetra atrehiny dia ny Zanahary sy ny razana no italahy any sy antsoiny ary angatahany fitahiana. Mino izy ireo fa mahita ny fizotry ny fiainan ary afaka manome vahaolana ho azy amin'ny zava-manahirana rehetra, toy ny loza voajanahary, ny aretina ary ny olam-piainana isan-karazany. Amin'ny alalan'ny nofy na tsindrimandry na fahitana no ifandraisan'ny razana amin'ny velona raha misyzavatra tiany ampitaina.

Manana fahefana hanasazy ny velona ihany koa ny razana. Izy, ohatra, no mampisy aretina, mahatonga loza voajanahary, manimba voly, mandripaka ny biby fiompy, mety mahatonga ny vinany hikatona ihany koa, sns. Araka ny finoan'ireo raia mandreny zokiolona dia tsy maintsy manindry mandry na mampanonofy ny velona ny razana raha avy aminy no niavian'ireo rehetra ireo. Mety koa noho ny fahalalana manokana na ny sedraofana avy amin'ny fiainan'ireo raia mandreny zokiolona no ahafahany manavaka fa avy amin'ny razana no niavian'ny fahavoazana. Na dia efa mihatra aza anefa ny voina izay vao manao joro na mifona amin'ny razana ny velona dia mitahy sy mamaha olana ihany izy. Noho izany finoana ny fitahian'ny razana izany indrindra no antony anaovana joro vinany. Eo amin'io fotoana io tokoa mantsy no anehoan'ny Zanahary sy ny razana ampahibemaso ny heriny sy ny fahefany.

#### **3.1.5.2. Ny sanda ara-toe-karena**

Ny joro vinany ao Andovoranto dia manana sanda ara-toe-karena miavaka tokoa raha samy joro vinany tanterahana eto anivon'ny riaka.

##### **a. Fanoitra mampiezaka ny tsirairay hamokatra**

Rehefa miresaka joro dia tsy maintsy misy omby vonoina. Araka ny nambara tery ambony dia « fizaram-paritra » roa no mitambatra manolotra omby iray. Noho izany, tsy maintsy miezaka mafy ny fokonolona ao amn'ny « fizaram-paritra » iray mba hanefana ny anjara ombin'izy ireo izay omby tsy misy kilema no tsy maintsy lehibe. Mifaninana mihitsy ny « fizaram-paritra » amin'izay mahatolotra omby sady lehibe no tsara. Izany toe-javatra izany dia manosika ny tsirairay hamokatra bebe kokoa ahafahany manefa ny anjara adidiny ara-bola. Ankoatra ny omby hovonoina

mantsy, eo koa ny vola angonina ividianana toaka sy betsabetsa ary vary holaniana amin'ny joro vinany.

#### **b. Mampandroso toe-karena ny joro vinany**

Isan'ny andry iankinan'ny fandrosoan'ny toe-karen'ny faritra manatanteraka azy ny fanatontosana ny joro vinany. Ao amin'ny fokontany Andovoranto, tena mitondra fihodinan'ny toe-karena ny joro vinany.

➤ Tsy mivoaka ny faritra manatanteraka azy ny vola amin'ny ankapobeny satria ireo zavatra rehetra ilaina toy ny omby, ny vary, ny toaka, ny betsaka dia vokatra avy eo an-toerana ihany. Izany hoe, raha narisarisa ny vola mihodina teo aloha, amin'ny fotoana anatanterahana ny joro vinany kosa dia miaina sy mampidi-bola tsy toy ny andavanandro ny mpivarotra rehetra amin'ny ankapobeny. Noho izany, afaka manitatra ny ambaindain'ny asa famokarany sy fivelomany ny mponina.

➤ Ny antony anokafana ny vinany ao Andovoranto dia noho ny tsy famoahany trondro izay tena fototry ny fiveloman'ny fokontany iray manontolo, ny kaominina, ny Disitirika'i Brickaville ary hatramin'ny faritany Toamasina mihity aza. Ny trondro avy any amin'ny faritra Andovoranto mantsy no mamatsy ny tsena anatin'ny Brickaville ary Toamasina. Rehefa tsy misy ny trondro avoakan'ny ranomasina dia tsy ny mpanarato eo an-toerana ihany no sahirana fa hatramin'ireo mpanangom-bokatra avy any Brickaville sy Toamasina, ireo mpivarotra amin'ireo toerana ireo ihany koa. Azo lazaina araka izany fa isan'ny vato misakana ny fandrosoan'ny firenena mihitsy ny fikatonan'ity vinany ity noho izy mahatohina ny fiainan'ny mponina maro sy ny Disitirika manodidina ary ny Faritanin'i Toamasina mihitsy. Noho izany, fanoitra iray entina mampitombo ny toe-karen-pirenena ny fanatontosana ny "joro vinany" ao amin'ny fokontany Andovoranto.

#### **3.1.5.3. Ny sanda ara-teti-pitondrana**

Manana sanda ara-teti-pitondrana ihany koa ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto. Ny mikasika izany indrindra no hotanisaina manarakaeto.

#### **a. Ny olombelona sy ireo hery tsy hita**

Manao an-tanan-tohatra ny filaharana misy ny olombelona sy ny tontolo tsy hita maso. Misy ireo heverina ho ambony ary misy ireo heverina ho ambany. Ambony ny toerana misy ny zanahary sy ny razana. Ny tontolo misy ny velona kosa dia azo lazaina fa aty amin'ny fanambaniny. Izany, ohatra, no antony anaovana ny

fampilazana mialoha ny Zanahary sy ny razana ary ny tompon-drano ; izany koa no antony anomezana mialoha ny anjara toakan'ny razana rehefa mampakatra ny lohan'omby eo amin'ny fisokina. Ho fanajana, fanomezan-kaja sy voninahitra ireo hery tsy hita ireo ihany koa no anolorana azy ireo ny omby mazava loha. Miankina amin'ireo hery tsy hita ireo ny fiainan'ny velona, izany no mahatoga azy hiantso vonjy sy hila fanampiana raha sendra fahasahiranana toy ny fikatonan'ny vinany.

Eo amin'ny fifampitondran'ny hery tsy hita sy ny velona dia ny Zanahary sy ny razana no mpandahatra ny toe-javatra rehetra mety hiseho eo amin'ny fiainan'ny olombelona.

#### **b. Mamerina sy mampitoetra ny fahefan'ny zokiolona ny joro vinany**

Na ny fifampitondrana eo amin'ny samy olombelona aza dia misy ambaratongam-pahefana tsy maintsy arahina sy hajaina. Misy ireo apetraka ho manan-kaja ka hajaina sy omena toerana ambony eo anivon'ny fiarahamonina : ny zokiolona efa voky taona no ambony indrindra eo amin'ny fitondrana ary manaraka azy ny zandry zanaka izay mbola toroana sy tantanana natao hankatoa.

Manomboka eo amin'ny famoahana ny fanapahan-kevitra amin'ny anatontosana ny joro vinany ka hatramin'ny fotoana amaranana ity fombafombam-pivavahana ity dia hita misongadina hatrany ny fahefana ananan'ny zokiolona. Izy ireo hatrany no mandahatra sy tompon'ny fanapahan-kevitra. Efa samy manana ny andraikiny ireo zokiolon ireo araka ny toerana ametrahan'ny fiarahamonina azy. Ny Tangalamena, ohatra, no mitarika sy mandrindra ny fanatontosana ny lanonana rehetra, izy no mitarika ny joro ; ny vavanjaka dia natao hitondra fitenenana na manatanteraka ny rasavolana amin'ny vahoaka. Izany hoe, ireo hetsika rehetra tanterahina ifandraisana amin'ny tontolo tsy hita maso, joro na vavaka, dia ny Tangalamena no manatanteraka azy ; ireo hetsika rehetra atao ifandraisana amin'ny vahoaka sy ny fiarahamonina, rasavolana na kabary, dia anjaran'ny vavanjaka.

**d. Mamaritra ny anjara-toeran'ny tsirairay ny joro vinany**

Samy manana ny tsinjara toerany eo anivon'ny fiarahamonina ny olona tsirairay. Araka ny fahefana sy ny hasina ananana no ametrahan'ny fiarahamonina ny tsirairay.

Eo amin'ny fanatanterahana ny “joro vinany”, ohatra, ny Tangalamena zokiolona mahalala tsara ny fombafomba no mpitarika ny raharaha rehetra amin'ny fanelanelanana ny velona amin'ny any ankoatra. Ny vavanjaka no mpitondra teny, manao ny rasavolana manelanelana ny Tangalamena amin'ny vahoaka. Ny tovolahy velon-drainy aman-dreny izay heverina fa mbola manana ny fahafenoany no atao mpanampy mivantana ny Tangalamena amin'ny fikarakarana ny sorona atolotra ny Zanahary sy ny razana mba hampitombo hasina ny zavatra atao. Ny vehivavy no manatanteraka ny hosika noho ny fananany talenta manokana amin'izany. Ny mpanotrona ihany koa dia manana ny anjara toerany manokana izay heverina fa goavana na dia tsy mandray anjara mivantana aza satria vavolombelona manatri-maso ny fivitranan'ny fifandraisana ao amin'ny tontolo tsy hita maso sy ny tontolon'ny velona.

**e. Fanabezana ny mponina hanaja ny rafi-pitondram-panjakana ny “joro vinany”**

Na eo aza ny mbola fanajan'ny fiarahamonina ao Andovoranto ny rafi-pitondrana ara-drazana izay tarihin'ny Tangalamena dia manaja fatratra ihany koa ny rafi-pitondram-panjakana ny fokonolona ao Andovoranto.

Alohan'ny hanatontosana ny “joro vinany” dia tsy maintsy manao fangatahan-dalana an-tsoratra amin'ireo mpitondra fanjakana eo an-toerana ny Tangalamena, eo anivon'ny « chef parcelle », eo anivon'ny fokontany, ary indrindra eo anivon'ny kaominina. Tafiditra amin'izany ny fangatahan-dalana hamono omby, ny fangatahan-dalana hamory fokonolona amin'ny andron'ny “joro vinany”. Hazavaina sy haseho ny fokonolona ny taratasy natao mahakasika izany. Manatevina ny fidiram-bolan'ny fokontany sy ny kaominina ny saram-pangatahana rehetra atao amin'izany, ny tena zava-dehibe dia ny fanabezana ny vahoaka rehetra hanaja sy hankatoa ny rafi-pitondram-panjakana rehetra misy eo anivon'ny fiarahamonina.

### **3.1.5.4. Ny sanda ara-piarahamonina**

Ankoatra ny voalaza tetsy ambony dia manana sanda ara-piarahamonina ihany koa ny “joro vinany”.

#### **a. Manosika ny olona hanao ny tsara ny “joro vinany”**

Amin’ny ankapobeny, ny hetsika rehetra tanterahina mandritra ny “joro vinany” dia atao mba hanomezan-kasina ny Zanahary sy ny razana. Noho izany dia mampirisika ny olona tsirairay hanao ny tsara eo anivon’ny farahamonina ny “joro vinany” mba hahatonga azy ho lasa razana rehefa maty. Ny olona nanao ny ratsy teo anivon’ny fiarahamonina mantsy dia ariany na roahiny hiala amin’izany fiarahamonina izany ka voatery mitoka-monina na tsy milevina am-pasan-drazana mihitsy aza. Ohatra amin’ireny ny mpamosavy, ny olona nandika fady, sns...Ny olona tsy milevina am-pasan-drazana anefa amin’ny Malagasy dia tsy ho lasa razana na oviana na oviana. Mba hisorohana ny tsy fidirana am-pasan-drazana izay mitarika ny tsy fahatongavana ho razana no antony anaovan’ny Malagasy ny tsara mandrakariva eo anivon’ny fiarahamonina misy azy ka anarahany an-tsakany sy an-davany ny lalàn’ny fiarahamonina sy ireo soatoavina malagasy.

#### **b. Mampisongadina ny fiarahamonina momba ray ny “joro vinany”.**

Mandritra ny fanatontsana ny “joro vinany” dia hita ho mahazo vahana tanteraka ny fandraisan’ireo Tangalamena andraikitra. Ireo Tangalamena ireo dia olom-boafidy tao amin’ny fianakavian’ny lehilahy, izay antsoina koa hoe « zana-dehilahy ». Tsapa amin’ny fanatanterahana ny “joro vinany” fa ireo Tangalamena ireo no tompon’ny fandraharahana rehetra, tompom-pahefana ary tompon’ny fandaminana rehetra.

Ny vavanjaka no tompon’ny fitenenana izay mbola lehilahy hatrany ary matetika dia ny vavanjaka ihany no lasa Tangalamena rehefa tonga ny fotoana hanendrena Tangalamena vaovao hanampy ny efa eo na hisolo ny tsy eo intsony.

Ny maka ny omby atao sorona, ny mandavo omby, ny mampakatra ny lohan’omby eo amin’ny fisokina dia mbola lehilahy hatrany. Tovolahy matanjaka mbola velon-dray velon-dreny no manao ireo hetsika ireo.

Ny anjaran’ny vehivavy dia ny mihira sy ny mandihy fotsiny ihany izay midika ho tsy fandraisana anjara mivantana amin’ny “joro vinany”.

Araka izany, ny fanaovana sorona, ny fandraisana fitenenana, ny fanasinana rehetra dia andraikitra ny lehilahy avokoa. Izany rehetra izany dia manamafy ny

maha rafi-piarahamonina momba ray ny fiarahamonina ao Andovoranto.

#### **d. Mamelon-tsoratra fampiarahamonina ny “joro vinany”**

Isan’ny singan-drimba mitaky fiaraha-miasan’ny besinimaro, fotoana iray ahafahan’ny mpiaramonina mifandray sy mifanerasera ary mifampikasoka ny “joro vinany”. Manamafy indray ny soatoavina malagasy toy ny firaisankina sy ny fihavanana ary ny fifanampiana ny “joro vinany”. Na ireo izay nifanolana sy nanana disadisa tany anatin’ny fiarahamonina tany aza dia voatery ary tsy maintsy mifandray rehefa teren’ny adidy sy andraikitra iombonana. Rehefa samy voatery hifandray noho ireo adidy aman’ andraikitra ireo tsy mifankahazo dia mivitrana ho azy ny fihavanana tapaka. Mamelom-bolo indray ny fihavanana saika rava, manamafy orina ny fiarahamaina eo anivon’ny fokonolona iray manontolo mihitsy ny fanaovana ity “joro vinany” ao Andovoranto ity. Manaporofa izany ity voalazan-dRAHARIJAONA ity manao hoe : *« Ho an’ny tsirairay ny fihonana, ny fiaraha-misakafo, ny fiaraha-mikorana, ny fifanolorana fanomezana dia manamafy ny fifaneraserana eo anivon’ny daholobe. »*<sup>46</sup>

Izay voalaza rehetra izay ny sanda raketin’ny “joro vinany” amin’ny ankapobeny fa harosonay manaraka eto kosa indray izao ny azo ampiharana ity asa fikarohana ity eo amin’ny sehatry ny fanabeazana.

### **3.2. NY AZO AMPIHARANA ITY ASA FIKAROHANA ITY EO AMIN’NY SEHETRY NY FANABEAZANA**

Mialoha ny hirosoana amin’ny fampiharana izao asa izao eo amin’ny sehatry ny fanabeazana dia tsara raha itodihana ireo lafin-javatra miteraka olana eo amin’ny fampianarana ny taranja malagasy.

---

<sup>46</sup> RAHARIJAONA (S), « Ny Fandroana », in *Hiratra*, Université de Madagascar, Departement de langue, Littérature et Civilisation malgache, 1981, tak.207



### **3.2.1. Ireo olana eo amin'ny fampianarana ny taranja malagasy**

Amin'izao vanim-potoana iainantsika izao dia misedra olana goavana ny fampianarana ny taranja malagasy.

#### **3.2.1.1. Ny taranja malagasy amin'ny ankapobeny**

Matetika dia ataon'ny mpianatra, eny, hatramin'ny raiamandreny aza, ambanin-javatra ny taranja malagasy satria heveriny fa tenindrazana fampiasa sy iainana andavanandro ka tsy ilaina intsony ny mianatra azy ary atao tsinontsinona mihitsy aza.

Manampy izany koa ny fahadisoana tsipelina etsy sy eroa, eny amin'ny petadrindrana, eny amin'ny fahitalavitra, any anaty gazety sy ireo tambazotran-tserasera marobe misy eto amintsika, ny fanafohezan-teny amin'ny fandefasana « hafatra fohy » amin'ny finday. Ireo dia tena misy fiantraikany goavana tokoa amin'ny fampianarana ny taranja malagasy satria tsy mahafehy ny teny malagasy intsony ny mpianatra.

Ankoatra izay, ny ankamaroan'ireo mpanentana amin'ny fahitalavitra matetika dia mandiso tanteraka ny fomba fiteny malagasy kanefa dia ireny no tena arahin'ny tanora sy ankafiziny. Isan'ny fahadisoana ataon'izy ireo matetika ohatra ny hoe : « *Afaka atao* », « *aza adino* », sns... ny fampiasana teny mifangaroharo ka tsy fantatra intsony na teny malagasy na teny vahiny no iresahana.

#### **3.2.1.2. Ny zana-taranja riba**

Matetika dia toa mahamonamonaina ny mpianatra ny fanatrehana ny fampianarana riba amin'izao fotoana izao.

Eo anatrehan'ny fandrosoana ara-tsiansa sy ara-tekinôlôjia ary ny firoboroboan'ny fivavahana kirisitianina sy ny karazam-pinoana eto Madagasikara dia toa manjavozavo ny fahafantaran'ny taranaka ankehitriny ny finoana amampomba amam-panao nentim-paharazana sy ny soatoavina ary ny riba malagasy. Maro ny mihevitra ireny ho efa nilaozan'ny toetr'andro sy mitsara fa ny finoana nentindrazana dia « *fanompoan-tsampy* » ka zary manambany sy tsy manisidy vidiny ny mahamalagasy.

Etsy andaniny, ny ankamaroan'ny fahadisoana dia avy amin'ny mpampianatra satria manjavozavo ary tsy voafehin'ny mpampianatra tsara ny lesona, indrindra ny lesona riba. Tsy ampy ny boky sy ny tahirin-kevitra azon'ny mpampianatra

kirakiraina sy ampiasaina ka miteraka ny fahasahiranana amin'ny fampitana ny lesona. Raha misy ny tahirin-kevitra na boky, mazàna dia ny riba eto afovoan-tany no tena voaresaka sy voarakitra ao anaty tahirin-kevitra. Ny riba any amin'ny faritra dia tsy misy fandalinana firy fa fanoritsoritana fotsiny ihany no betsaka.

### **3.2.2. Ireo vahaolana**

Azo lazaina fa fototry ny fahombiazana ny fanomezan-danja ny teny reny eo amin'ny firenena iray. Izany indrindra no manery anay hikaoka vahaolana ho an'ny fampianarana ny taranja malagasy.

#### **3.2.2.1. Ny taranja malagasy amin'ny ankapobeny**

Amin'ny ankapobeny, tsapa fa tena mihen-danja ny fahafehezan'ny zaza sy ny tanora ny taranja malagasy. Noho izany, heverinay fa fomba iray hanondrotana indray ny lentan'ny teny malagasy ny fampiakarana ny lanjan'isa omena ity taranja malagasy ity. Izany hoe, atao misongadina sy mihoatra ny taranja hafa mihitsy izy mba hahatonga ny mpianatra sy ny raiamandreny hilofo sy hifototra aminy. Ao amin'ny taona fahasivy, ohatra, raha lanjan'isa telo ny taranja kajy dia atao lanjan'isa efatra ny taranja malagasy.

Eo amin'ny sehatry ny haino aman-jery dia tsara raha omena fanofanana manokana ireo mpanentana sy mpanolotra fandaharana ary ireo mpanao gazety mba tsy handiso tsipelina na tsy hiteny zavatra diso fa tena manabe ny fiarahamonina tokoa izy ireny.

#### **3.2.2.2. Ny fampianarana riba**

Ny riba dia fomba amam-panao, ny fomba amam-panao dia iainan'ny fiarahamonina. Izany hoe, ny fampianarana riba dia fampidirana ny mpianatra ho ao amin'ny fiarahamonina mba hahalala sy hiaina ary handala ny fomba amam-panao malagasy. Noho izany, tsy maintsy miezaka ny mpampianatra hampifandray ny lohahevitra ampianarina amin'ny zava-misy iainan'ny mpianatra mba hahatonga azy hilona ao amin'ilay lohahevitra ka handray anjara amin'ny ady hevitra sy haneho ny heviny. Tokony omena fotoana lavalava hiresahany ny mpianatra mba hivelarany bebe kokoa sy hahazoany fahalalana misimisy kokoa. Satria samy mamoaka ny heviny ny tsirairay dia afaka manao angon-kevitra izy ireo saingy ny mpampianatra ihany no manao ny tombana sy manao ny fanitsiana raha misy hevitra diso na mivaona.

Tsy tokony hianona fotsiny amin'ny fomba fampianarana mahazatra ny mpampianatra fa tsy maintsy mikaroka fomba vaovao sy tetika vaovao hatrany izay mifanaraka amin'ny filan'ny mpianatra sy ny vaninandro iainana mba hampitana ny lesona. Noho izany, heverinay fa tsaratsara kokoa raha miainga amin'ny zavatra hita maso aloha vao mankany amin'ny zavatra sainina.

Misy paika vitsivitsy azo trandrahana ireto :

➤ Fanatreha-maso mivantana ny fomba amam-panao izay tarihin'ny mpampianatra saingy ny mpianatra no tena manao ny fanadihadiana. Amin'ity fomba iray ity dia efa misy tari-dalana ataon'ny mpampianatra, efa misy andiam-panontaniana voaomana mialoha izay efa voasivana niaraka tamin'ny mpampianatra mba tsy hampivaona ny fanadihadiana.

➤ Fampiasana horonan-tsary iarahana mijery sy manadihady ka ny mpampianatra ihany no mandrindra ny fanontaniana mba hifanaraka amin'ny vontootin-desona ny fanadihadiana.

➤ Famelabelaran-kevitra : Azo tanterahana ao an-dakilasy ny manasa olona havanana amin'ilay lohahevitra ianarana. Azo atao koa ny mizara ny mpianatra ho tarika maromaro ka mampanao azy ireo fanadihadiana eny anivon'ny fiarahamonina, omena azy ireo ny drafitra itondrana ny fanadihadiana. Alohan'ny anaovana ny famelabelarana dia tsara raha tsarain'ny mpampianatra mialoha ny asa mba tsy hivaona.

➤ Rehefa tena tsy hita izay itondrana ny lesona izay vao tokony hampiasa lahatsoratra famotopotoran-kevitra na tahirin-kevitra. Zaraina amin'ny mpianatra ny lahatsoratra ka iarahana mitrandraka mba amoahana ny lesona izay marihina fa efa voaoman'ny mpampianatra.

Maro ny fomba azo itrandrahana ny lesona riba saingy amin'ny ankapobeny dia ireo no tranga azo ampiasaina indrindra. Ny tena tsy azo adinoina dia ny fanomanana tsara ny lesona omena ny mpianatra mba tsy hahatonga azy ireo ho monamonaina.

### **3.2.3. Ireo lohahevitra ao amin'ny fandaharam-pianarana azo ampiharana ity asa fikarohana ity**

Ireo lohahevitra trandrahina amin'ny taranja malagasy any amin'ny C.E.G. sy any amin'ny LYCEE no hojerena eto.

#### **3.2.3.1. Fandaharam-pianarana amin'ny C.E.G.**

##### **a. Kilasy fahadimy**

Zana-taranja : RIBA

Lohahevitra : Ny fifanajana

Mitaiza sy manefy ny mpianatra hahay hanaja ny an-tanantohatra misy ao anaty fiarahamonina toy ny fanajana ny zokiolona sy ny sokajin'olona tsirairay. Ohatra, ny fandraisam-pitenenana mandritra ny rasavolana, ny toerana ametravana ny zokiolona mandritra ny lanonana mba ho fanajana azy.

##### **b. Kilasy fahatelo**

Zana-taranja : RIBA

Lohahevitra : Ny famadihana

Manamafy ny finoana ny hery tsy hita dia ny Zanahary sy ny razana. Ohatra, ny fiantsoana razana mialoha ny famadihana mba iomanany amin'ny itondrana azy na ny famonosan-damba azy.

Lohahevitra : Ny lafa-pamokarana mifototra amin'ny firaisan-kina

Ny fiaraha-mientan'ny fokonolona iray manontolo amin'ny fanatontosana ny joro vinany izay mitondra vokatry tsara ara-pihariana ka mamelona indray ny toekaren'ny fokontany, ny kaominina, ny disitirika, ny faritany sy ny faritra atsinanana mihitsy. Izany hoe, miantoka ny fampandrosoana ny firenena.

Lohahevitra : Ny lafa-pamokarana mifototra amin'ny tsenam-barotra

Ny antony anatanterahana ny "joro vinany" eto amin'ny fokontany Andovoranto dia ny mba hivoahan'ny trondro. Miantoka ny fiveloman'ny mponina, noho izany, ny fivarotana trondro na eo an-toerana na eo amin'ny tsena manodidina hatramin'ny fanondranana any ivelany aza.

### 3.2.3.2. Fandaharam-pianarana ao amin'ny Lycée

#### a. Kilasy faharoa

Zana-taranja : LITERATIOA AM-BAVA

Lohahevitra : Ny lahabolana sy ny kabary

Ny lahabolana sy ny kabary dia tena manan-danja tokoa amin'izao asa fikarohana izao satria azo itrandrahana fomba fiteny na ohabolana mitovy hevitra amin'ny fandre mahazatra aty amin'ny fiarahamonina afovoan-tany saingy miseho amin'ny fomba fiteny hafa. Hita taratra amin'izao asa izao koa ny maha iray tsy mivaky ny lahabolana sy ny kabary malagasy satria na faritra samy hafa aza no mampiasa ny kabary dia drafitra iray ihany no arahina amin'izany. Azo anaporofoana ny maha iray tsy mivaky ny Malagasy mihitsy izany.

#### b. Kilasy voalohany

Zana-taranja : RIBA

Lohahevitra: Ny hasina

Azo itrandrahana lesona tsara mikasika ny hasina izao asa fikarohana izao satria ahitana zavatra maro izay tsy heverina ho inona akory kanefa tena manana ny sandany manokana ary mahatonga azy ho manan-kasina. Iray amin'izy ireny, ohatra, ny hazo izay antsoina hoe “fisokina” izay tena manana ny hasiny manokana eo anivon'ny fiarahamonina Betsimisaraka. Eo koa ny hasin'ny toerana, ny fotoana sy ny habaka isan-karazany.

#### d. Kilasy famaranana

Zana-taranja : RIBA

Lohahevitra : Andriamanitra, Zanahary, Razana

Araka ny famaritana amin'ny ankapobeny, ny joro dia azo lazaina hoe vavaka. Ny olombelona rehefa mivavaka dia miantso ireo hery tsy hita inoany fa hamaha ny olana mianjady aminy. Ity asa fikarohana ity dia manamafy ny antanan-tohatry ny finoana malagasy ka ametrany ny maha ambony an'Andriamanitra, Zanahary sy ny razana. Hita izany eo amin'ny joro tanterahina na eo amin'ny fiantsoana ny Zanahary sy ny razana ka iantsoana mialoha izay inoana fa lehibe eo amin'ny antanan-tohatra ametrana azy ireo.

Lohahevitra : Fitsimbinana ny aina

Hita taratra amin'izao asa fikarohana izao ny fitsimbinan'ny Malagasy ny ainy. Vokatry ny fikatonan'ny vinany dia tsy mandeha ny fiainan'ny mponina ary tsy mihodina araka ny tokony ho izy ny fiharian'ny faritra iray manontolo. Noho izany, mba hitsimbinana ny aina sy hahalava velona dia antsoina amin'ny alalan'ny fanaovana "joro vinany" ireo hery tsy hita mba hiaro sy hitahy ary hamaha ny olan'ny velona mba hitsimbinana ny aina satria "mamy ny miaina", "lahy tokana ny aina".

Ohatra ihany ireo narosonay ireo izay mifanaraka amin'ny fandaharam-pianarana ao amin'ny C.E.G. sy ny LYCEE. Santatra amin'ny fampiharana izao asa fikarohana izao eo amin'ny sehatry ny fanabeazana.

## FAMINTINANA NY FIZARANA FAHATELO

Raha ho fintinina ity fizarana fahatelo ity, dia zava-droa loha no tena navoitra tao anatin'ny : ny sanda raketin'ny joro vinany sy ny azo ampiharana izao asa fikarohana izao eo amin'ny sehatry ny fanabeazana.

Nojerena tamin'ny antsipiriany ny sandan'ny "joro vinany", satria nohadihadiana avokoa ireo sandan'ny fitaovana, ny toerana, ny habaka sy ireo fombafomba samihafa ary ny sanda ankapoben'ny "joro vinany" ara-pinoana, ara-toe-karena, aa-teti-pitondrana ary ara-piarahamonina.

Ny sanda raketin'ny fitaovana, ny toerana, ny habaka dia azo bangoina tokana amin'ny hoe : « fanomezan-kasina ny fotoana fampitambarana ny tontolon'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso any ankoatra. Eo koa ny firariana ny hahatontosana soa aman-tsara ny zavatra atao. »

Naompana amin'ny maha fombafombam-pivavahana ny "joro vinany" no nisintonana ny sanda ankapoben'ity fombafomba ity. Novelabearinay tamin'izany ny sanda ara-pinoana, ny sanda ara-toe-karena, ny sanda ara-teti-pitondrana ary ny sanda ara-piarahamonina. Nisongadina ireo fomba amam-piheverana malagasy ny amin'ny tsy fahafatesan'ny fanahy, ny fisian'ny fiainana ivelan'izao hita maso izao izay midika ho fitohizan'ny fiainana indray, ny fiankinan'ny fiainan'ny velona amin'ny hery tsy hita ary ny finoana ny hasina ananan'ny Zanahary sy ny razana. Raha ny ara-toe-karena indray dia tsapa fa fanoitra mampandroso ny toe-karena sady manosika ny olona hiezaka hanatsara hatrany ny fihariany ny "joro vinany". Ara-teti-pitondrana kosa dia hita taratra fa misy lamina sy rafitra mipetraka eo amin'ny fifandraisan'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso: misy ireo heverina ho ambony ka omena laharana sy toerana eny aloha; misy kosa ny mitana ny laharana aty aoriana. Raha ny sanda ara-piarahamonina indray no asiana teny dia voamarika fa manasongadina ny maha fiarahamonina momba ray ny fiarahamonina ao Andovoranto ny fanatontosana ny "joro vinany", manabe ny taranaka mandimby hanohy sy hikolo ary hanaja indrindra indrindra ny fomba amam-panao malagasy.

Noho izao asa fikarohana izao mahasahana lafim-piainana maro ao amin'ny fiarahamonina malagasy dia betsaka ireo lohahevitry ny lesona riba sy literatiora ao amin'ny fandaharam-pianarana ao amin'ny C.E.G. sy ny LYCEE no misy ifandraisana aminy sy azo ampiharana azy. Isan'ireny, ohatra, ny Literatiora am-bava : « Ny lahabolana sy ny kabary » ; ny Riba : « Ny hasina », « Andriamanitra, Zanahary, Razana » ary « Ny fitsimbinana ny aina .»



## **FAMINTINANA ANKAPOBENY**

Raha fehezina ireo hevi-dehibe nenti-nandrafitra ireo fizarana telo tato anatin'izao asa fikarohana izao dia toy izao:

- ny fizarana voalohany dia natao ho fampahafantarana ny faritra nanatanterahana ny asa fikarohana ka nasongadina tamin'izany ny toerana misy azy ara-jeografika, ny tantaran'ny tanàna. Teo ihany koa ny momba ny mponina sy ny fiainany.

- ny fizarana faharoa dia nanadihadiana ny fomba fanatontosana ny “joro vinany” izay nitondrana famaritana ankapobeny momba ny “joro vinany”, ny antony anatanterahana ny “joro vinany” izay miantoka tokoa ny fiainan'ny mponina ary ny fizotrany.

- ny fizarana fahatelo farany dia natao hanasongadinana ny sanda raketin'ny “joro vinany” amin'ny ankapobeny, ny sanda raketin'ireo fitaovana ampiasaina rehetra izay manana ny hasiny sy ny heviny manokana avokoa, ny sandan'ny toerana sy ny fotoana. Namaranana ity fizarana fahatelo ity ny fampifandraisana izao asa fikarohana izao amin'ny fandaharam-pianarana any amin'ny C.E.G. sy ny LYCEE.

Araka izany, santatra fotsiny ihany amin'ny fandinihana sy fanadihadiana Riba ao amin'ny fokontany Andovoranto izao nataonay izao. Mpisava lalana fotsiny ihany ny tenanay ny amin'izany fa mbola maro ireo singan-driba azo trandrahana ao amin'ity fokontany ity.

## TENY FAMARANANA

Ny fanatanterahana izao asa fikarohana izao dia nahafahana nanaporofo ny fisian'ny hery roa samy hafa eto amin'ity tontolo ity: ny tontolon'ny velona sy ny tontolo tsy hita maso na ny tontolo any ankoatra. Miaiky ny olombelona, amin'ny ankapobeny, fa tsy mahavita tena ka tsy maintsy mitady hery hafa ivelan'ny tenany mba hanampy sy hiaro ary hamaha olana azy. Izany no nahatonga ny fokonolona ao Andovoranto nanatanteraka ny joro vinany.

« Ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto » no lohahevitra nanompanana izao asa fikarohana izao. Ny sampam-pandinihana antirôpôlôjika arapivavahana no nentina nanadihady izany.

Vokatry ny fandrosoana, mila ho tototry ny riba sy ny kolontsaina vahiny ny kolontsaina malagasy. Ny “joro vinany” dia isan'ny mamelona indray ny hasin'ny riba, ny kolontsaina ary ny fomba amam-panao malagasy nentin-drazana ; manandratra ny maha malagasy ny malagasy ary mampifototra indray ny tanora sy ny taranaka malagasy hiverina indray amin'ny fandalana ireny fomba amam-panao mampiavaka ny Malagasy ireny.

Ankoatra izay, manana ny mampiavaka azy manokana izao asa fikarohana izao satria ny “joro vinany” ao Andovoranto izay natao mba hamoahan'ny ranomasina trondro indray dia tsy misy asa tanan'olombelona mihitsy fa tena asan'ireo hery tsy hita zato isan-jato mihitsy ary misy zava-mahagaga tsy takatry ny saina. Noho izany, tsy ny riba sy ny kolontsaina malagasy ihany no asongadina amin'izao asa izao fa eo koa ny fanamafisana ny finoana ny Zanahary sy ny razana, ny finoana nentin-drazana.

TOVANA

## **I. IREO HOSIKA FANAO AMIN'NY JORO VINANY AO ANDOVORANTO**

- HOSIKA FAMPAKARANA OMBY

### **1- Ingao aomby !**

Ingao aomby e ! Ingao !

Ingao aomby e ! Ingao !

-aomby e !

Indosy aomby e ! Indosy !

Indosy aomby e ! Indosy !

-aomby e !

Amia lalana aomby e !

Amia lalana aomby e !

-aomby e

Aomby mazava loha manafo e !

Tsara mitsingerina !

-aomby e !

Indosy malakilaky manafo e !

Maneva Zanahary !

**2- O lelahy**

O lelahy e, o lelahy e !

Le tsy tonga tsy lelahy !

-Oi ôi lelahy e !

-Oi ôi lelahy e !

Ze mahasaky mitongava !

Mitongava malaky raha lelahy !

-Oi ôi lelahy !

-Oi ôi lelahy !

Lelahy mahery misavika aomby !

Lelahy mahery mandavo aomby !

-Oi ôi aomby raika

-Oi ôi aomby roa

-Oi ôi aomby telo

Tsara jôro Zanahary niany !

Tsara jôro Zanahary niany

### 3. Mangaho joro

E ô ia e mangaho joro

Tsara are ô

Razan'angady mahitsy mirirana

Marary vady e, tsy maintsy sahirana

-Tsara are ô

-E ô ia e !

Laliny rano ô

Fa ny ainan-tena tsy tian'olo

Tsy hamono tena

-Tsara are ô

-E ô ia e !

Anarana aomby le maro volo

tsy hody kôza tsy ambanivolo

-Tsara are ô

-E ô ia e !

Tsara are ô

Mangaho joro

-Tsara are ô.

- HOSIKA FAMPAKARANA LOHANA OMBY AMIN'NY FISOKINA

### **1.Tsy mangorohoro**

Zahe manafo tsy mangorohoro

Zahe manafo tsy mangorohoro

-O ô ô ô manafo ô !

Zahe manafo tsy mangorohoro

Zahe manafo tsy mangorohoro

-O ô ô ô manafo ô !

Manan-Janahary tsy mangorohoro

Tsara Zanahary tsy mangorohoro

-O ô ô ô manafo ô !

Tia Zanahary tsy mangorohoro

Manome Zanahary tsy mangorohoro

-O ô ô ô manafo ô !

Zahe manafo tsy mangorohoro

Zahe manafo tsy mangorohoro

### **2. Zanahary anambo**

Zanahariney mahery

Razananey mahery

-O ô ia e e !

-O ô ia e e !

Zahey zalahy niany ravoravo

O manafo, ravoravo e !

-O ô ia e e !

-O ô ia e e !

Ravoravo arô Zanahary

Tolorana raha matsatsara !

-O ia e e !

-O ia e e !

Veloma ny aina manafo ô !  
Hiaro amin-janahary !  
Veloma ny aina manafo ô !  
Arovan-janahary !  
-O ia e e !  
-O ia e e !  
Zanaharinay mahery !  
Zanahary anambo !

- HOSIKA FAMARANANA LANONANA

**1. VILOMA ARÖ**

Manano viloma, sambe tsara !  
Manano viloma, tsara miaro !  
-Ö ô viloma andreo  
-O ô viloma arô !  
Sambe tsara a ! Sambe tsara arô !  
Viloma sambe tsara ly lahy !  
Viloma sambe tsara viavy !  
-O ô viloma andreo  
-O ô viloma arô !  
Antsena an-tanàna e ! Sambe tsara !  
Andreo hipody lavitry ! Sambe tsara !  
Viloma sambe tsara zalahy e !  
-O ô viloma andreo  
-O ô viloma arô !



## **2. VELOMA SAMY TSARA**

O ô veloma samy tsara,  
Veloma anao ô, samy tsara e !  
Veloma baba, veloma neny e !  
Veloma samy tsara zalahy e !  
Tanàna tsy asian-dratsy arô e !  
Mbola ierenana amaraina !  
Andovoranto tsy azon-dratsy arô e !  
Tsara joro niany, tsara joro amaraina !  
Veloma zoky !veloma zandry e !  
Hipody,hitsingerina akatokato !  
Veloma manafo,veloma andreo e !  
Tanàna tsy fointsena Andovoranto !

Loharano: Nangonina tamin-dramatoa Marie Rose, mpitarika mpihosika.  
Monina ao Andovoranto, « parcelle I » Ambalamangahazo,

## **II. IREO RASAVOLANA FANAO AMIN'NY JORO VINANY**

### **1. Rasavolana mialoha ny joro vinany**

#### **1.1. Rasavolana fiantsoana sy fanalana « vody maritra »**

“ Misaotra andreo nantsôvana tonga nitandriny raharaha taketo niany. Io ny toaka zalahy, io ny betsa, ny lomanady; tsy toaka natao hahamamo na lomanady natao hahavoky fa voninahi-pitoerana ho antsika fokonolona sady ho fanalana « vody maritra ». Izy io le atelina tsy mahalen-tenda, le arora tsy mahavonto tany. Tsy fanôka anareo tolora izy akeo raha ny voninahitrareo fa ny fonay feno fifaliana manolotra azy zahanana. Koa miangavy antsena handray ny anjara tandrify antsena avy amin'ny fananôvana izany raha izany. Misaotra tompokolahy, misaotra tompokovavy.”

#### **1.2. Rasavolana fisaorana ireo mpaka omby sy mpihosika**

“Indreo misy rômy, misy toaka damizana raika, misy lomanady ho fisaorana sy fankasitrahana antsena zalahy tamin'ny fampakarana aomby. Sambe mandray zalahy, ny rômy ho antsena lilahy, ny toaka ho antsena viavy, kô misy zaha madinika, akao ny lomanady ho andreo. Antsika zao zalahy vary sy rano: an-tanety miara-miaina, andrano miara-lena. Mankasitraka, mankatelina antsena jiaby ny tenanay zalahy e! Vao manomboka ny asa, mbola maro ny asa mandiny antsena, mbola maro ny asa iangaviana andreo. Mankasitraka Tompokolahy, mankatelina Tompokovavy.”

## **2. Rasavolana mandritra ny andron'ny “joro vinany”**

### **2.1. Rasavolana fiarahabana ny fokonolona tonga manatrika, fanolorana ireo omby hatao sorona, famonoana ny omby.**

- *Ny vavanjaka mpirasavolana*

“ Salanitra Tompokolahy; Salanitra Tompokovavy!

Ny antony ifanantsôvana arô tsy misy raha marobe:

Voalohany, miala tsiny amin-dreo manam-pahefana lehibe amin-tany, amin-dreo raiaman-dreny lolohavina an-tampon-dôha, amin-dreo zoky zandry jiaby manatrika atrehi-maso aketo. Tonga zahey manantso andreo fokonolona niany, antsôvina andro, avy andro, antsôvina alina, avy alina. Araka izany, misaotra zalahy amin'ny fahatongavana. Koa miarahaba an-dreo: Lahaly arô? Lahaly tsara be lahaly e? Ho mariky ny fandraisan-tanana antsena zalahy, ho mariky ny fankasitrahana andreo nanary taba sy nandao tôkantrano, manolotra ho andreo ny rômy sy ny betsa ary ny lomanady.

Faharoa manaraka izany, tonga ny fotoana amin'ny fikarakarana fiainanantsena. Andro maromaro mi zay no nifandinihana ny amin'ny fivelomanantsena miampatra amin'ny ranomasina. Naniana raha jiaby, tsy hita ny marina, tapaka ny hevitra fa atao ny “joro vinany” hamerenana indray ny hasin'ny rano sy ny hasin'ny razana. Tsy tôngatônga fôna mantsy ny fifodian'ny vinany fa akeo ny antony. Tapaky ny raiamandrenintsena jiaby fa tsy maintsy miroso antsena amin'ny “joro vinany”. Niany no andro voatondro ananôvana raha izany, angatahantsena amin-Janahary, amin-drazana ny hanokafana indray ny vinany eto amintsena.

Faharoa fahatelo, “tsaboraha tsy maty aomby zalahy e, tsy maresaka”. Koa indreo ny aomby, aomby jaolahy mazava loha, natolotra ho amin’izany. Tsy nisy noterena nanolotra aomby fa samby vokatry ny fon-tsena aby zany. Samby nanano ze zakany jiaby, nanano tahiry andavorarina ny sorona tanterahina. Koa indreo izy jiaby, aomby jaolahy mazava loha telo araka ny “parcelle” nanolotra. Mialoha ny hitondrasana azy ireo, mizakà koa zalahy ze tompon’aomby niany io. Le tsy misy tompony akao, antsena jiaby manatrika atrehi-maso aketo tompony aby. Manatoro ny volon’aomby zahey, hamono aomby avy akeo ka mametraka ireo rômy, toaka sy lomanady ireo.

Manarakaraka izany, tanintsena ty manam-pitondra, manam-pifehy. Ny vono aomby tsy ataotao foana. Aseho antsena ny taratasy fahazoan-dalana tamin’izany, ny rosia nandoavana ny vòla ho fandavoana sy ho saran’ny famonoana aomby atao niany io. Koa misaotra andreo Raiamandreny mpitondra fanjakana tsy nandà ny fangatahananey.

Fahatelo fahefatra manaraka izany, ara-dalàna ny raharaha kasain-tsena niany. Indreo ny manam-pahefana jiaby manatrika atrehi-maso aketo. Ny fotoana miroso, ny andro mihaatoandro, handavo aomby zahey koa mangata-dalana amintsena. Indreo ny rômy, ny betsa ary ny lomanady ho fangatahan-dalana amin’izany. Zany sy zany ny antony nifanantsôvana koa veloma ny tenandreo ho tahian’Andriamanitra”.

- *Ny mpamaly rasavolana*

“Eny a Tompokolahy! Eny a Tompokovavy!

Voalohan-korana, miala tsiny, miala fondro raha toa ka mandramby korana aketo. Tsy hanano be fiavy toa rano maria, fa hanano tahaka le anti-boavy mitsidi-binanto, tsy mandom-baravarana sao misy mahariny. “Ny teny tsy azo, mantsy hono, mahajoko; ny teny azo mahasolanga” koa nomena aney ny teny ka de alahatraney.

Avizin-dreo takeo: “Miarahaba andreo jiaby tōnga manatrika atrehi-maso. Ankasitrahana ny fahatongavana: antsôvina andro dia andro, antsôvina alina dia alina. Ho fiarahabana sy fandraisan-tanana andreo nanary taba, nandao vady aman-janaka, io ny rômy, toaka sy ny lomanady.”

Faharoa avizin-dreo: “Mandeha ny fotoana, mandeha ny lera. Matoa antsôvina misy antony. Mbarakaly zay nifody vinanin-tsena taketo. Sahirana antsena, tsizarizary ny fivelomana. Natao raha jiaby tsy nahitana vahaolana. Tapaky ny raiamandrenintsika fa hirosoana ny joro vinany satria nisy nandika fady teny aminany. Atao ny joro vinany hamerenana ny hasin’ny rano sy ny hasin’ny razana.”

Faharoa fahatelo nokoranin-dreo takeo: “Tsaboraha tsy maty aomby, tsy maresaka. Koa indreo ny aomby jaolahy mazava loha miisa telo natao amitrana ny fifandraisana amin-janahary. Raha akao ny tompon’ny aomby, avizin-dreo, mizakà. Kô tsy misy tompony, antsena jiaby tompony; manatoro ny volon’aomby zahey, hamono aomby avy akeo ka izany no anoloraney ny rômy, ny betsasy ny lomanady.

Manaraka izany, manam-pitondra sy mpifehy antsena; nanome lalana amin’ny famonoana ny aomby. Indro ny taratasy sy ny rosia manamarina izany ka dia misaotra andreo manam-pahefana isan-tsokajiny avy tsy nandà ny fangatahana.

Fahatelo fahefatra, mandeha ny fotoana, miroso ny lera, ny lalana rehetra efa tanteraka jiaby. Hirosoana ny fandavoana ny omby sy ny famonoana koa mametraka ny rômy sy ny toaka ary ny lomanady; ka tsy maintsy mirasavôlana amin-dreo.

Nahareny ny fiarahabana zahey takeo: tsara be rô zahey ifanotsafa! Sambe tsara aby arô! Nahareny ny antony nanantsôvana zahey takeo dia ny fanatanterahana ny joro vinany. Sambe ho tahian-Janahary sy ny razana ary hamaly ny vavaka sy handray ny sorona atolotra anie ny Zanahary. Momba ny aomby, tsy misy mijoro ho tompony rô akeo, ka hoy zahey hoe tapaho ny aomby fa efa azo ny fahazoan-dalana avy amin’ny fanjakana. Koa raha alavo ny aomby dia nametraka rômy sy toaka ary lomanady andreo. Ny aminjany ndreky, mankasitraka, mankatelina amin’ny nataon-dreo. Ho tahian-Janahary, ho arôvan-drazana aby antsena jiaby. Misaotra Tompokolahy! Misaotra Tompokovavy!

## 2.2. Rasavolana famindrana ny henan'omby sy ny hitetehana azy

### - *Ny mpirasavolana*

“Tompokolahy sy Tompokovavy! Mankasitraka, mankatelina andreo noho ny mbola fanotronandreo. Tsy nandao andreo fa mbola tînga manome voninahitra zao lanonana ataon-tsena zao hatramin’ny farany. Tsy nahavatra nande nody andreo fa mbola nandiny, mbola nanomia vononahitra zao joro vinany zao. Efa ny joro, ndeha hotetehana ny hena. Sorona natao ho an’ny Zanahary sy ny razana tsy raisidraisim-poana ka mialoha ny hamindrana ananjy, indreo ny rômy, ny toaka tsy hahavery hasina ny sorona nataontsena.

*Faharoa manaraka izany, akeo andreo tovolahy matanjaka, samby velon-dray, velon-dreny; madio am-po, madio am-panahy. Andreo no zanaka mpamelo-maso ny anaran-drazana, handimby rahatrizey, miangavy arô; ndreo ny antsy; ndreo ny kiso, sambe manetika, sambe mandrasa. Indreo ny rômy, ny betsa ho hasin-tanana hanao izany.”*

### - *Ny mpamaly rasavolana*

“Ia rô! Mbola miala tsiny amindreo fokonolona raha mbola mitsangana aketo. Tsy tonga hampitahotra toa kakabimaso fa tonga kosa hirasarasavolana.

Ka hoy andreo takeo: Fisaorana sy fankatelemana no atolotray ho andreo nahandry sy nanome voninahitra ny joro vinany. Novolanindreo takeo ny hamindrana ny aomby ho tetehina. Tsy raisidraisim-poana ny sorona natao ho an-Janahary koa io ny rômy, ny toaka hanamasinana izany. Manaraka izany, eo andreo tovolahy matanjaka, miangavy andreo samby handramy ny fitaovany aby hanetika sy handrasa ny hena. Ireo ny rômy, ny toaka ho hasin-tanana amin’izany.”

“Aia arô! Nirasavolana takeo moa isaorana tsara be, ho tahian’Andriamanitra fa nandreny ny tenaney. Faharoa fahatelony, niangavy andreo ny amin’ny fitetehana ny hena; aza manahy arô, manana tovolahy matanjaka antsena, velon-dray, velon-dreny; samby zanakantsena aby reo. Matokisa arô! Ary nyamin’ny toaka, voaray tsara be raha reo fa misaotra andreo. Veloma ny tenandreo ho tahian’Andriamanitra.”

### **2.3. Rasavolana anentanana ny mpihosika**

“Andreo viavy kibo nifonosana, nitondra folo vôleana. Miangavy andreo zahey ny amin’ny fanatontosana ny hôsi-drazana hamparesaka ny lanonam-bentsena niany. Io ny toaka ho hasina aminjany, ho fandeman-tenda. Veloma ny tenandreo tahian’Andriamanitra.”

### **2.4. Rasavolana fampakarana ny lohana omby**

“Ny antony ametrahana ny rômy sy ny toaka izay natao an-damizana io manafo ô, iarahantsena misotro amin’ny fampakarana ny lohana omby aketo amin’ny fisokina aketo niany. Fahendrentsena malagasy jiaby ny hoe: “tsy mitsako mialoha ny vazana.” Ndosy arô, akaro ny anjaran’ny Zanahary; amizo ny anjaran’ny razana; avy akeo vao miara-misotro antsena. Zany tsy maintsy koranina amin-dreo ho fanajana ny Zanahary, ho fanomezan-kasina ny razana.”

### **2.5. Rasavolana famaranana na fafa lapa**

- *Ny mpirasavolana*

“Tompokolahy sy Tompokovavy!  
Mankasitraka, mankatelina antsena jiaby fa vita tsarabe ny, vita soa aman-tsara ny raha natao niany noho ny firaisan-tsainantsena, fifanampiantsena jiaby. Tanteraka tamintsena niany le ohabolana hoe: “Ze mitambatra vato, ze misaraka fasika”. Noho izany de mamerina ny fisaorana antsena jiaby! Raha tsy taketo andreo jiaby nitoto nahafotsy sy nahandro nahamasaka, tsy efa tsaboraha naniana taketo. Andreo zao no “kakazo be randrana ka tsy ilatsaha-mananika”. Noho ny nataonareo no nahaefa raha jiaby. “Ny laka-nitana tsy tsipahan-doha” ka ho fisaorana andreo, indro ny rômy, ny toaka ary ny lomanady. Dia veloma aby ny tenandreo tahian’Andriamanitra.”

- *Ny mpamaly rasavolana*

“Mbola miala tsiny amindreo jiaby tsy avakavahana raha mbola mandray fitenenana sy matetika mikorana aketo. “Matetika avy karaha sotrokely” ka mamerina ny fialan-tsiny. Tonga moa ny tenanareo mankasitraka sy mankatelina noho ny firaisantsena sy ny fifanampiantsena jiaby, avizin-dreo takeo. “Tody lakana antseranana, zany hono, ny raha atao tsy maintsy misy farany” ka ho mariky ny fisaorana avizin-dreo takeo: io ny rômy, io ny toaka, io ny lomanady.”

*“Nirasavolanatakeo, misaotra tahian’Andriamanitra fa nahariny aby zahey takeo. Amin’ny fankasitrahana nataondreo moa, zao amalianey ananjy: “Betsimisaraka tsy misara-draha manano: an-drano miara lena, an-trano miara-miaina”. Amin’ny rômy sy toaka ary lomanady zey norasambolana takeo: ze misotro ho sendra ny tsara, ze migoka tsy higanan-draha, ka sambe mandramby tandrifiny aby. Ny vinany arô, hisôkatra hanome laoka; antsena jiaby hiaro amin-tsoa, ny Zanahary sy ny razana hitombo hasina. Ho an’ize hody, izikoa tsy hita akeo dia efa lasana, ka dia manao veloma samby tsara aby. Veloma aby ny tenandreo, sambe tahian’Andriamanitra e!”*

Rasavolana nangonina tao Andakorolava, « parcelle II » 20 aogositra 2015,

Mpanome : TALATA Aimé, Vavanjaka



### III. IREO JORO FANAO AMIN'NY JORO VINANY

#### 1. Joro fampilazana mialoha ny Zanahary sy ny razana

“Any Zanahary! Any razana!

Zanahary anambo, Zanahary ambonin’ny tany,

Nanano ny lanitra, nanano ny tany, nanano ny olombelo.

Anareo razana, foto-bolo nanirian’ny randrana,

Tsy nisy zahey kô tsy nisy andreo.

Ny antony anantsôvana andreo:

Tonga aketo zahey niany,

Hampilaza amindreo Zanahary, amindreo razana,

amindreo tompon-tanàna akato.

Tsy afaka hangina fôna zahey,

Fa tsy maintsy milaza amindreo alôhalôha

Satria andreo no ananôvana ny asa sy ny taba.

Ho avy aketo zahey hijoro vinany amin’ny. . . . .

Mangataka amin-dreo ny hanokafana ny vinany,

Mijaly zahey zanakandreo, mijaly zahey taranakandreo.

Indreo ny rômy, ny toaka, ny tintily, ny vivila, ny vôla:

Angatahana ny tsara, aniriana ny soa,

Atôva efa tsarabe raha angatahaney amindreo.

Zeny antony anantsôvana andreo.

Miantsilany ny tany, miankôhotro ny lanitra.

Tompoko Zanahary.

Avy ny tsara!

**Joro nataon'I DIMILAHY Alfred,Tangalamena**

**2. Joro fanao rehefa miantso Zanahary sy razana**

“O! O! O!

O! O! O!

Zanahary anambo, Zanahary mahita ny an-tany

Miangavy andreo mba handrorona

Volamena ny lalana mandrorona

Volamena ny lalana miakatra.

Mangaho joro zahey amin'ity andro niany ty.

Mangaho amindreo Zanahary hanokatra ny vinany

Hanome laoka, hanome hanina.

Mbarakaly zey, tsy nisy laoka, nikatona ny vinanin'Andovoranto

Natao raha jiaby fa tsy nisy vokany,

Koa mangaho andreo Zanahary anambo,

Mangaho andreo razana mahefa,

Mangaho andreo tompon-drano.

Tapa-kevitra zahey hanano joro,

Hamono aomby mazava loha ho andreo,

Hamerenana ny hasin'ny rano.

Zany no antony anantsôvana andreo Zanahary:

Hanano fifonana sy hangaho amindreo mba hanokatra ny vinany.

Manantso andreo razana,

Tapaka ny hevitra fa hanano joro  
ho famerenana ny hasin'ny rano.  
Indrindra andreo tompon-drano,  
Mangaho joro amindreo razana hanokatra ny vinany  
Andro maromaro zey, nikatona ny vinanin'Andovoranto,  
Tsy nisy azo natao, andreo no vahaolana,  
Zany no antony nanantsôvana.  
Mangaho amindreo, hanokatra ny vinany.  
Zany sy zany ny antony nanantsôvana andreo  
Zanahary anambo, razana mahita ny ambany,  
tompon-drano masina ambonin'ny masina.  
Atrehondreo ny joro ataonay,  
Ndosy ny taranaka, ndosy ny tamingana  
Fa hijoro vinany antsena niany.  
Miantsilany ny tany, miankohotro ny lanitra,  
Zey razana jiaby anatin'izeny antsôvina aby.  
Tompoko Zanahary. Avy ny tsara!"

Joro nataon'I DIMILAHY Alfred, Tangalamena, 20 Aogositra 2015

## Tahirin-kevitra

- Andriamahatody Nivo (H), *Ny joro orana sy ny fomba fijery ny tontolo ao Ambohijanahary any amin'ny faritra Antsihanaka*, Mémoire de CAPEN, 2002 , tak.128
  
- DECARY (R), *La mort et les coutumes funéraires à Madagascar ?* G.P, Maison neuve et Larousse, Paris, 1962, 305 tak.
  
- DEVIC (J), « Fisokina, monument et symbole. Instrument de sacrifice », in *Revue de Madagascar*, n°16, nouvelle serie, 1961
  
- Dictionnaire LAROUSSE 2000 (DVD)
  
- DURKHEIM (E), *les formes élémentaires de la vie religieuse, le système totémique en Australie*, PU, Paris, 605 tak
  
- ELYSA, *Ny joro vinany ao amin'ny kaominina Soanierana Ivongo*, Mémoire de CAPEN, 2006
  
- ESTRADE Jean Marie, *Un culte de possession à Madagascar, Le TROMBA*, 1975 Paris, 379 tak.
  
- EVANS Pritchard, *Anthropologie sociale*, Ed. Paris, 1969, 174 tak.
  
- FERNANDEZ (M), “*Contribution à l’étude de peuplement du Lac Alaotra*” in *Taloha* n°3, 1963

-LAHADY Pascal, *Le culte betsimisaraka et son système symbolique*, Fianarantsoa

Ambozontany, 1979, 279 tak.

-RAHAJARIZAFY (A.P), *Filôzôfia malagasy*, natonta fanintelony, Ambozontany

Fianarantsoa, 197 ,121tak.

-RAJAOBELINA Vololonirina, *Ny finoana ny tromba amin'ny vaninandro ankehitriny ao amin'ny fokontany Andovoranto*, Mémoire de CAPEN, 2016

- RAJEMISA-RAOLISON Régis, *Rakibolana malagasy*, éd Ambozontany, 2003

-Rakibolana ho an'ny ankizy miampy Rakipahalalana, Edisiona Idac –Zébu Francophone, 695 tak.

- RANDRIAMAMONJY Frédéric, *Tantaran'i Madagasikara isam-paritra*, trano printy

Fiangonana Loteriana Malagasy, Antaninarenina – Antananarivo

-RAVELOJAONA, RABEONY (H), RATSIMA, RANDZAVOLA, *Firaketana ny zavatra sy ny fomba fiteny malagasy*, Imprimerie Industruelle, Rue Galliéni, Tananarive, 1937

- RAZAFINTSALAMA Adolphe (s.j), *Ny tari-dalana ho enti-manadihady ny finoana sy ny fomba malagasy*, 2004, 109 tak.

-TONGASOLO, *Fomban-drazana Antemoro*, Ambozontany- Fianarantsoa, 1997,

383 tak.

-VAN BAAREN (Th), *Les religions d'Asie, de l'Islam au Bouddisme Zen*, Marabout, Paris, 1962.

## TARATASIM-PANJAKANA ATAO POROFO

Ity registra ity dia porofo nomen'ny lefitry ny ben'ny tanàna anay fa avy "Province" ny kaominina Andovoranto; ary Andovoranto fa tsy Andevoranto no anaran'ny tanàna taloha.

COLONIE DE MADAGASCAR  
et  
DÉPENDANCES

N° 19  
(Arrêté du 31 décembre 1904)

PROVINCE  
d'Andovoranto

District d'Andovoranto

Gouvernement principal  
d'Andovoranto

Gouvernement madinika  
d'Andovoranto

# REGISTRE

DES

## ACTES D'ADOPTIONS, DE REJETS ET DE DIVORCES

(BOKY FANORATANA NY MANANGANA, NY MANARY ZAZA SY NY MISARAKA AM-PANAMBADIAN)

ANNÉE 1909

Le présent registre, contenant dix-huit feuillets, a été coté et paraphé par nous, Chef du district, gouverneur principal de Andovoranto pour servir à l'inscription des actes de l'état civil dans le gouvernement madinika de Andovoranto.

Ily registra ity, izay misy takelaka, dia voaisy nomero sy voaisy sonian' gouverneur principal ao, mba hanoratana ny manangan-jaza sy ny manary zaza ary misaraka am-panambadiana ao amin' ny gouvernement madinika ao.

A Andovoranto, le 12 Novembre 1909

VU ET VÉRIFIÉ :  
Le Chef du district, L. P.

Pour les provinces où l'arrêté du 31 décembre 1904 est applicable, rayer les mentions afférentes au gouvernement principal et au gouvernement madinika.

N° 970 de la nomenclature cadastrale

**Anarana :** RAMILIMANANA

**Fanampiny :** Heritiana Lalaina Finaritra

**Laharana finday :** 034 37 975 72

**Lohatenin'ny asa :** Ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto

**Isan'ny takila :** 143

**Isan'ny sary :** 11

### **FINTINA**

“Ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto” no lohateny nampitondraina izao asa fikarohana izao. Fizarana telo lehibe no nentina nandalina izany: voalohany no nampahafantarana ny toerana nanaovana ny asa fikarohana, ny momba ny mponina sy ny fiainany ao amin'ny fokontany Andovoranto; ny fizarana faharoa dia niresahana ny fomba fanatontosana ny joro vinany ao amin'io fokontany Andovoranto io; ary ao amin'ny fizarana farany no anasongadinana ny sanda raketin'ny joro vinany sy ny azo ampiharana izao asa fikarohana izao eo amin'ny sehatry ny fanabeazana.

### **RESUME**

“Ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto” tel est le titre donné à cet œuvre. Il est élaboré en trois grandes parties dont la première décrit l'endroit où cet œuvre a été produit, ses habitants ainsi que la civilisation dans le fokontany Andovoranto ; le deuxième partie élabore la réalisation du « joro vinany dans ce fokontany même. Et dans la dernière partie la mise en évidence de la valeur culturelle du « joro vinany » avec l'application de cet œuvre dans le domaine de l'éducation.

### **ABSTRACT**

« Ny joro vinany ao amin'ny fokontany Andovoranto » such is the title given to this research work. It's divided into there main parts. The first part describes the place where this research work has been realized, its population and the life in the society in this fokontany. The second part talk about the process wich the “joro vinany” has been realized in the fokontany Andovoranto. And the last part develops the cultural valour of the “joro vinany” and the application of this research work in the education estate.